


UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
C.E.R : LETTRES MALGACHES



MEMOIRE POUR L'OBTENTION DE CERTIFICAT D'APTITUDE
PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE
(C.A.P.E.N.)



**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA SY
NY FANABEAZANA AO AMIN'NY
OHABOLANA 10-29 NOSORATAN'I
SOLOMONA AO AMIN'NY BAIBOLY
PROTESTANTA**



« LINGUISTIQUE »

Présenté par :
RANDRIANANDRASANA Narisoa Mihaja

Directeur
RAKOTOARISON Angelot Louis Richard
Maître de conférences

ANTANANARIVO
Année 2010
Date de soutenance : 30 Juin 2010

**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE
FILIERE LETTRES MALGACHES**

**MEMOIRE POUR L'OBTENTION DE CERTIFICAT D'APTITUDE
PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE
(C.A.P.E.N.)**

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA SY NY
FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA 10-29
NOSORATAN'I SOLOMONA AO AMIN'NY BAIBOLY
PROTESTANTA**

« LINGUISTIQUE »

**Présenté par :
RANDRIANANDRASANA Narisoa Mihaja**

**Directeur
RAKOTOARISON Angelot Louis Richard
Maître de conférences**

Date de soutenance : 30 Juin 2010

**ANTANANARIVO
Année 2010**

TENY FISAORANA

Ny voalohan-teninay eto am-pamokarana izao asa fikarohana famaranana ny fianarana ary ahazoana ny mari-pahaizana C.A.P.E.N izao dia ny fisaorana an'Andriamanitra, nanafy hery sy nanome fahasalamana ho anay tamin'ny fanatanterahana izao asa izao.

Tolorana fisaorana manokana eto ihany koa Andriamatoa ANDRIAMANANTSILAVO Seth, mpampianatra maharitra eto amin'ny Ecole Normale Superieure Antananarivo, nanaiky am-pahatsorana ho filoha mpitarika ny fanohanana ampahibemaso ity voka-pikarohana ity. Ny Tompo anie hitahy anao mandrakariva.

Fisaorana mitafotafo ihany koa no atolotra an-dRamatoa RAZAIARISOA Marie Olga; mpampianatra ; nanaiky hanitsy ny diso, ny tsy mety tokony harenina. Mankasitraka indrindra tompoko, ary ny fahasoavan'Andriamanitra anie ho aminao mandrakariva.

Tolorana fisaorana eto koa Andriamatoa RAKOTOARISON Angelot Louis Richard, mpampianatra, nitantana sy nanoro hevitra ary nitari-dalana anay tamin'izao asa fikarohana izao. Na dia teo aza ireo andraikitra maro nosahaniny ary tsy nitarain-tana-miepaka fa nanaiky ny hiara-miasa taminay na andro na alina. Koa fisaorana eram-po, eran-tsaina no atolotra anao: « Ny hazo no vanon-ko lakana, hono, ny tany naniriany no tsara »

« Ny hevitra, hono, tsy azo tsy amin'ny olombelona ». Koa tolorana fisaorana etoana ireo nanampy sy nitari-dalana ary nanoro hevitra anay tamin'ny fanaovana ny asa manontolo.

Tsongaina manokana amin'ireo ny mpampianatra rehetra tsy ankanavaka izay nanofana sy nanabe ary nitaiza anay nandritra ny dimy taona teo ho eo tato amin'ny « Ecole

Normale Superieure »; Sampana taranja malagasy. Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie hirotsaka aminareo hatrany.

Tsy hadino koa ireo mpiara-mianatra izay nanampy sy nanoro hevitra anay teo amin'ny fanaovana ny asa, fisaorana lehibe no atolotra azy ireo.

Teo ihany koa ireo ray aman-dreny, ny mpiray tampo ary ny fianakaviana rehetra izay nanome hery sy nampirisika anay hanatanteraka ny asa hatramin'ny farany.

Tsongaina manokana amin'izany ny vadiko, Pasitora RAKOTOARIVELO Tsiriniaina Harison sy ny zanakay RAKOTOARIVELO Fanaja Misaina Fandresena izay tena nanao izay fara heriny tokoa nanampy teo amin'ny fanatontosana ny asa, ary tsy nitsahatra ny nampahery sy nanaitra anay mba tsy ho variana eo amin'ny fiainana. Fankasitrahana mitafotafo no atolotray azy.

Toy ny fary lava vany ny fisaorana ka tsy lany hamamiana. Koa ho anareo rehetra sy ireo mety tsy voatanisa ato no toloranay fisaorana eram-po, eran-tsaina. Tsapanay ny halehiben'ny fitiavanareo anay ka hoy izahay hoe: SITRAKA HOENTI-MATORY, tompoko, KA HOVALIANA RAHA MAHATSIARO.

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA.....	i
DRAFITRA.....	I
0. TENY FAMPIDIRANA	1
0.1. Ny sehatra irotsahana.....	1
0.2. Ny lohatenin'ny asa fikarohana.....	1
0.3. Ny anton'ny safidy.....	2
0.4. Ny zava-kendrena amin'ny asa fikarohana.....	3
0.5. Ny petraka olana sy ny petraka hevitra.....	3
0.6. Ny fomba nanatontosana ny asa.....	4
0.7. Ny olana nosetraina sy ny vahaolana ny amin'izany	4
0.8. Ny fomba fandinika nampiasaina.....	5
0.9. Fetran'ny asa.....	6
FIZARANA VOALOHANY:	8
JERY FAOBE NY OHABOLANA AO AMIN'NY BAIBOLY.....	8
1. NY BAIBOLY AMIN'NY ANKAPOBENY.....	8
1.1. Famaritana ny baiboly.....	8
1.1.1. Ny mombamomba ny baiboly sy ny endriny ivelany.....	9
1.1.2. Ny fomba nanoratana ny baiboly.....	10
1.1.3. Ny fomba fandinika ny baiboly.....	10
1.2. Ny tantaran'ny baiboly.....	11
1.2.1. Ny niandohan'ny baiboly voalohany.....	11
1.2.2. Ny dingana natao tamin'ny fanantontosana ny baiboly feno.....	12
1.2.3. Ny baiboly nadika tamin'ny fiteny andavanandro.....	13
1.3. Ny fomba nanapariahana ny baiboly maneran-tany.....	14
1.3.1. Ny tantarany.....	14
1.3.2. Ny antontan'isa.....	14
1.3.3. Fehiny.....	15
2. Ny bokin'ny ohabolana.....	16
2.1. Famaritana ny ohabolana.....	16
2.2. Ny "poesie hebraique".....	16
2.3. Ny tantaram-piainan'ny mpanoratra azy.....	18

2.3.1. Solomona.....	18
2.3.2. Agora sy Lemoela.....	20
2.4. Ireo hevitra ankapobeny raketin'ny ohabolana.....	21
2.4.1 Sava lalana momba ny baiboly.....	21
2.4.2 Ireo lohahevitra voizina ao amin'ny ohabolana.....	22
3. Ny fifandraisan'ny ohabolana amin'ny karazana literatiora hafa sy ny fomba filazan-javatra hita ao.....	22
3.1. Ny fifandraisan'ny ohabolana amin'ny literatiora hafa.....	23
3.1.1. Ny ohabolana hebreo sy ny ohabolana Malagasy.....	23
3.1.1.1. Ny ohabolana Malagasy.....	23
3.1.1.2. Ny ohabolana hebreo.....	24
3.1.1.3. Ny mombamomba ny ohabolana amin'ny ankapobeny.....	24
• Ny ohabolana dia literatiora am-bava.....	24
• Sokajiny.....	24
• Ny anjara asa sy ny anjara toerana misy ny ohabolana.....	25
• Eo anivon'ny fiaraha-monina, ny ohabolana dia entina manoritsoritra toejavatra.....	25
• Ny ohabolana eo amin'ny fitaizana amam- panabeazana.....	25
Fefy sy aro fanina ny ohabolana.....	25
• Isan'ireo fitaovana iray nahazoan'ny Ntaolo nitaiza ny taranany ny ohabolana.....	26
Lafiny telo izay maha olona ny olona.....	26
• Ireo karazana fomba fananarana hita ao amin'ny ohabolana.....	26
• Ny ohabolana dia entina mandresy lahatra.....	27
Famaritana ny ohabolana.....	27
• Ny fisehon'ny ohabolana.....	28
Ny fombafomban'ny ohabolana.....	29
FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY.....	30
FIZARANA FAHAROA:.....	31
NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA.....	31
TOKO VOALOHANY: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARABATANA.....	32
2.1. NY FAMPAHALALANA NY TOETRAN'NY OLOMBELONA.....	32
2.1.1. Ny parallélisme sy ny fomba fisehony na ny karazany.....	32

2.1.1.1. Ireo karazana parallélisme hita ao amin'ny ohabolana.....	33
2.1.1.2. Ny zana-teny FA mampiditra parallélisme.....	34
2.1.1.3. Ny parallélisme sy ny antithèse	35
2.1.2. Ny parallélisme maneho ny fitiavan'ny olombelona harena.....	35
2.1.2.1. Ny parallélisme maneho ny fomba nahazoan'ny olona harena.....	35
2.1.2.2. Ny parallélisme maneho ny toetran'ny olona manoloana ny harenany.....	39
2.1.2.3. Ny parallélisme maneho ny fomba ampiasain'ny olona ny harenany sy ny fihetsiky ny olona eo anatrehan'ny mahantra sy ny manan-karena.....	42
2.1.3. Ny parallélisme maneho ny toetran'ny mpanjaka.....	44
2.1.3.1. Ny parallélisme sy ny tanjon'ny mpanjaka.....	45
2.1.3.2. Ny parallélisme sy ny toetran'ny mpanjaka.....	47
2.1.3.3. Ny parallélisme maneho ny toetran'ny vahoaka	48
TOKO FAHAROA: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARA-PANAHY...	52
2.2. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLONA.....	52
2.2.1. Ny parallélisme maneho ny toetra mampiavaka an'Andriamanitra.....	52
2.2.1.1. Ny parallélisme maneho fa eo am-pelan-tanan'Andriamanitra ny ain'olombelona.....	52
2.2.1.2. Ny parallélisme sy ny fahafahan'Andriamanitra manome izay ilain'ny olombelona.....	54
2.2.1.3. Ny parallélisme entina maneho ny toetra tian'Andriamanitra.....	55
2.2.2. Ny parallélisme maneho ny fahasamihafan-toetran'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.....	57
2.2.2.1. Ny parallélisme maneho ny tombambidin'ny tsirairay.....	57
2.2.2.2. Ny parallélisme sy ny fihetsiky ny olona manoloana ny fahafantarana an'Andriamanitra.....	59
2.2.2.3. Ny parallélisme maneho ny toetran'ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy eo anatrehan'ny namany.....	61
2.2.3. Ny parallélisme maneho ny famalian'Andriamanitra ny nataon'ny tsirairay avy.....	62

2.2.3.1. Ny parallélisme maneho ny fomba fijerin'Andriamanitra ny olona araka ny asany avy.....	62
2.2.3.2. Ny parallélisme sy ny valin'asan'ny tsirairay avy.....	63
2.2.3.3. Ny parallélisme maneho ny fitantanan'Andriamanitra ny olombelona araka ny toetrany avy.....	64
TOKO FAHATELO: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARA-BATANA.	67
2.3. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'NY OLONA SAMY OLONA.....	67
2.3.1. Ny parallélisme maneho ny toe-javatra misy eo amin'ny fiarahamonina.....	67
2.3.1.1. Ny parallélisme maneho ny toe-java-misy eo amin'ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.....	67
2.3.1.2. Ny parallélisme maneho ny antom-pisian'ny fifandirana eo amin'ny fiarahamonina.....	70
2.3.1.3. Ny parallélisme maneho ny toe-pon'ny olona manoloana ny fahatezerana.....	72
2.3.2. Ny parallélisme maneho ny fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena.....	73
2.3.2.1. Ny parallélisme maneho ny toetra mampiavaka ny olon-kendry.....	73
2.3.2.2. Ny parallélisme maneho ny toetran'ny manam-pahalalana.....	75
2.3.2.3. Ny parallélisme maneho fa mifandray ny fahalalana sy ny fahendrena.....	76
2.3.3. Ny parallélisme sy ny fitenenana.....	79
2.3.3.1. Ny parallélisme sy ny vokadratsin'ny fitenenan-dratsy.....	79
2.3.3.2. Ny parallélisme sy ny vokatry ny teny soa eo amin'izay mihaino azy.....	80
2.3.3.3. Ny parallélisme sy ny fahatokiana.....	82
FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA.....	84
FIZARANA FAHATELO:.....	85
NY FANOVAN-JAVATRA MANDOKO NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA.....	85
3.1. NY FANOVANA ENDRI-JAVATRA MANEHO NY TOETRAN' NY OLOMBELONA.....	86

3.1.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fitenin'ny olombelona.....	86
3.1.1.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra azo hanina.....	87
3.1.1.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny firavaka.....	89
3.1.1.3. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana.....	91
3.1.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny olona sy Andriamanitra....	92
3.1.2.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny mpanjaka.....	92
3.1.2.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny lehilahy sy ny vehivavy.....	93
3.1.2.3. Ny metaphore mandoko ny toetran'i Jehovah.....	95
3.1.3. Ny metaphore maneho ny zava-misy ety ambonin'ny tany.....	96
3.1.3.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fahalalana sy ny fahendrena.....	96
3.1.3.2. Ny fanovana endri-javatra mampisafidy ny tsara sy ny ratsy.....	98
3.2. NY FANO HARANA MANEHO NY TOETRAN' NY OLOMBELONA.....	100
3.2.1. Ny fanoharana mandoko ny vokatry ateraky ny fitenin'ny olombelona.....	100
3.2.1.1. Ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra eny amin'ny habakabaka.....	101
3.2.1.2. Ny fanoharana mandoko ny fiteny izay mampitombo ny fifandirana.....	103
3.2.1.3. Ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana.....	105
3.2.2. Ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy nataon'ny olombelona.....	106
3.2.2.1. Ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy naorina amin'ny zava-manana aina.....	107
3.2.2.1.1. Ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra manana aina.....	107
3.2.2.1.2. Ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra manana aina.....	109
3.2.2.2. Ny fanoharana naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.....	110
3.2.2.2.1. Ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.....	110

3.2.2.2.2. Ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.....	111
3.2.2.2.3. Ny ohabolana mampisafidy ny tsara sy ny ratsy amin'ny alalan'ny fampiasana ny “aleo...toy izay...” sy ny “tsara ny ...noho ny...”.....	112
• ohabolana milaza toetra.....	113
• ohabolana miorina amin'ny sakafo.....	115
• ohabolana miresaka Jehovah.....	116
3.3 NY FANOVANA ANARANA SY NY SYNECDOQUE NENTI-NANDOKO NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA.....	117
3.3.1. Ny fanovana anarana.....	117
• Ny fanovana anarana isehoan'ny anton-javatra misolo toerana ny voka-javatra mikasika ny fiteny.....	117
• Ny fanovana anarana isehoan'ny toerana misolo toerana ny mponina ao anatin' ny fandriam-pahalemana.....	118
3.3.2. Ny filalaovana amin'ny synecdoque.....	120
FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO.....	124
TENY FAMARANANA.....	125
TOVANA.....	126
NY AKORA IASANA.....	126
DIKAN-TENY MANOKANA.....	150
LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA.....	151

TENY FAMPIDIRANA

NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA HITA AO AMIN'NY OHABOLANA AO AMIN'NY BAIBOLY

0. TENY FAMPIDIRANA

0.1. Ny sehatra irotsahana

Anisan'ny mbola sehatra midadasika tokoa ny literatiora raha tsy hijery afa-tsy ny eto Madagasikara fotsiny isika. Misy ireo literatiora am-bava toy ny hiragasy, ankamantatra, sôva, ny jijy...sns sy ny literatiora an-tsoratra izay ahitana karazany maro toy ny tononkalo, lahatsoratra isan-karazany, sombin-tantara, ka ao amin'ny Baiboly dia ahitana ireo karazana literatiora ireo. Noho izany fahamaroany izany indrindra dia mbola tsara ny hanaovana fikarohana lalindalina momba azy ireny. Eto ary dia ny literatiora an-tsoratra no sehatra irotsahana. Anisan'izany ny bokin'ny ohabolana izay hita ao amin'ny Baiboly. Ny Baiboly manko dia anisan'ny “zava-kanto vita amin'ny teny”¹. Noho izany dia ilaina ny fandalinana azy bebe kokoa satria “*misy ny asa soratra kanto izay tsy hita ny mahakanto azy raha tsy dinihina tsara*”.²

0.2. Ny lohatenin'ny asa fikarohana

Ny literatiora an-tsoratra rehetra rehefa navoaka amin'ny boky na gazety dia saika misy lohateniny avokoa. Satria *manko azon'ny mpamaky hajaina, fantarina sahadry amin'ny alalan'io lohateny io ny lohahevitra hofakafakaina*³. Koa eto ary dia tianay ihany koa ny manome lohateny ity asa fikarohana izay ataonay ity mba hahafantaran'ny mpamaky sahadry ny ankapoben-dresaka horeshahina ao. Rehefa natao ny fandinihana dia nahafahana nisintona lohateny toy izao: “Ny fomba filazan-javatra sy ny fanabeazana ao amin'ny ohabolana nosoratan'i Solomona ao amin'ny Baiboly”

Koa raha lazaina amin'ny fomba hafa ny votoatin'ny fikarohana izay atao eto dia ny fandinihana karazan-dahatsoratra iray, ny bokin'ny ohabolana eo amin'ny lafiny fomba filazan-javatra. Tsy ny fomba fanehoan-kevitra ihany anefa no hodinihana ao fa mandray

¹ Siméon RAJAONA, *Zavakanto vita amin'ny teny*, Edition Ambozontany, Fianaratsua, Antananarivo.

² Siméon RAJAONA, *Takelaka voavaofy*, p.7

³ *Ny olana mety ho tojo ny zanakareo*, boky nosoratan'ny “Les Ecoles des Parents” LES DIFFICULTES DE VOTRE ENFANT, le livre de poche, Brodard et Taupin, France, 1974, dika tenin' Atoa Randriamasinoroarimanana Jacques, sasinteny P. 3

anjara lehibe amin'izany ihany koa ny sarin-teny izay mitondra ho amin'ny fanazavan-kevitra rahateo. Mikasika io sarin-teny io indrindra no tena hifotorana amin'izany asa izany.

0.3 Ny anton'ny safidy

Ny olombelona tsirairay dia samy tompon-tsafidy amin'ny hitondrany ny fiainany sy izay hampety ny fiainany avokoa. Koa raha nisafidy manokana ny Baiboly izahay mba hifotorana manokana amin'ny asa fikarohana izay atao dia noho ny antony maro.

Voalohany indrindra amin'ny maha vadina mpitandrina anay, dia mifanaraka tsara amin'ny asan'ny vadiko izany. Sady betsaka kokoa ny boky azo ampiasaina mba hangalana tahirin-kevitra.

Faharoa manaraka izany, nosinganiko manokana ny bokin'ny ohabolana mba hifotorana amin'ny asa, satria io no hita fa mbola tsy nisy nanao fandalinana eo amin'ny lafiny “stylistique”, nefa tena ilaina izany amin'izao fotoana izao. Ary noho ny zava-tsarotra misy maneran-tany, indrindra fa ny tsy fifanajana misy eo amin'ny olombelona samy olombelona, dia nosafidinay io, satria ao dia ahitana fananarana maro amin'ny lafiny rehetra.

Fahatelo, amin'ity fikarohana izay ataoko ity dia tsy dia ilaina loatra ny firotsahana an-tsehatra; noho izany, manamora kokoa ny asa. Izany akory tsy midika hoe: mitady tany malemy hanorenam-pangady fa ny saina sy ny atidoha indray eto no tena miasa mafy.

Farany, izay tena tsy latsa-danja tokoa dia noho ny fahitana fa efa ampiasaina eo anivon'ny fiaraha-monina ny fiteny literera anisan'izany ny baiboly. Izany hoe: *manana ny lanjany eo amin'ny ara-tsôsialy, ny fitondran-tena tsara eo amin'ny ara-tsaina, ny fianarana ambony, noho izany dia manana ny toeram-boninahiny eo anilan'ny fiteny ara-panjakana, ny fiteny siantifika*⁴. Noho izay antony izay no nanosika anay handalina sy haneho ny fomba filazan-javatra rehetra hita ao amin'ny ohabolana. Mba hanondrotana sy hampisehoana amin'ny maro fa tena manana ny lanjany, ary kanto tokoa ny asa soratra malagasy ary tafiditra ao anatin'izany ny Baiboly.

⁴ Ch. BALLY, *le langage et la vie* ; le style comme expressivité ; l'expression linguistique de la vie. Paris, Payot, 1926, pp 23-29 « la langue littéraire a surtout une valeur sociale, d'éducation supérieure dont il sera question dans la seconde partie de ce travail. A ce titre, elle a sa place-place d'honneur, il est vrai-aux côtés de la langue administrative, de la langue scientifique, de la langue des sports, etc. »

0.4. Ny zava-kendrena amin'ny asa fikarohana.

Tahaka ny fikarohana rehetra dia misy dia misy tokoa ny tanjona kendrena. Koa ny voalohany amin'izany dia ny fanasinkasinana ny mahaizy azy ny bokin'ny ohabolana ka iavahany amin'ny boky hafa ao amin'ny Baiboly ihany na karazan-dahateny hafa ihany koa.

Faharoa manaraka izany dia ny mba hanampiana ireo teôlôjiana, na ireo mpitarika fiangonana, na ireo mpanabe sy ny mpianatra rehetra, ary indrindra indrindra moa ireo kristianina tsy ankanavaka, mba hampahazava kokoa ny tian'ny Baiboly hambara; na ny marimarina kokoa ny tian'ny ohabolana hambara.

Manaraka izany, dia ho fananarana ny olona rehetra ihany koa no anisan'ny zava-kendrena amin'ity asa ity. Ao amin'ny ohabolana manko dia ahitana fananarana maro.

Tsy hadino ihany koa anefa fa anisan'ny tanjona lehibe kendrena amin'ity asa fikarohana ity koa ny hampitombo ny ambaindain'ny literatiora malagasy.

Tsy vao izaho irery akory no nanao asa fikarohana mikasika ny ohabolana fa anisan'izany ry i Adam Clarke.⁵ Ny azy kosa anefa ny fandinihana nataony dia mikasika ny lafiny teôlôjika avokoa. Fa ny haroso amintsika eto kosa dia mandray roa sady hijery ny lafiny teôlôjika no hijery ny lafiny “stylistique.”

Ny tanjona hotratrarina amin'ity asa ity ihany koa dia ny fanehoana fa ny asa soratra rehetra raketina ao amin'ny *Baiboly dia tsy azo heverina ho karazan-dahatsoratra zandriny velively.*⁶

⁵ Logiciel power bible

⁶ « La bible... loin d'être un genre mineur » in *encyclopédie universalise*, T.II, p.1916

0.5. Ny petraka olana sy ny petraka hevitra.

Matetika tokoa ny olona dia kamo hika-roka fa te hamantam-bonona fotsiny amin'ireny asa sarotra heveriny ho sarotra takarina ireny.

Indraindray koa vao, mahita lahatsoratra sarotra dia miala moramora satria tsy azony ny tiany hambara. Mahatsiaro fahasahiranana izy eo am-pamakiana azy dia ajanony.

Kanefa raha tena milona ao anaty lahatsoratra izy, dia ho mora ho azy ny mahazo ny tian'ny lahatsoratra hambara. Io *filomana anatin'ny lahatsoratra io tokoa mantsy no fomba mahomby indrindra hahazoana tanteraka ny lahatsoratra, ka hahitana mazava tsara ny votoatin-javatra eo amin'ny hevitra sy fihetseham-po, ary ahitana ihany koa ny antsipirian-javatra rehetra, na ireo voalaza mivantana izany na izay voalaza ankolaka; na indrindra koa aza izay tsy voalaza mihitsy, nefa dia ao dia ao, manana ny anjara asany avy ao amin'ny firafitry ny lahatsoratra.*⁷

0.6. Ny fomba nanatontosana ny asa.

Misy dingana maro natrehina tamin'ny fanatontosana ny asa. Voalohany indrindra dia nandinika sy nijery ny Baiboly amin'ny ankapobeny. Rehefa vita izay dia nisafidy ny bokin'ny ohabolana. Rehefa hita ny vondrona ambara hifotorana, dia namaky ireny bokim-pivavahana isan-karazany ireny, sy ireo boky hafa mikasika ny “stylistique” ihany koa. Avy eo dia niresaka tamina mpitandrina. Tsy nianona tamin'izay fotsiny anefa fa mbola nanohy ny fikarohana tamin'ny alalan'ny solosaina toy ny “logiciel encyclopédie Microsoft Encarta 2005, logiciel power bible, logiciel master Christian library, logiciel i Baiboly”

Ireo voalaza rehetra ireo no natambatambatra nentina nanatanteraka ny asa fikarohana.

⁷ Siméon RAJAONA, *Takelaka voavaofy*, tak.13

0.7 Ny olana nosetraina sy ny vahaolana ny amin'izany

“*Ny fiainana moa tsy vita mora*” araka ny efa fomba fiteny mahazatra ny olona ankehitriny. Raha nanatanteraka ity asa fikarohana ity izahay dia nisetra olona maro araka izany. Amin'izao fotoana iainantsika izao mantsy dia efa miroborobo fatratra ny teknôlôjia. Raha nanatanteraka ny asa izahay dia tsy maintsy nampiasa solosaina. Ny ao anatin'izy ireny anefa araka ny efa fahafantaran'ny maro azy dia teny vahiny avokoa, toy ny teny anglisy sy ny teny frantsay. Na dia eo aza ilay hoe: “*andrianiko ny teniko, ny an'ny hafa koa feheziko*,”⁸ dia amin'ny maha olombelona sy amin'ny maha Malagasy ahy, dia mbola eo kely ihany ny tsy fahafehezana tsara ny teny vahiny. Na izany aza anefa, dia niezaka ihany nanao izay azo natao tamin'ny fandikana ireny ho amin'ny teny malagasy Teo ihany koa ny fanatonana ireo olona efa za-draharaha sy matihanina amin'ny fandikana teny vahiny,⁹ nanampy anay tamin'ny fanaovana dikan-teny malalaka.

Eo ihany koa ny olana ara-potoana izay anisan'ny olana lehibe tokoa. Satria ny fepotoana nomena hanaovana ny asa fikarohana dia fohy kely. Noho izany dia lasa henjikenjika ihany ny fomba fiasa. Na izany aza anefa, dia nezahina ihany ny hanatontosa an-tsakany sy an-davany izany hatramin'ny farany mba ho lavorary sy ho mendrika hatolotra ny mpamaky.

0.8 Ny fomba fandinika nampiasaina

Amin'ity asa fikarohana ity dia tafiditra indrindra ao anatin'ny literatiora an-tsoratra ny zana-taranja “stylistique.” Io “stylistique” io anefa dia mbola anisan'ny sampana iray ao anatin'ny haiteny¹⁰

Amin'ny ankapobeny ny *stylistique* dia matetika fandinihana ara-tsiantifika ny asa soratra¹¹. Eo anatrehan'izay indrindra no entina miditra amin'ireo fomba fandinika azo entina manadihady ny fomba filazan-javatra, saingy arakaraka ny zava-kendren'ilay mpikaroka no isafidianany ny haitsikera ampiasainy. Eto ary ny tanjona kendrena dia ny hamantatra ny sarin-teny sy ny lanjany ara-pihetseham-po rehetra hita ao amin'ny ohabolana toko fahafolo ka hatramin'ny toko fahasivy amby roapolo. Noho izany, ny haitsikera nofidinay hampiasaina

⁸ Teny filamatry ny akademia Malagasy.

⁹ Pasteur RAKOTOARIVELO Tsiriniaina Harison.

¹⁰ Teny nentina nandika ny « linguistique » Ch. Bally définit ainsi la stylistique, branche de la linguistique, consiste donc en un inventaire des potentialités stylistique de la langue. In *Dictionnaire de linguistique* Dubois J. p448

¹¹ La stylistique est plus souvent l'étude scientifique de style des œuvres littéraire, avec pour première justification cette prise de position de R Jakobson. In *Dictionnaire de linguistique* Dubois J. p448

eto dia ny haitsikera manoritsoritra. Izany hoe ny “stylistique descriptive” no nironana satria io dia *haitsikera enti-manao fanadihadiana sy fanoritsoritana ireny fomba filazan-javatra ireny no tena hodinihina amin’izany dia ny lafiny haiteny*¹². Na izany aza anefa dia tsy nahasakana ny fampiasana ny “approche thématique” izany satria misy ny lohateny nosafidiana ao anatiny. Eo ihany koa ny fampiasana ny “stylistique quantitative” satria nojerena ny fahabetsahan’ny fomba filazan-javatra ao anatiny. Izany hoe ny “stylistique descriptive” no tena nifotorana fa izany anefa tsy nahasakana ny fampiasana ireo haitsikera hafa. Izany hoe “approche pluridisciplinaire”no nampiasaina.

Eo anatrehan’izany dia misy dingana maro tsy maintsy atrehina raha hanao io haitsikera fanoritsoritana io. Voalohany indrindra aloha dia tsy maintsy jerena ny “elanelana” misy eo amin’ny lahatsoratra sy ny fiteny andavanandro. Satria ny “stylistique” dia fandinihina manokana ny “elanelana”.¹³Mialoha ny ahitana izany anefa, dia tsy maintsy ilaina ny famakiana ny lahatsoratra amim-pahamalinana sy ny mamerimberina izany. Izany hoe *milona tanteraka ao anatin’ny lahatsoratra*¹⁴.

Rehefa vita izay vao miroso amin’ny tena fandinihana ny fomba filazan-javatra dia ny famahavahana ny fihetseham-po fonosiny, *ny teny nananganana azy mbamin’ny fifandraisan’izy ireny no ahazoana manasongadina ny lanjany ara- panehoan-kevitra*.¹⁵

Araka izany dia tsy hijery ny fampifandraisana ny lahatsoratra sy ny fiarahamonina nipoirany isika. Satria raha izay no atao dia tsy hivoaka tsara ilay fanoritsoritana sy fanadihadiana ny angolan-kevitra sy ny fihetseham-po. Araka ilay safidy, hiompana amin’ny fomba fandinika haiteny.

Marihina moa fa maro dia maro ihany koa ireo mpandinika mitovy hevitra amin’izay fomba fandinika teny izay, anisan’izany i Charles Bally, Jakobson Roman,Genette, Jean COHEN, MAROUZEAU, Siméon RAJAONA¹⁶

¹² La tâche de la stylistique descriptive est d’identifier la réaction du lecteur devant le texte et de retrouver la source de ces réactions dans la forme du texte. *Dictionnaire de linguistique* Dubois J. p456

¹³ En reprenant à Valery l’idée de l’écart, Charles Bruneau écrit : « la stylistique est la science des écarts. » P124

¹⁴ Siméon RAJAONA, *Takelaka voavaofy*, tak.6-18.

¹⁵ « La partie préparatoire comprend la délimitation et identification des faits expressifs (...). La partie proprement stylistique (...) comprend les caractères affectifs des faits d’expression, les moyens mis en œuvre par la langue pour les produits, les relations réciproques existant entre ces faits, enfin l’ensemble du système expressif dont ils sont les éléments » in *Traité de stylistique* de Ch. BALLY cité par P. GUIRAUD et P. KUENTZ (1970), page 20

¹⁶ Logiciel encyclopédie Microsoft Encarta 2005

0.9 Fetran'ny asa

“*Raha lava hono ny bozaka dia very ny kisoa, ary raha lava ny teny dia very ny soa*”
koa dia nasiana fetrany ihany ny asa izay atao eto. Satria tsy ho vita ao anatin'ny fe-potoana nomena izany raha toa ka ny bokin'ny ohabolana iray manontolo no iompanan'ny asa. Noho izany dia voatery ho ny tena votoatin'ny bokin'ny ohabolana no iompanan'ny asa dia ny ohabolana toko faha folo ka hatramin'ny ohabolana toko faha sivy amby roapolo.

Manaraka izany, araka ilay voalaza etsy ambony fa ny haitsikera manoritsoritra na “*approche descriptive*” no ampiasaina eto. Noho izany dia voafetra ho ny “*stylistique descriptive*” izay mandinika ny mahakanto ny lahatsoratra rehefa dinihina ny sarin-teny hita ao no ampiharina; fa tsy ny “*stylistique génétique*.” Satria eto dia tsy ny maha izy azy ny mpanoratra no dinihina ao amin'ny asa sorany fa ny sarin-teny ampiasainy ka mahakanto azy. Na izany aza anefa dia tsy mahasakana ny fampiasana ny “*stylistique quantitative*” satria noho ny fahabetsahan'ny sarin-teny miverimberina dia voatery tsy maintsy hojerena ihany ny isan'izy ireny sy ny antom-pisiany.

Izay rehetra izay no lalana nizorana tamin'ny fanatanterahana ny asa fikarohana fa hojerena manaraka eto indray ny drafitra nitondrana ny asa. Mizara telo lehibe ny drafitra nitondrana ny asa. Ao amin'ny fizarana voalohany no hijerena ny jery faobe ny ohabolana ao amin'ny Baiboly. Hita ao anatin'izany ny: Ny Baiboly amin'ny ankapobeny: (Famaritana ny Baiboly, tantaran'ny Baiboly, ny fomba nanapariahana ny Baiboly maneran-tany)

Ny bokin'ny ohabolana (famaritana, tantaram-piainan'ny mpanoratra, ireo hevitra ankapobeny raketin'ny ohabolana). Ny fifandraisan'ny ohabolana amin'ny karazana literatiora hafa sy ny fomba filazan-javatra hita ao

Ao amin'ny fizarana faharoa no ahitana ny *parallelisme* sy ny fanabeazana ao amin'ny Ohabolana. Ary ao anatin'izany no ahitana ny *parallelisme* sy ny fanabeazana ara-batana (harena, mpanjaka, sakafo). Ny *parallelisme* sy ny fanabeazana ara-panahy (Andriamanitra). Ny *parallelisme* sy ny fanabeazana ara-tsaina (fahalalana sy fahendrena ary ny fiteny)

Ary ao amin'ny fizarana fahatelo farany no ahitana ny fanovan-javatra mandoko ny fanabeazana ao amin'ny ohabolana. Hita ao amin'izany ireto: Ny fanovana endri-javatra sy ny fanabeazana, ny fanoharana mandoko ny toetran'ny olombelona, ny fanovana anarana sy ny *synecdoque* mandoko ny fanabeazana

FIZARANA VOALOHANY

**JERY FAOBE NY OHABOLANA AO AMIN'NY
BAIBOLY**

FIZARANA VOALOHANY:

JERY FAOBE NY OHABOLANA AO AMIN'NY BAIBOLY

2 NY BAIBOLY AMIN'NY ANKAPOBENY

3.2. Famaritana ny baiboly

Maro tokoa ankehitriny ireo manan-talenta amin'ny fanoratana boky. Na boky mirakitra tononkalo izany, na boky mirakitra tantara sy ny maro hafa. Noho izany dia ilaina ny fandinihana tsara ny lahatsoratra vakina sy ny famakafakana izany mba hampahazava ny tian-kambara. Tsy ny hevitra fonosiny fotsiny nefa no tokony hojerena rehefa mamaky azy ireny, fa mila dinihina akaiky ihany koa ny lafiny filazan-javatra mba hampahazava azy tsara.

Azo lazaina fa ampy sy feno manko ny fahafantarana zavatra anankiray rehefa nitondram-panazavana avokoa ny lafin-javatra rehetra namorona ny maha izy azy manontolo na anatiny izany na ivelany.¹⁷ Na dia ny lafiny fomba filazan-javatra aza anefa no tena iompanan'ny fikarohana izay atao eto, dia tsara ihany ny mamariparitra ny momba ny Baiboly izay ivon'ny sehatra iasana. Raha izay fotsiny anefa no atao dia mazava ho azy fa mivaona ny vokatr'izany.¹⁸ Midika izany fa tsy ny heviny ara-bakiteny ihany fotsiny akory no atao rehefa mandinika ny baiboly fa ilaina jerena akaiky ihany koa ny fototra iorenan'ny maha izy azy, dia ny fomba filazan-javatra nananganana azy. Io manko no heverina fa mahakanto azy.

Koa eto ary dia ndeha hojerena manokana ny mombamomba ny Baiboly sy ny endriny ivelany.

3.2.1. Ny mombamomba ny Baiboly sy ny endriny ivelany

Ny zava-drehetra na ny asa soratra rehetra dia misy “style”na sarin-teny avokoa, raha misy hevitra tiana hambara sy filazan-javatra ao aminy.

¹⁷ ANDRIANANTENAINA Jean de Dieu, *Ny fomba filazan-javatra amin'ny sombin-tantara araka ny ahitana azy ao amin'ny Erika*, MEMOIRE de CAPEN, tak 10, pp 110

¹⁸ IVO FRANGES, communication au VIII Congrès de la F.I.L.M, les déviations stylistiques« la chose la plus-aisée est de parler de ce qui ressort du texte. Il est évident que la déviation en « ressort », p 125.

Anisan'izany ny Baiboly na antsoina ihany koa hoe Soratra Masina. *Io Baiboly io no anisan'ny boky be mpampiasa indrindra ary boky tsy mety lany andro indrindra eo amin'ny fiainan'ny olombelona, hita taratra eo amin'ny fiainan'ny olona foana izany.*¹⁹ Ny Baiboly moa dia anisan'irony literatiora an-tsoratra tranainy.

Satria raha ny nidirany teto Madagasikara fotsiny no jerena, dia efa tamin'ny taona 1835. Noho izany dia maro ireo sarin-teny azo trandrahina ao aminy. Marihina moa fa “*ny Baiboly malagasy dia nadika avy tamin'ny teny hebreo sy teny grika*”.²⁰

Ao anatin'ny Baiboly na ny soratra masina dia ahitana fizarana roa lehibe “*dia ny testamenta taloha izay fanekena taloha sy ny testamenta vaovao izay fanekena vaovao*”²¹ izay asehony amin'ny alalan'ny fampitahana ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny tabernakely araka ny lalan'i Mosesy sy ny any an-danitra. Ao amin'ny testamenta taloha raha araka ny Baiboly protestanta dia ahitana boky 39²² ary ao amin'ny testamenta vaovao dia ahitana boky 27. Manoloana izany rehetra izany anefa dia tsy ny olombelona rehetra akory no mampiasa io baiboly io ho vato fehizoro eo amin'ny fiainany, fa ny kristianina ihany.²³

Na dia sahala amin'ny boky rehetra ihany aza ny Baiboly dia nanana ny fomba miavaka nentina nanoratana azy. Izay indrindra no hijerena ny fomba nanoratana azy etsy ambany.

3.2.2. Ny fomba nanoratana ny Baiboly

Na dia tsindrimandrin'Andriamanitra aza ny baiboly araka ilay hoe: “*izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana ny diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana*”²⁴, izany hoe

¹⁹ Il est généralement admis que la Bible, avec ses centaines de traductions différentes, est le livre le plus répandu de l'histoire de l'humanité. Sous toutes ses formes elle a eu, et continue d'avoir, une influence considérable, même en dehors des communautés religieuses qui la tiennent pour sacrée
Encyclopédie Microsoft® Encarta® 2005. © 1993-2004 Microsoft Corporation. Tous droits réservés.

²⁰ NY BAIBOLY, jereo ny pejy voalohany mirakitra ny lohatenin'ny baiboly.

²¹ Jereo hebreo 9

²² La version de l'Ancien Testament utilisée par les protestants se limite aux trente-neuf livres de la Bible juive.
Encyclopédie Microsoft® Encarta® 2005. © 1993-2004 Microsoft Corporation. Tous droits réservés.

²³ Encyclopédie La Bible est véritablement la pierre angulaire du christianisme.

Microsoft® Encarta® 2005. © 1993-2004 Microsoft Corporation. Tous droits réservés

²⁴ Jereo II timoty3 :16

naloaky ny vavan'Andriamanitra, dia tsy izy mivantana no nanoratra azy fa nanendry mpaminany maromaro Izy hanambara ny tiany holazaina.

Araka ny voalaza moa dia “ *ny foto-kevitra fotsiny no omen'Andriamanitra ireny mpaminany ireny, dia anjaran' ny mpaminany no mampifandrindra izany amin'ny zava-misy iainan'ny olona ary ny fanahy masina no mitarika ny mpaminany amin'ny fanambarana ny fahamarinana; izany hoe:mba tsy hivaona amin'ny tian'Andriamanitra holazaina*”²⁵.

Raha izay ny mikasika ny fomba nanoratana ny Baiboly dia andeha hojerena ihany koa ny fomba fandinika azy; raha tsy hay manko ny fandinika azy, dia mety hanambara zavatra diso tsy araka ny Baiboly isika.

3.2.3. Ny fomba fandinika ny Baiboly

Ny Baiboly moa dia tenin'Andriamanitra ary Isaia 28:13 dia milaza fa “*ny tenin'i Jehovah dia ho tonga didy anampy didy aminy tokoa, eny, didy anampy didy; fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; kely ety ary kely ery*”. Izany hoe mifameno ny soratra masina; misy zavatra voalaza ao amin'ny testamanta taloha, ary ny fanazavana azy dia hita ao amin'ny testamanta vaovao.

Ohatra amin'izany ao amin'ny ohabolana 26:4,5 “*aza mamaly ny adala araka ny hadalany, fandrao mba adala tahaka azy koa ianao. Valio ny adala araka ny hadalany, fandrao dia manao azy ho Hendry izy*”.

Eto dia andininy anankiroa mifanaraka nefa ny zavatra lazainy dia mifanipaka. Raha tsy mandinika tsara fa mamaky fotsiny dia mety hisalasalala ny amin'ny hoe iza amin'ireo no tokony hatao.

Raha ireo andininy ireo fotsiny izao no jerena, dia tsy hazava mihitsy. Nefa ny manazava azy ireo dia any amin'ny Lioka 6:41, 42: “*ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo izay eo amin'ny mason'ny rahalahinao, nefa ny andry izay eo amin'ny masonao dia tsy*

²⁵ Tari-dalana fianarana baiboly ho an'ny lehibe “**fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana**”.Telovolana voalohany, janoary – febroary - martsa 2009, lesona fahadimy, pejy 42,43. Imprimerie Adventiste B.P. 1134 Antananarivo 101

mba tsaroanao akory? Ary ahoana no ilazanao amin'ny rahalahinao hoe: Ry rahalahy, aoka hesoriko ny sombin-kazo eo amin'ny masonao, nefa tsy mba hitanao akory ny andry eo amin'ny masonao? Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin'ny masonao, ary amin'izay dia ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao". Izany hoe raha hazavaina tsotsotra io ohabolana 26:4, 5 io dia hoe: esory aloha ny toetra ratsy, izay vao mananatra ny hafa, fa manjary tsy misy vidiny eo anatrehan'ny hafa.

Hita araka izany fa tsy voatery hitoka-miavaka isaky ny boky ao amin'ny Baiboly fa mifameno sy mifampidipiditra ny toko tsirairay avy. Na dia tsy ny foto-kevitra ara-teôlojika aza no hodinihina eto dia tsara ihany ny mahafantatra izay satria araka ny voalaza dia hoe: *“fantaro ny zavatra rehetra ary hazony mafy izay tsara”*²⁶. Sady ilaina resahina ihany izany satria Baiboly no hodinihina na dia tsy hidirana lalina loatra aza.

Izay ny mikasika ny Baiboly. Tsy mbola izay anefa no tena hifotoran'ny asa atao fa mikasika indrindra ny sarin-teny hita ao amin'ny bokin'ny ohabolana. Mialoha an'izay anefa dia tsara ihany ny mamariparitra ny momba ny bokin'ny ohabolana

3.3. Ny tantaran'ny Baiboly

1.2.1 Ny niandohan'ny Baiboly voalohany

Nanana ny niandohany sy ny tantarany tokoa ny Baiboly. Izay fiandohany izay indrindra no hojerena voalohany eto.

Tamin'ny nanafahan'Andriamanitra ny zanak'Isiraely tany Egipta dia nifidy ireo zanak'Isiraely ireo Andriamanitra mba ho vavolombelony eo anivon'ny olona rehetra. Dia Andriamanitra no nanangana mpanoratra avy amin'ireo mba hanoratra ireo tantara sy ireo lalàm-pifehezan'izy ireo, ary indrindra ireo fanambarana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo olona ireo.

²⁶ Jereo I tesalonianina 5:21

Araka izany dia samy nanoratra tsikelikely avy, na ireo mpanoratra mpitantara, na ireo mpaminany. Ireny asa soratr'izy ireny indrindra no natambatambatra dia tonga ho Baiboly hebreo. Ka izay no nantsoina hoe: testamenta taloha.

Tsy ny testamenta taloha ihany anefa no mahafeno ny atao hoe Baiboly fa eo ihany koa ny testamenta vaovao. Aseho manaraka eto indray ny niandohany.

Ny amin'ny testamenta vaovao indray dia Andriamanitra mihitsy no niteny tamin'ny olona tamin'ny alalan'i Jesosy. Araka ilay voasoratra ao amin'ny Hebreo 1:1, 2 hoe: “Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany, tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa; dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany; Izay efa voatendriny ho mpandova ny zavatra rehetra.”

Izay fanambarana izay no noraisina tamin'ny andron'ireo apostoly ho Vaovao Mahafaly. Zany hoe fijoroana vavolombelona nataon'ny apostoly an-tsoratra io. Izay no namorona ny testamenta vaovao.

Raha izay no niandohan'ny Baiboly voalohany, dia hojerena manaraka kosa indray ireo dingana natao tamin'ny nanatontosana azy ho feno.

1.2.2 Ny dingana natao tamin'ny fanantontosana ny Baiboly feno

Ny ankabeazan'ny testamenta taloha dia nosoratana tamin'ny teny hebreo tamin'ny alalan'ny hodi-biby sy hodi-kazo. *Taty aoriana anefa dia nadika tamin'ny teny grika tamin'ny alalan'ireo manam-pahaizana fitopolo*²⁷ izay nandinika azy. Tany Alexandrie no nanatanterahana izany. Tamin'ny taona 285 talohan'i Jesosy Kristy no nanaovana ny fandikan-teny tamin'ny andron'i Ptolemée Philadelphie mpanjakan'i Egipta. Io baiboly tamin'ny teny grika io no tena nampiasaina tamin'ny andron'i Jesosy Kristy.

Ny testamenta vaovao koa araka ny fijerin'ireo olona manam-pahaizana dia nosoratana tamin'ny teny grika. Nefa na izany aza dia maro tamin'ireo boky ao no nosoratana tamin'ny teny arameanina izay fitenim-paritra hebreo, talohan'ny nandikana azy

²⁷ Septante

ho amin'ny teny grika voalohany. Taty aorian'izay dia maro no niezaka nandika ny Baiboly tamin'ny teny latina avy amin'ilay teny grikan'ny testamenta taloha sy vaovao. Ka i Masindahy Jerome no anisan'ny nahavita ny Baiboly feno tamin'ny teny latina voalohany teo anelanelan'ny taona 383 – 405.

1.2.3 Ny Baiboly nadika tamin'ny fiteny andavanandro

Hatramin'izay ny Baiboly dia naporitaka tamin'ny dikan-teny tamin'ny andro taloha. Izany hoe: tamin'ny fomba fiteny taloha.

Amin'ny ankapobeny anefa ireny dia tsy dia hain'ny olona fa vitsivitsy ihany no afaka mamaky azy. Izany hoe ireo izay nianatra ihany. Ary ireo izay liana ny amin'ny fahamarinana dia maniry mafy ho an'ireo vahoaka madinika mba hahafahan'izy ireo mandinika ny soratra masina amin'ny fiteniny. Ka dia nisy nihevitra fa atao ahoana moa no ampahafantatra ny fahamarinana raha tsy nisy ny Baiboly amin'ny fiteny hain'ny olona rehetra. Noho izany dia maro ireo mpandinika no niezaka nandika ny Baiboly araka ny fiteniny avy. Satria ny mpaminany dia niteny ny hafatra avy amin'Andriamanitra tamin'ny fiteny izay fantatr'ireo mpihaino azy tsara. Ary tamin'ny andron'i masindahy Louis tany amin'ny taonjato fahatelo amby folo tany no nipoitra ny Baiboly feno voadika tamin'ny teny frantsay. Niitatra foana izany ary nihaniparitaka nanerana ny toerana maro samy amin'ny fiteniny avy. Ary ny farany dia tonga teto Madagasikara. Ka *tamin'ny taona 1887 no vita ny Baiboly malagasy vita amin'ny dikanteny Protestanta ary nahitsy tamin'ny taona 1908-1909*²⁸

3.4. Ny fomba nanaparahana ny Baiboly maneran-tany

1.3.1. Ny tantarany

Tamin'ny voalohany dia tsy mbola nanana taratasy ny olombelona fa hodi-kazo sy hodi-biby no nanoratany. Ny Baiboly rahateo koa dia mbola tsy voatambatra ho iray fa mbola maromaro.

²⁸ Ny Baiboly DIEM, teny mialoha

Manaraka izany, tamin'ny fotoana mbola tsy nisian'ny fanontam-printy dia niadana dia niadana ny fanapariahana ny Baiboly satria mbola natao soran-tanana izany. Nihanitombo hatrany anefa ny fahalalan'ny olombelona sy ny fikarohany, nadika tamin'ny alalan'ny tombokase indray ny Baiboly. Ary io Baiboly latinina io no anisany boky voalohany vita printy tany Eoropa izay notontosain'i GUTEMBERG ary naporitaka tany Mayence any Alemana tamin'ny taona 1456. Tsy mbola Baiboly feno anefa no vita printy tamin'izany fa ampahany ihany izay nantsoina hoe: “bible a quarante-deux linges”. Ary dia napetraka tao amin'ny tranombokin'ny congrès aux Etats –Unis izany.

Teo ihany koa i Robert Estienne izay anisan'ny nahavita baiboly maromaro teo amin'ny 41, tamin'ny fiteny samihafa tao anatin'ny fito amby telopolo taona. Ireto no santionany amin'izany Baiboly vitany izany : 8 tamin'ny teny latinina, 1 tamin'ny teny hebreo fa saingy mbola ny testamenta taloha ihany, 4 tamin'ny teny grika izay mbola vao ny testamenta vaovao ihany. Ary 2 no vita tamin'ny teny frantsay. Noho izay fiezahany izay anefa dia maro ireo nanenjika azy. Na izany aza anefa ny zava-niseho dia notohizany ihany ny asany.

Maro ny sakana tsy nahatanteraka ny fanapariahana ny Baiboly, nefa dia voatohitra ihany izany ankehitriny, ary voaely manerana izao tontolo izao. Koa indro atolotra eto ambany izany antontan'isa izany.

1.3.2. Ny antontan'isa

Azo lazaina fa ny Baiboly no anisan'ny boky miely betsaka indrindra manerana izao tontolo izao. Io ihany koa no isan'ny boky be mpamaky indrindra. Koa indro ary atolotray eto ambany ny antontan'isa azonay aroso amin'izany. Ity moa dia antontan'isa nomen'ireo fikambanana mampiely baiboly tamin'ny taona 1980.

- Ny Baiboly feno, sady misy ny testamenta taloha sy testamenta vaovao dia voadika tamin'ny fiteny 275 manerana izao tontolo izao.
- Ny testamenta vaovao fotsiny kosa indray dia voadika tamin'ny fiteny 495 manerana izao tontolo izao.

- Raha atontaly kosa ny fitambaran'ny Baiboly naporitaka maneran-tany dia mahatratra eo amin'ny telopolo tapitrisa eo ho eo. *Tsy voalaza ao anatin'ireo aza ireo boky mitokatokana izay efa miisa ho dimanjato tapitrisa eo ho eo.*²⁹

1.3.3 Fehiny

Araka izany rehetra izany, dia ao anatin'ny baiboly ihany no ahitana ny niandohany.

Ny Baiboly ihany koa dia boky mampita hafatra ho amin'ny vanim-potoana mifandimby rehetra sy ny fepetra iainana.

*Io ihany koa no anisany boky manan-danja indrindra eo amin'ny fiainan'ny olombelona eto amin'izao tontolo izao*³⁰. Satria maro ny tombontsoa azony avy aminy.

Manamafy izay ihany, raha ny eo amin'ny lafiny fomba fijery literera no dinihina, dia manana ny toerana maha izy azy. Satria raha ny fiteny ao aminy dia manana ny fiandrianany, izany hoe mihaja.

Anisany asa soratra manaitra, ahitana sarin-teny mahafinaritra, mampihetsi-po. Manintona, ahitana fitsipika feno fahendrena, manandratra fisainana. Izany rehetra izany no mahatonga ny olona handinika sy hamaky azy tsara mandrakariva.³¹

²⁹ *A l'Ecoute de la bible*, Guide de l'étude de la bible par sujet, achevé d'imprimer en Mars 1982 sur les presses de l'imprimerie S.D.T. 77190 DAMMARIE LES LYS- France. Dépôt légal mars 1982, N°694. P.18, pp601 la bible diffusée dans le monde entier« d'après les statistique de 1980, ces divers organismes et d'autre similaires catholique et protestants, auraient permis la publication de l'écriture Sainte en 275 langues pour la Bible complète et en 495 langues pour le nouveau Testament. Au total, on évalue à 30 millions de nombre d'exemplaires diffusés au cours de cette année dans le monde entier, sans compter environ 500millions de portions des Saintes Ecritures

³⁰ *A l'Ecoute de la bible*, Guide de l'étude de la bible par sujet, achevé d'imprimer en Mars 1982 sur les presses de l'imprimerie S.D.T. 77190 DAMMARIE LES LYS- France. Dépôt légal mars 1982, N°694. P.18, 19, pp601 « pour l'Homme, la Bible est le livre par excellence. Tandis qu'il cheminé a travers ce monde désorienté, elle est une lampe sur ses pas, une lumière sur sa route »

³¹ *A l'Ecoute de la bible*, Guide de l'étude de la bible par sujet, achevé d'imprimer en Mars 1982 sur les presses de l'imprimerie S.D.T. 77190 DAMMARIE LES LYS- France. Dépôt légal mars 1982, N°694. P.18, pp601 « d'un point de vue strictement littéraire, la Bible tient une place prestigieuse. Langage souvent majestueux, illustrations aussi belle qu'émouvantes, histoires saisissantes, récit captivants, préceptes, plein de sagesse et de bon sens, élévation de pensée autant de valeur s par lesquelles l'écriture Sainte se recommande à la lecture et à l'étude assidue de tous ».

2. Ny bokin'ny ohabolana

2.1 Famaritana ny ohabolana

Ny bokin'ny Ohabolana dia tafiditra ao amin' ny testamanta taloha ao amin'ny Baiboly. Misy toko³¹ ao aminy ary ny toerana ahitana azy dia eo anelanelan'ny bokin'ny Salamo sy ny bokin' ny Mpitoriteny. *Izany hoe boky faharoapolo ao amin'ny Baiboly ary tafiditra ao amin'ireo boky dimy andalan-tononkira (joba, salamo, ohabolana, mpitoriteny, tononkiran' i solomona)*³².

Raha hazavaina amin'ny fomba hafa, ny atao hoe ohabolana dia avy amin'ny dikan-teny hebreo hoe: *mashal, izay midika: fanoharana na fampitahana na fifanahafana*.³³ Hita araka izany fa maro dia maro tokoa ireo fanoharana hita ao amin'ny bokin'ny ohabolana. Manaraka izany, amin'ny maha boky ny ohabolana dia misy tokoa ny mpanoratra azy. Na dia tenin'Andriamanitra aza ny Baiboly. Araka ny efa voalaza teo aloha³⁴ dia nanendry mpaminany Izy mba hanambara ny teniny. Koa ny mombamomba izay mpanoratra izay indrindra no asiana resaka etsy ambany. Nefa mialoha izay dia hojerena ny maha “poesie hebraique” ny ohabolana.

2.2 Ny « poesie hébraïque »

Ny boky ao amin'ny Baiboly testamanta taloha dia saika nanana endrika poezia avokoa. Araka ny voalazan'ny teolojiana iray atao hoe Pr Richard Parent, Dr en théologie dia hoe: *ny boky salamo, joba, ohabolana dia azo lazaina ho manana endrika poetika*³⁵

Ary araka ny hevitrany manokana ny amin'ny atao hoe “poesie hebraique” dia tononkalo manaraka ny kolontsain'ny hebreo, satria ny Baibolintsika malagasy dia nadika avy amin'ny teny grika sy teny hebreo. Araka ny voalazan'ny syllabus teo ihany dia hoe: “ ny

³² Les livres de l'Ancien Testament qui peuvent être considérés comme poétiques sont notamment les Psaumes, le Livre de Job, les Proverbes, l'Ecclésiaste, le Cantique des cantiques

Encyclopédie Microsoft® Encarta® 2005. © 1993-2004 Microsoft Corporation. Tous droits réservés.

³³ Richard Parent, docteur en théologie'UAZ, In syllabus *de livres poétiques de l'ancien testament*, 2002-2003, « *le mot proverbe est la traduction du mot Hébreu “mashal” qui signifie une similitude ou comparaison* ». Page 40, pp55

³⁴ Jereo ny hita ao amin'ny 1.1.2 ny fomba fanoratana ny baiboly

³⁵ “*Les psaumes, proverbes, et job étaient vue comme d'une nature poétique*”

*literatiora hebreo momba ny fahendrena dia miaraka hatrany amin'ny fahombiazana. Noho izany ny bokin'ny ohabolana dia boky mitarika hatrany ho amin'ny fiainana tsaratsara hatrany. Izany hoe fiainana feno fahombiazana*³⁶

Ny bokin'ny ohabolana moa araka izay voalaza rehetra izay dia tafiditra indrindra ho anisan'ny poesie hebraïque. *Amin'ny ankapobeny io poesie hebraïque io dia miseho indrindra amin'ny endrika fehezanteny mifamaly rafitra*³⁷

Ny *parallelisme* moa araka ny famaritan'i Siméon RAJAONA dia hoe: « *sarin-teny ahitana fahezan-teny roa na mihoatra mifanesy na tsy mifanesy fa mitovy tsinjara toerana ao anaty ampahan-dahatsoratra, ka mifamaly daholo ny vanim-pehezan-teny rehetra. Izany fifamalian-javatra izany dia miseho amin'ny hevitra lazain'ny fehezan-teny, ary eo amin'ny vahan'ny fehezan-teny. Sarin-teny fahita matetika dia matetika ao amin'ny baiboly.* »³⁸

Tsy ny fehezanteny mifamaly rafitra irery ihany anefa no sarin-teny hita ao amin'ny bokin'ny ohabolana, fa misy hafa toy ny fanovana endri-javatra, ny fanoharana sy ny maro hafa. Saingy ny fehezanteny mifamaly rafitra no tena mibahan-toerana. Ka izay indrindra no entina hidirana amin'ny tena ventin'ny asa fikarohana izay atao eto.

Nefa mialoha izay dia tsara ihany ny milaza fa ny tanjon'i Solomona amin'ny ankapobeny dia ny fanehoana *fa ny fahendren'Andriamanitra dia ambony lavitra noho ny fahendren'olombelona*³⁹

Araka ny fandinihana sy ny fikarohana natao, ary ny nanontaniana tamin'ireo mpitandrina⁴⁰ moa dia misy fizarana telo ny bokin'ny ohabolana. Ka ny nosafidina manokana

³⁶ Richard Parent, docteur en théologie'UAZ, In syllabus *de livres poétiques de l'ancien testament*, 2002-2003, « *la littérature hébraïque de sagesse avait à faire avec l'art du succès, dont les proverbes sont un livre de guide dans la vie d'abondance* ». Page 2, pp55

³⁷ Richard Parent, docteur en théologie'UAZ, In syllabus *de livres poétiques de l'ancien testament*, 2002-2003, « *la caractéristique principale de la poésie hébraïque est le parallélisme* ». Page 2, pp55

³⁸ zava-kanto vita amin'ny teny na ny sarin-teny eo amin'ny fomba filazan-javatra, edition Ambozontany, Antananarivo, 1993, p103, pp124

³⁹ Louis SECOND, *LA SAINTE BIBLE*, traduite des textes originaux hébreu et grec, nouvelle édition de Genève 1979 avec parallèles guide d'étude biblique et introductions aux livres de la bible, Société biblique de Genève, Genève-Paris, cinquième édition avec guide d'étude

⁴⁰ Pasitora RASOANAIVO Janvier. Filoha lefitra nitantana ny sampana "fiduciaire" sy fanabeazana eo anivon'ny fiangonana Advantista eto amin'ny Federasiona Madagasikara Afovoany

mba hanompanana ny asa fikarohana dia ny fizarana faharoa satria io no tena votoatin'ny boky sady fantatra rahateo ny mpanoratra azy.

Ny fizarana voalohany sy ny fahatelo moa tsy hoe sanatria atao ambanin-javatra fa mba asiana ihany ny fetran'ny asa izay atao fa tsy ho ary ho vita avokoa⁴¹. Ny ambiny dia iandrasana ireo namana hafa izay mety hanohy azy.

2.3 Ny tantaram-piainan'ny mpanoratra azy

Raha ny momba ny mpanoratra ny bokin'ny ohabolana no asiana resaka, dia tsy tahaka ireo boky hafa ankoatra ny mpanoratra azy fa maromaro. Anisan'izany i Solomona mpanjaka, Lemoela, Agora, ary ireo olon-kendry hafa.

Rehefa hanao fanadihadiana mikasika ny asa soratra moa dia ilaina fantarina tsara ny mpanoratra azy satria misy ifandraisany sy fiantraikany amin'ny asa sorany izany.

Araka ny voalaza dia hoe: *“bokin’olombelona ihany koa anefa ny Baiboly na izany aza. Raha jerena amin’ ny saina tsy miangatra dia hita taratra eo aminy ny maha-asa soratr’olombelona azy. Manondro ny tenany amin’ny mpisolo tena ny mpanoratra eo amin’ny fitantarany ny fanandramany. Hita taratra eo amin’ny asa soratr’ireo mpanoratra ny fomba amam-panao sy ny fahazarana tamin’ ny fotoan’androny; maneho ny literatiora sy ny kolontsain’ireo firenena manodidina azy ihany koa ny sasantsasany amin’ireo salamo sy ohabolana”*⁴², p43, 44; Raha fintinina izay dia maneho ny maha olombelona ny mpanoratra azy ihany koa ny Baiboly, na dia tsindrimandry avy amin’Andriamanitra aza. Eto àry dia hojerena manokana ny tantaram-piainan’i Solomona.

2.3.1 Solomona

I Solomona dia mpanjaka nandimby an’i Davida sy i Batseba rainy. Tamin’ny fotoana nanjakany dia nahataona olona maro izy mba hanara-dia an’Andriamanitra satria

⁴¹ jereo sava lalana p.14

⁴² *Tari-dalana fianarana baiboly ho an’ny lehibe “fanomezam-pahasoavanan’ny faminania”*.Telovolana voalohany, janoary – febroary - martsa 2009, lesona fahadimy, p43, 44; 128p

nihamaro ny olona niova fo, ary nihalehibe sy nandroso fatratra ny fiangonan'Andriamanitra teto an-tany.

Mialoha ny nanjakan' i Solomona anefa, dia notarihin-drainy tamim-pitiavana izy mba hampiseho herim-po, fahamendrehana, famindram-po ary hatsaram-panahy sy hanome voninahitra ny anaran'Andriamanitra ary hampibaribary ny hatsaran'ny fahamasinany eo amin'ny fifandraisana rehetra ataony eo amin'ny firenen-kafa.

Nanaraka ny lalana nosoritan'ny rainy i Solomona tamin'ny andron'ny fahatanorany, ary nizotra tamin'ny lalan'ny fahamarinana nandritra ny taona maro.

Naniry ny hanome fitahiana mitovy aminy amin'ny fahaizana manavaka ny mety sy ny tsy mety ho an'ny zanany rehetra ankehitriny izy.

*Hendry noho ny olona rehetra izy*⁴³

Niavaka tamin'ny fitiavam-bavaka, ny fahitsiana, ny fihenjanana teo amin'ny foto-kevitra ary tamin'ny fitandremana fatratra ny didin'Andriamanitra ny fiainan' i Solomona.

Nahazo fahalalana ara-panahy sy ara-tsaina avy amin'Andriamanitra izy, nampitomboiny ary nizarany tamin'ireo namany ny fitahiana izay noraisiny.

Nahafinaritra an'i Solomona fatratra ihany koa ny fianarana ny tantaran'ny zavaboary ka dia nanao fandalinana izay rehetra mikasika ny zavaboary izy.

Rehefa nahazo tsindrimandry avy tamin'Andriamanitra i Solomona, dia nanambara ny fahendreny tamin'ny alalan'ny hira fiderana sy ny ohabolana maro teo amin'ny *telo arivo izy sady nanao tononkira dimy amby arivo. Ary nilaza ny amin'ny hazo, hatramin'ny hazo sedera any Libanona ka hatramin'ny hysopa izay maniry eny ampiantany izy sady nilaza ny amin'ny biby sy ny vorona sy ny biby mandady sy mikisaka ary ny hazandrano koa*⁴⁴.

⁴³ I mpanjaka 5:9-11)

⁴⁴ I mpajaka 5:12,13

Ny ohabolana nataon'i Solomona dia manome antsika vinavina momba ny foto-kevitra ilaina hahazoana fiainana tia vavaka sy fahalavorariana ambony indrindra dia ny foto-kevitra maneho ny maha Izy an'Andriamanitra.izay mitarika ho amin' ny fahamasinana sy izay tokony hitari-dalana ny asa rehetra atao eo amin'ny fiainana.

Ary noho ny fampielezana ireo foto-kevitra ireo sy ny fijoroana ho vavolombelon'Aandriamanitra tompon'ny dera sy ny voninahitra no niantombohan'ny fanjakan'i Solomona teo amin'ny toerana ambony dia ambony, na tamin'ny ara-pitondran-tena na tamin'ny ara-batana.

*Anisan'ny boky nosoratany ao amin'ny Baiboly koa ny mpitoriteny, tononkiran'i Solomona, salamo toko faharoa.*⁴⁵

Izay ny mombamomba an'i Solomona mpanjaka. Fa tsy izy irery ihany anefa no nanoratra ny bokin'ny ohabolana fa teo ihany koa ireo mpanoratra hafa izay holazaina eto ambany ny mombamomba azy ireo.

2.3.2 Agora sy Lemoela

Raha ny momba an'i Agora sy i Lemoela indray dia voalaza ao amin'ny bokin'ny ohabolana izy ireo fa nanoratra tao amin'io boky io, saingy kely fotsiny ihany; satria ny toko fahatelo ihany no nosoratan'i Agora; ary ny toko farany ao amin'ny bokin'ny ohabolana kosa no nosoratan'i Lemoela.

Ny mikasika ny tena tantaram-piainan'izy ireo indray dia tsy fantatra mazava mihitsy na dia efa natao aza ny fikarohana rehetra. Satria “*tsy mba hita betsaka ao amin'ny Baiboly ny mombamomba azy sady tsy mba hita any amin'ireny bokim-pivavahana ireny*”.⁴⁶

⁴⁵ Nosoratan' I Ellen G. White hita ao amin'ny boky *Mpaminany sy mpanjaka*, édition, A.D ANTANANARIVO MADAGASIKARA 1986, imprimerie adventiste, nadikan' I André RAKOTONDRANAIVO mpampianatra avy tamin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe:*PROPHETES ET ROIS*. Nosoratan' I Ellen G. White, p17-24, 601p

⁴⁶ Louis SEGOND, *LA SAINTE BIBLE*, traduite des textes originaux hébreu et grec, nouvelle édition de Genève 1979 avec parallèles guide d'étude biblique et introductions aux livres de la bible, Société biblique de Genève, Genève-Paris, cinquième édition avec guide d'étude biblique et introduction aux livres de la bible 1998, imprimé dans l'union européenne, « *les deux derniers contenant des paroles d'Agur et de Lemuel, deux personnages inconnus parce que non cités d'ailleurs dans la bible.* »

Izay ny momba ny mpanoratra. Fa raha ny fiainana andavanandro no jerena na eo amin'ny resaka ifanaovan'ny olona na ny kabary sy ny maro hafa, dia misy fitarihan-teny kely mialoha ny tena hitenenana ny tena ventin-dresaka. Eto dia tiana ny maneho antsika ny sava lalana kely momba ny ohabolana.

2.4 Ireo hevitra ankapobeny raketin'ny ohabolana

Azo lazaina ho mirakitra hevitra betsaka raha ny bokin'ny ohabolana nodinihina. Mba hanombohana ny fikarohana izany anefa dia mety raha manao sava lalana fohifohy mikasika ny ohabolana.

2.4.1 Sava lalana momba ny Ohabolana

Ity boky ity dia ahitana amboarana ohabolana na fampianarana maromaro voaangona momba ny fahendrena, ka ny fitambarany dia apetraka eo ambany fahefan'i Solomona mpanjaka ilay noheverina ho nanam-pahendrena ambony indrindra teo amin'ny Isiraely.

Ny bokin'ny ohabolana dia anisan'ny karazan-dahatsoratra niroborobo nanerana ny faritra atsinanana tranainy iny. Nanan-danja tamin'izany toerana izany manko ny mampitapita traikefa azo isaky ny taranaka mifandimby. Ireo amboara voatambatra anatin'ity boky ity dia avy tamin'ny fotoana samihafa.

Azo sokajina ho fizarana telo lehibe izany.

Ny fizarana voalohany dia fitarihan-teny lava momba ny ohabolana ka miendrika famelabelarana mitohy anazavana ny andraikitra mavesa-danja tanan'ny fahendrena (Toko1-9). Imbetsaka ao no iheverana ny fahendrena ho toy ny olona,

*Ny fizarana faharoa no votoatin'ny boky sady nanome azy ny lohateny (toko10-29)
Amboaran' ohabolan'i Solomona no ao.*

Ny fizarana fahatelo dia ahitana ny ohabolana andiany efatra mahaleo tena ka ny andiany roa no mampita amintsika ny eritreritra na ny torohevitr'i Agora sy Lemoela (toko30-31)⁴⁷

2.4.2 Ireo lohahevitra voizina ao amin'ny ohabolana

Raha amin'ity bokin'ny ohabolana ity, dia sarotra ny hanome famintinana satria isaky ny toko sy andininy dia samy hafa avokoa ny foto-kevitra fonosiny; Na izany aza anefa, amin'ny ankapobeny dia *mifototra amin'ny fahatahorana an'i Jehovah avokoa.*⁴⁸ Nefa rehefa tena dinihina dia mihodinkodina amin'ireto hotanisaina ireto ihany:

Ny fifanoheran'ny zavatra tsara sy ny zavatra ratsy

Ny fifanoheran'ny fahendrena sy ny fahadalana

Ny fifanoheran'ny fahamarinana sy ny faharatsiana

Ny fifanoheran'ny fahatsoram-po sy ny fahihirana

Ny fitiavana sy ny fankahalana

Ny vava tsara sy ny fiteny ratsy.

Raha somary hazavaina amin'ny fomba hafa izay dia hoe: ao anatin'ireo voatanisa eo ambony ireo, rehefa ahasinkasina, dia ahitana mikasika ny fahatezerana, fananarana, fahadalana, fisakaizana, fahakamoana, fiavonavonana, fifanolanana, ny fahalalana onony, ny fiteny, ary ny harena.

Tsy izay ihany anefa no nodinihin'i Solomona amin'izay voalaza ao amin'ny ohabolana fa nandinika mikasika ny zava-boary ihany koa izy⁴⁹. Ao ny tsy manana aina ary ao ihany koa ny manana aina toy ny zava-maniry, ny biby. Tsy nijanona tamin'izay ihany izy fa ny tena nimasoany ihany koa dia ny fandinihiny ny olombelona. Na eo amin'ny lafiny ara batana izany na eo amin'ny lafiny ara tsaina ary ny eo amin'ny lafiny ara panahy.

⁴⁷ *Baiboly DIEM*, Testamenta taloha sy testamenta vaovao, tsy misy ny boky deoteranonika na apokrifa. Nadika avy tamin'ny teny hebreo sy grika ho amin'ny teny malagasy ofisialy ankehitriny, Fikambanana mampielany baiboly malagasy, Antananarivo, Madagascar 2004.

⁴⁸ Ohatra, ohabolana 14:27.

⁴⁹ jereo ny tantaram-piainan'i Solomona p.12-13

3. Ny fifandraisan'ny ohabolana amin'ny karazana literatiora hafa sy ny fomba filazan-javatra hita ao.

Ny ohabolana dia tahaka ny asa soratra rehetra ihany. Manana ny mampiavaka azy izy, nefa manana fifandraisana lehibe amin'ny literatiora hafa ihany koa.

3.1. Ny fifandraisan'ny ohabolana amin'ny literatiora hafa.

3.1.1. Ny ohabolana malagasy sy ny ohabolana hebreo.

Raha ny ohabolana hebreo sy ny ohabolana malagasy, no asiana resaka, dia azo lazaina ho mitovitovy ihany eo amin'ny hevitra

3.1.1.1. Ny ohabolana malagasy

Na ny ohabolana malagasy, na ny ohabolana hebreo, dia samy mirakitra fahendrena avokoa.

Ny ohabolana malagasy dia ny Ntaolo na ny Razana no namorona azy. Ary anisany sarobidy amin'ny Malagasy ny ohabolana satria vako-drazana iraketany ny fisaina amam-pomban-drazany.

Tsy inona ihany koa ny ohabolana malagasy fa ohatrohatra fampiasan'ny vahoaka, avy amin'izay hitany sy iainany isan'andro vaky izao⁵⁰.

Ny ohabolana malagasy ihany koa dia nataon'ireo mpikabary haingon-teny amin'ny teny ampiasainy, na eo amin'ny sehatra irotsahany. Na amin-kafaliana izany, na amin-karatsiana.

Tsy ny mpikabary ihany anefa no afaka mampiasa azy fa hita eny amin'ny resadresaka ifanaovan'ny olona amin'ny andavanandro ihany koa. Hoy indrindra i Estine RINARA SOA milaza izany: *“isan'izay mahafinaritra ny olona tokoa ny mandre teny tsara lahatra, na dia*

⁵⁰ RAHAJARIZAFY S.J., *Ohabolana Malagasy*, sava ranon'ando, p.5

iray amin'izay fiteny efa mahazatra aza no ren'ny sofiny. Koa mandrakariva, tsy afaka ambavan'ny maro, izay mahay mampiasa itony ohabolana itony ho famaritan-kevitra na ho famaranana ny zava-dazaina”.

Ny ohabolana malagasy ihany koa dia isan'ny miavaka indrindra amin'ny teny tenenina, Ary na dia eo aza ny teny tsara rindra fandre avy any ivelany dia tsaroana ho mamelombelona ny fo aman-tsaina ny teny manana aina ao amin'ny ohabolana fa sady mampiseho ny fahendrena nananan'ny razana, no mora raisina avy hatrany ny tian-ko lazaina.

3.1.1.2. Ny ohabolana hebreo

Ny ohabolana hebreo kosa dia i Solomona no namorona azy, izay nalainy avy amin'ny zava-misy manodidina azy, ny fombafomban'ny mpiara-monina aminy ary ny zava-misy rehetra hitan'ny masonry. Na ny biby izany na ny zava-maniry, na ny olombelona indrindra indrindra. Ary tiany hampitaina amin'ireo taranaka mifandimby izany.

Ny ohabolana dia natao ho haingon-teny ka ny mampiasa azy ity dia ireo mpitondra fivavahana kristianina. Ampiasainy ao am-piangonana amin'ny toriteny izay ataony.

Tsy ny mpitondra fivavahana ihany anefa no mampiasa azy fa eo ihany koa ireo mpino kristianina. Ampiasainy amin'ny resaka ifanaovan'izy samy kristianina.

3.1.1.3. Ny mombamomba ny ohabolana amin'ny ankapobeny

Eo amin'ny ohabolana, dia tsara ny mijery ireo teboka manan-danja ao aminy sy ireo tsara ho fantatra mombamomba azy.

- **Ny ohabolana dia literatiora am-bava**

Ny ampiasana ny ohabolana dia eo amin'ny fiainana andavanandro (any am-piasana, any am-piangonana, any am-pivoriana. Matetika koa izy dia ampiasaina ao anatin'ny karazandahabolana hafa toy ny angano sy ny kabary izay tontosaina am-bava. Ireo no maha literatiora am-bava ny ohabolana.

- **Sokajiny**

Ny ohabolana dia tafiditra ao anatin'ny karazan-dahabolana ranofotsiny. Ny fihetsiky ny vatana, ny herin'ny teny no mitory ny zavatra na ny hafatra tiana hampitaina

- **Ny anjara asa sy ny anjara toerana misy ny ohabolana**

Samy manana ny antony sy ny zava-kendreny amin'ny fanaovana ny ohabolana. Manana anjara asa sy andraikitra lehibe eo amin'ny fiaraha-monina izay mamolavola azy izy ireny.

Amin'ny ankapobeny dia saika mitodika amin'ny fiaraha-monina foana izy ireny ka matetika dia ny antokon'olona na ny olon-drehetra amin'ny ankapobeny na ny olona tsirairay mihitsy no itodihany.

Saika ilazana amin'ny olona ny fitondran-tena na ny fihetsika tokony hataony na ny toetra tokony hataony na ny toetra tokony hananany no ampitain'ireny sary fanoharana fahita amin'ny ohabolana ireny.

- **Eo anivon'ny fiaraha-monina, ny ohabolana dia entina manoritsoritra toe-javatra**

Raha jerena amin'ny ankapobeny ireny ohabolana ireny dia vokatry ny fisainana sy ny fomba fahitana ny tontolo na ny zava-misy iainana andavandro. Voateny ao anatin'izany daholo ny zava-boary hita maso na tsia, na azo tsapain-tanana na tsia.

- **Ny ohabolana eo amin'ny fitaizana amam-panabeazana**

Lohalaharana teo amin'ny fitaizana sy ny fanabeazana ary ny fanolokoloana ny taranaka ny ohabolana. Misy tanjona kendrena amin'izy ireny dia ny hisintonana foto-kevitra hitaizana ny taranaka ho tsara fitondran-tena, hahalala ny ratsy tokony havela sy ny tsara tokony harahina eo amin'ny fiaraha-monina. Hita taratra amin'izany ohabolana izany ny fisian'ny anatra sy ny torohevitra maro izay tokony hitondrana ny fiainana.

- **Fefy sy aro fanina ny ohabolana**

Ny Baiboly dia efa ahitana dika teny maro manerana izao tontolo izao. Koa ny baiboly eto Madagasikara dia efa voadika amin'ny teny malagasy.

« *Moramora kokoa ho an'ny mpianatra no mandray izany, tsy noho ny ohabolana voarakitra amin'ny teny malagasy ihany fa noho ny fifandraisan'ny anatra amin'ny toe-tsaina sy ny tontolo malagasy indrindra ihany koa.* ⁵¹ » Mbola hoy ihany RAVELOJAONA : « *ny teny malagasy no fiasana mahasoa indrindra azo anasoavam-bahoaka ankehitriny ary mbola izany koa no haharitra ela ho toe-javatra.* ⁵² » Manan-danja lehibe eo amin'ny fanasoavam-bahoaka ny ohabolana miresaka anatra satria mifandray amin'ny toe-tsaina tena malagasy ary mandaitra kokoa.

- **Isan'ireo fitaovana iray nahazoan'ny olona nitaiza ny taranany ny ohabolana.**

Toy izao raha faritana fohifohy ny atao hoe “anatra” araka ny voalazan-DRAJEMISA (R.R.)

« *Toro hevitra na fanorotroana ny teny sy ny hevitra miaraka no fototra iorenan'ny anatra.* » ⁵³

Ny ohabolana dia manome anatra sy toro hevitra amin'ny fihetsika amam-pitondran-tena tokony harahina. Tsy ny voambolana na ny teny tsirairay ao amin'ny ohabolana no mitondra ny anatra fa ny ohabolana iray manontolo amin'ny maha ohabolana azy no mitondra fananarana.

- **Lafiny telo izay maha olona ny olona**

Lafiny telo izay maha olona ny olona no iantefan'ny anatra ao amin'ny ohabolana dia ny saina, ny fo ary ny fanahy. Manana anjara amin'izany anatra izany daholo ny sokajin'olona rehetra eo anivon'ny fiarahamonina. (Ny zaza, ny tanora, ny olon-dehibe, ny antitra, ny mahantra, ny mpanan-karena, ny kamboty, ny mpitondra tena, mpandova)

⁵¹ Hoy RAVELOJAONA(1927)

⁵² Hoy RAVELOJAONA(1927)

⁵³ RAJEMISA (R.R.)(1985)tao amin'ny *RAKIBOLANA MALAGASY*

- **Ireo karazana fomba fananarana hita ao amin'ny ohabolana**

Mizara roa ny anatra miseho amin'ireny ohabolana ireny ka ao ny anatra aroso mialoha mba hisorohana ilay toe-javatra tsy eken'ny fiaraha monina hipoitra. Aro fanina no ilazana izany, dia aro fanina mba tsy hampianjera any amin'ilay lavaka sy hady lalina sy mangitsokitsoka.

Ao ihany koa ny anatra miseho aorian'ilay toe-javatra ka rehefa voa ilay olona izay vao atao ny anatra mba tsy hiverenan'izany fanindroany intsony. Fefy no ilazana izany. Izany hoe misy ny fefy azo ihoarana ho an'ireo mihoa-pefy ka kenda vao dony aho Ranaotra. Raha fintinina izay dia manana andraikitra lehibe ny ohabolana eo amin'ny fiarovana sy ny fitandremana ny olona mba tsy hania.

Mahatonga ny olona hanana fitondran-tena tsara ny ohabolana ary misy « tahotra » eo amin'ny fiaraha-monina izay miaina sy mbola mampiasa izany.

Afaka manitsy sy miaro ny tsirairay raha vao miserana fotsiny ao an-tsain'ny olona ireny ohabolana ireny.

Ny hitondra ny olona ho any amin'ny lalan'ny fahatsarana mandrakariva no kendren'ny ohabolana, ary izay dia mahasahana ny lafim-piainana rehetra.

- **Ny ohabolana dia entina mandresy lahatra**

Ny fandresen-dahatra eto dia fampanekena ny olona izay miresaka amin'ny tena fa marina tsy azo iadian-kevitra ny teny ao aminy momba ny zavatra iray. Ny hahatonga ny olona ho resy lahatra eo anatrehan'ireny ohabolana ireny no kendrena amin'ny fampiasana izany eo amin'ny fiainana eo amin'ny sehatra aiza na aiza.

Raha tiana hisongadina bebe kokoa ny tena lanjany eo amin'ny fiarahamonina, dia tsara raha tomorina akaikikaiky kokoa ny ohabolana.

- **Famaritana ny ohabolana**

Raha te hamaritana ny teny iray dia tsy hadino hatrany ireny rakibolana ireny. Toy izao no hamaritan'ny rakibolana iray ny teny hoe : ohabolana

- « *Teny atao ohatra hilazana hevitra. Ny maha samihafa ny ohabolana sy ny fitenenana dia noho ny ohabolana misy sary sy sarin-teny ary ohatrohatra.* »⁵⁴

Araka ny fijerin'ireo mpandinika vahiny, dia « proverbe » no andikany ny teny hoe ohabolana amin'ny teny malagasy. Hoy ny famaritany izany araka ny ohabolana

- Ny ohabolana dia sary sy ohatra atao amin'ny teny, anoharana ny zava-misy hita na tsapan'ny olona na niainany izany na tsia momba ny fiheverany ny tontolo manodidina azy.

*Mbola nanana ny fijeriny ihany koa ny amin'ny antsoina hoe ohabolana ireo mpandinika sy mpikaroka na malagasy izy ireo na vahiny.*⁵⁵

- *Ny sasany dia milaza fa ny ohabolana dia fitenenana*⁵⁶.
- RAMIARAMANANA 1979 « *ce mot résulte de la composition des deux termes Malgache : ohatra qui signifie modèle, exemple, comparaison, similitude, figure, et volana qui veut dire : parole. Les ohabolana sont des comparaisons des formes figurées de l'expression verbale.*- « *Izay mameno ny fo aman-tsaina moa no famoaky ny vava, koa inona ny ohabolana raha tsy ny ohatrohatra fampiasan'ny vahoaka avy amin'izay hitany sy iainany isanandro vaky izao*⁵⁷ ? » Dia miboraka ho azy tokoa na ny niainany na ny tsy niainany.

Raha fehezina ny famaritan'ireo mpandinika ireo dia toy izao no azo amintinana azy:

Ny ohabolana dia avy amin'ny fototeny hoe ohatra sy volana na fiteny. Izany hoe fanoharan-javatra no ventin'ny ohabolana, ary izay no antony anaovana azy rahateo eo ampiresahana.

⁵⁴ RAJEMISA 1985

⁵⁵ PETIT ROBERT 9OCT 1972

Proverbe : vérité d'expérience ou conseil de sagesse pratique et populaire commun à tout un groupe social, exprimé en une formule elliptique généralement imagée et figurée. Le proverbe est populaire, il appartient à la « sagesse des Nation ».

⁵⁶ NAVONE 1977 expression qu'on emploie habituellement. Il s'agit en effet d'expressions connues et employées par tout le monde. Elles font partie du bagage culturel normal de tout Merina.

⁵⁷ RAHAJARIZAFY 1970

- **Ny fisehon'ny ohabolana**

Efa voalaza tany aloha fa miseho amin 'ny endrika fehin-teny ny ohabolana raha oharina amin'ireo karazana lahabolana hafa toy ny angano na kabary. Hoy ny fijerin'ny mpandinika mikasika ny fisehon'ny ohabolana :

NAVONE 1977 : « *il (proverbe) s'agit d'expression assez courtes, ramassées. Dans une langue concise, avec des tournures antithétiques des balancements symétriques, le recours fréquent à la métaphore.* »

Raha atao indray mitopy maso ny ohabolana araka io voalazan'ny mpandinika io, dia fehin-teny fohy, mifamaly ary ahitana sarin-teny fanoharana.

- **Ny fombafomban'ny ohabolana**

Ankoatra ny fananan'ny ohabolana lahateny tsara rindra dia manana feo sy fingadona toa mihirahira koa ny Ohabolana ka mahafinaritra ny sofina ny mihaino azy.

Eo koa ny fampiasana tsilalaon-teny, fanoharana izay isan'ny tena mahakanto ny ohabolana. Eo amin'ny fampiasana tsilalaon-teny ohatra, dia misy ireo voambolana mitovy nefa samy hafa ny hevitra entiny, misy koa ireo feo no mitovy ka entina manome hevitra ilay zavatra tian-kolazaina.

Eo amin'ny fampiasana fanoharana indray, dia saika ny ohabolana rehetra no ahitana io zavatra na zava-boary na toetr'olona heverina fa ratsy. Amin'ny ankapobeny izany sarin-teny fanoharana izany ao amin'ny ohabolana, dia mitodika foana amin'ny olona tsirairay na ny antokon'olona na ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny mihitsy.

FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY

Raha aravona ny vokatry ny fanadihadiana natao tato amin'ity fizarana voalohany ity, dia nisongadina ny zana-pizarana telo. Tamin'izany no nanoritsoritana ny mikasika ny Baiboly amin'ny ankapobeny. Hita ao amin'izany ny mombamomba ny Baiboly iray manontolo sy ny tantarany ary ny fomba nanaparahana azy maneran-tany. Hita tao koa ny momba ny bokin'ny ohabolana manokana. Izay ahitana ny famaritana ny ohabolana sy ny tantaram-piainan'ireo sasany nanoratra azy, ary ireo hevitra ankapobeny raketin'ny Ohabolana. Naseho tato koa ny fifandraisan'ny ohabolana hebreo amin'ny karazana literatiora hafa sy ny fomba filazan-javatra hita ao. Hita ao anatin'izany ny fahasamihafany sy ny itovizan'ny ohabolana hebreo sy ny ohabolana malagasy ary ireo tombotsoa azo avy amin'ny famakiana ireny ohabolana ireny.

Azo ambara sahady fa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny olombelona sy ny fiaraha-monina misy azy avy ny ohabolana.

FIZARANA FAHAROA

**NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA AO
AMIN'NY OHABOLANA**

FIZARANA FAHAROA:

NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA

Ny famahavahana tao amin'ny fizarana voalohany dia maneho tokoa fa manana ny maha izy azy ny ohabolana, indrindra fa ny ao amin'ny Baiboly. Marina fa misy iraisany amin'ny ohabolana malagasy izy, saingy misy lafin-javatra mampiavaka azy noho ny firafiny sy ny fomba filazan-javatra hita ao izay samy manana ny fomba fandrindrana azy.

Notsinjarainay ho toko telo miavaka tsara ity fizarana ity. Ny *parallélisme* sy ny fanabeazana samy hafa hita ao amin'ny vondrona ambara, ohabolana toko fahafolo ka hatramin'ny toko fahasivy amby roapolo, no hitondrana ny toko tsirairay. Haseho voalohany ny *parallélisme* sy ny fanabeazana ara-batana. Haseho faharoa ny *parallélisme* sy ny fanabeazana ara-panahy. Haseho farany ny *parallélisme* sy ny fanabeazana ara-tsaina.

TOKO VOALOHANY: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARABATANA.

Tsy mampiasa fomba fiteny miaingitra na mampihomehy na mampangitakitaka ny ohabolan'i Solomona, amin'ny ankapobeny. Ny teny sy ny fiteny fampiasa amin'ny fitoriana ny Filazantsara toy ny any amin'ny fiangonana ankehitriny no ampiasainy. Azo lazaina ho toy ny fiteny fampiasa amin'ny fanabeazana ihany koa anefa. Rehefa dinihina dia tsy hafa noho ny mpanakanto rehetra izy amin'ny fiangaliana ny teny. Hoy i BALLY manambara izany: “*Ny mpanao hoso-doko mampiasa loko, ary ny mpahay mozika mampiasa feo mba hamokarana zava-kanto, ny mpanoratra rehefa mandrafitra sora-kanto dia amin'ny alalan'ny teny*”.⁵⁸

2.1. NY FAMPAHALALANA NY TOETRAN'NY OLOMBELONA

2.1.1. Ny “parallelisme” sy ny fomba fisehony na ny karazany.

Azo lazaina fa manana ny mahaizy azy tokoa ny *parallélisme* raha ny Baiboly manokana no jerena. Satria maro ireo manam-pahaizana manokana momba ny Baiboly no nandinika ny momba azy. Rehefa nodinihina hoe: inona no fomba filazan-javatra sisa tavela ao amin'ny Baiboly Malagasy raha mitaha amin'ny Baiboly hebreo izay nandikana azy hatrany am-piandohana? Vokatr'izay fandinihana izay dia hita fa ny *parallélisme syntaxique*, ny *anaphore*, ny *épanalepse* no maro no voatazona ara-dalana ao amin'ny Baiboly malagasy. Satria tsy hoe manome lanja ny endriky ny lahatsoratra fotsiny ny *parallélisme* fa *mampivohitra ihany koa ireo singa maro samy hafa sy ny dingana misy eo amin'ny foto-pisainana na ny fifanjohian-kevitra*.⁵⁹

Hita araka izany fa ny « fifamalian-drafi-pehezan-teny dia anisan'ny fomba filazan-javatra nampiasain'i Kristy. Tamin'ny androny tokoa manko dia tsy mbola nisy boky; ary Izy

⁵⁸ (C.) BALLY, *Traité de style*, in « La stylistique lecture », op.cit, p.22 : « ...Il veut faire de la beauté avec les mots comme la peintre, en fait avec les couleurs et les musiciens avec les sons ».

⁵⁹ « La Bible : style et traduction » de Siméon RAJAONA, in Colloque sur l'impact culturel de la bible en malgache à Madagascar du 4 au 9 novembre 1985. « En général, les anaphores, les épanalepses, les parallélismes syntaxiques sont fidèlement maintenues dans les traduction en langue courante ; car non seulement ces figures confèrent au texte une valeur esthétique, mais encore, elles mettent en relief les différents éléments et les différentes étapes de la pensée ou de l'argumentation. »

koa moa tsy nanoratra rahateo. Ka ny hoe mianatra tamin'izany fotoana izany dia ny mitadidy sy mamerina izay lazain'ny mpampianatra; ary ny hoe mpianatra koa dia tsy inona fa ny mamerina izay nolazain'ny mpampianatra ihany. *Hany ka nataon'ny mpampianatra izay hahamora tadidy izay lazainy; ary anisan'ny fitaovana nampiasaina tamin'izany ny filazana ny hevitra anaty fehezan-teny mifamaly rafitra* »⁶⁰.

Izany indrindra no nahatonga an' i Solomona haneho ny ohabolany amin'ny alalan'ny *parallélisme* mba ho mora amin'ny mpamaky sy ny mpihaino ny hitadidy azy. *Izany hoe mba hiraikitra tsara ao an-tsaina ny fahendrena tiana hampitaina*⁶¹.

Izay ny fampahalalana tsotsotra ny *parallélisme*. Fa mba inona avy kosa indray ireo karazana *parallélisme* hita ao amin'ny ohabolana?

2.1.1.1. Ireo karazana « parallélisme » hita ao amin'ny ohabolana.

Amin'ny ankapobeny raha ny vondrona ambara no jerena dia ny tapany voalohany eo amin'ny toko fahafolo ka hatramin'ny toko fahadimy amby folo dia saika *parallélisme* ranofotsiny no mandrafitra azy. Fa ao amin'ny tapany faharoa dia saika vitsivitsy ihany ny *parallélisme* hita ao.

Ao amin'io vondrona ambara io anefa dia saika hita ao avokoa ireo karazana *parallélisme* rehetra, fa ny tena miavaka dia ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mifanipa-kevitra

Koa ireto avy, ary izany karazana *parallélisme* izany.

Parallélisme antithétique: izy ity dia karazana fehezan-teny mifamaly rafitra, mety hitovy vahana na mihena vahana na mitombo vahana mifanipa-kevitra. Io no tena mibahan-toerana ao amin'ny Ohabolana.

Parallélisme synonymique: izy ity indray dia mbola karazana fehezan-teny mifamaly rafitra ihany. Fa eo amin'ny hevitra dia mitovy hevitra, ary eo amin'ny vahan'ny fehezan-teny kosa dia mety hiovaova.

Parallélisme chiasique: eto indray dia aseho amin'ny endrika « chiasme » ny hevitra ary miseho amin'ny endrika mifanapaka. Izany hoe *ny hevitra farany eo amin'ilay*

⁶⁰ Siméon RAJAONA in *Zava-kanto vita amin'ny teny* p. 106

⁶¹ Manamafy izay ihany koa ny voalaza ao amin'ny *La Bible : style et traduction*

*fehezan-kevitra voalohany no raisina voalohany eo amin'ilay fehezan-kevitra faharoa, Raha hazavaina amin'ny fomba hafa dia hoe miseho amin'ny endrika **ab ba**.⁶²*

2.1.1.2. Ny zana-teny FA mampiditra parallélisme

Amin'ny ankapobeny ny toko sy andininy rehetra ao amin'ny vondrona ambara tapany voalohany dia ahitana **FA** avokoa. Manana ny anjara asa mampiavaka azy tokoa io raha ny ohabolana no jerena.

Voalohany indrindra dia natao hanitsiana ny fehezan-kevitra teo aloha izy⁶³. Izany hoe misy fehezan-kevitra anankiroa ampifandraisin'ny FA ka ny fehezan-kevitra faharoa no tiana havohitra. Raha hazavaina amin'ny fomba hafa dia hoe ny fehezan-kevitra voalohany diso, fa ny fehezan-kevitra faharoa no tiana harahana sy hifantohan'ny saina bebe kokoa. Ohatra amin'izany no hita ao amin'ny ohabolana 10 :4 manao hoe :

« ho tonga malahelo ny miraviravy tanana amin'ny asany ; FA mampanan-karena ny tanan'ny mazoto ».

Ny tiana hambara eto dia hoe: tsy tsara ny manao an-tsirambina ny asan'ny tena fa mampahantra izany, FA ny tsara dia ny mazoto tsara amin'ny asa, manatanteraka antsakany sy andavany ny asa atao fa raha atao izay dia mora foana no hananana harena. Hita araka izany fa miavaka ny anjara asan'ny FA eto

Tsy izay ihany anefa no anjara asan'ny FA, fa anisan'ny mampiditra *parallélisme* ihany koa. Ary ny *parallélisme antithétique* no ahitana, azy satria ny fehezan-kevitra ao aorian'ny FA dia saika mifanohitra amin'ny fehezan-kevitra ao alohany avokoa.

⁶² Richard Parent, docteur en théologie UAZ, In syllabus *de livres poétiques de l'ancien testament*, 2002-2003, « la forme chiasique présente les pensées d'une façon croisée, en forme d'un X, c'est-à-dire, la dernière idée du premier membre du verset est reprise en tout premier lieu au deuxième membre : (...)mais dans la forme chiasique, la deuxième idée du premier membre, devient la première du deuxième membre. La formule chiasique est donc **ab et ba**. »p.8

⁶³ OSWALD DUCROT « Analyses pragmatique » « *Mais* (...) elle introduit une rectification »

2.1.1.3. Ny « parallélisme » sy ny « antithèse »

Anisan'ny manana ny anjara toerany manokana tokoa ny *parallélisme* sy ny *antithèse* raha ny ohabolana fotsiny no jerena. Satria manko amin'ny maha ohabolana azy, dia maneho anatra mba hitondra fahendrena. Ka noho izany dia natao mifanindran-dalana mandrakariva ny hevitra tsara sy ny hevitra ratsy, miaraka amin'ny vokany, mba hahafahan'ny tsirairay mandinika izay lalana tiany hitondrany ny fiainany. Ny fomba fanehoana ny ohabolana ho toy izay no tena mampiavaka an'i Solomona. Ny *antithèse* manko raha ny famaritan'i C. JURANVILLE ny tanjony, no jerena dia hoe: «*fanasongadinana ireo lafin-kevitra tiana haroso amin'ny alalan'ny fampifangarihana toe-javatra roa mba hanaitra ny sain'ny mpamaky sy hanohina ny fony* »⁶⁴

Araka ny hevitr'i Hegel, George Wilhelm Friedrich, ny atao hoe “antithèse” hoy izy dia hevitra na fihetsika mifanohitra. Izany hoe hita tsara ato amin'ny ohabolan'i Solomona izany raha ny votoatin-kevitra no jerena⁶⁵.

Anisan'ny vaindohan-draharahan'i Solomona ny hanova ny fiainan'ny kristianina amin'ny lafiny finoana amam-pivavahana sy mba hanana fahendrena. Ny ohabolana no zavakanto nandreseny lahatra sy nisarihany ny fo aman-tsaina ary ny fanahy tamin'izany.

2.1.2. Ny « parallélisme » maneho ny fitiavan'ny olombelona harena.

Ho hita amin'ny fandinihana ny ohabolana momba ny fanabeazana ara-batana ny *parallelisme* nentina maneho ny fitiavan'ny olombelona harena. Ka ny votoatiny dia ny fanabeazana ny olona mba hahay hitantana tsara ny harena izay ananany.

⁶⁴ C. JURANVILLE : (...) son but (l'antithèse) est de faire ressortir d'avantage les pensées par l'opposition qui existe entre elle »p.130

⁶⁵ Hegel, Georg Wilhelm Friedrich (1770-1831), philosophe idéaliste allemand, auteur de la Phénoménologie de l'esprit, qui fut l'un des penseurs les plus influents du XIXe siècle.

« Antithèse, idée ou mouvement contradictoires. »Hevitra na fihetsika mifanohitra
Encyclopédie Microsoft © Encarta ® 2005. © 1993-2004 Microsoft Corporation. Tous droits réservés.

2.1.2.1. Ny « parallélisme » maneho ny fomba nahazoan'ny olona harena

Ny *parallélisme* no entin'ny mpanoratra manambara izany. Rehefa natao tokoa ny fandinihana, dia ny harena no anisan'ny sarobidy indrindra amin'ny olombelona. Koa variana mihitsy ny tsirairay mikaroka hevitra, mikatsaka izay azo atao mba hahazoana io harena io.

Ao amin'ny ohab.10:2 dia voalaza fa misy karazany roa ny fomba nahazoan'ny olona harena dia ny fanaovana ny marina, sy ny harena azo avy amin'ny tsy marina izany. Ny fehezan-teny mifamaly rafitra no entin'i Solomona handresena lahatra ny olona mba hahafahany manome fanabeazana momba ny harena. Toy izao no fanehoany azy:

<i>Ny harena azo</i>	//	Φ
<i>amin'ny tsy marina</i>	//	<i>fa ny fahamarinana</i>
<i>dia tsy mahasoana na inona na inona</i>	//	<i>no mamonjy amin'ny fahafatesana</i>

Amin'ny ankapobeny dia fehezan-teny mifamaly rafitra mihena vahana no hita eto satria eo amin'ny vanim-pehezan-teny voalohany dia tsy misy mifamaly aminy eo amin'ny vanim-pehezan-teny faharoa. Izany hoe ahitana fahabangana eo amin'ny vanim-pehezan-teny eo amin'ny andaniny havanana. Izany dia natao hisarihana ny sain'ny mpihaino na ny mpamaky fa ny harena no tena hifotoran'ny resaka eto. Dia ny harena sy ny fomba nahazoana azy. Misy tokoa manko ny harena azo amin'ny tsy marina izay asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny *litote*. Izany hoe hamaivaniny ny fomba filazan-javatra dia ny filazana ny hoe harena azo amin'ny tsy marina. Ny tena tiana hambara amin'izay anefa dia hoe misy ny fananana azo avy amin'ny fomba ratsy toy ny halatra, loka, soloky, fandrohana. Izany anefa matetika dia mitondra ho amin'ny fahafatesana.

Izany rehetra izany dia nataon'i Solomona mifanindran-dalana amin'izay mifanohitra aminy. Dia ny fanehoana fa ny harena azo amin'ny fahamarinana dia mamonjy amin'ny fahafatesana. Izany hoe ny harena azo amin'ny fomba madio, tamin'ny alalan'ny hatsembohan'ny tena dia mahaela velona. Raha hazavaina kokoa dia hoe: ny parallélisme antithétique no nanehoana izay mba hananarana ny mpamaky sy ny mpihaino fa tompon-tsafidy izy ny amin'izay fomba hitadiavany harena.⁶⁶

⁶⁶ Jereo ohab13 :11 ; ohab 15 :6

Tsy izay ihany anefa no fomba nahazoan'ny olona harena fa asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mifanipa-kevitra ihany koa, fa misy ny harena azon'ny olona amin'ny alalan'ny fampiasany ny madinika. Toy izao no anehoany izany ao amin'ny ohab 10:15

*Ny haren'ny manan-karena // fa ny tsy fananan'ny ory
no vohiny mafy // no fandranganana azy.*

Izay hoe rehefa tena dinihana ny tena mampanan-karena ny mpanan-karena dia ny herimbatan'ny mahantra. Ary, eo ankilan'izay amin'ny maha fehezan-teny mifamaly rafitra mifanipa-kevitra azy ity, ny mahantra kosa dia mihamahantra ihany satria miasa mafy ho an'ny hafa fa tsy ho an'ny tenany.

Mbola anisan'ny fomba iray nahazoan'ny olona harena ihany koa ny fampiasana ny biby fiompiny izay efa anisan'ny harenany ihany. Ny ohab 14:4 dia ahitana fehezan-teny mifamaly rafitra toy izao :

*Raha tsy misy omby // fa be ny fitomboan-karena
dia foana ny fihinanam-bilona // azo avy amin'ny omby.*

Raha io ohabolana io no jerena, dia misy fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mandravon-kevitra izay miorina amin'ny *épanode*. Izany hoe « ny omby » no hita miverimberina amin'ny toerana tsy raikitra. Izany dia mba hanamafisana fa ny omby tokoa no anisan'ny fitaovana iray entin'ny olona miasa mba hampitombo ny harenany.

Ny lova avy amin'ny ray aman-dreny ihany koa dia fomba iray ahazoan'ny olona harena. Izany hoe ny ray aman-dreny manao izay fara heriny amin'ny fitadiavan-karena. Avy eo izany lovain'ny taranany aty aoriana. Hoy manko ny ohab 19:14

*Trano sy harena // fa ny vady hendry kosa
No lova avy amin'ny ray // dia avy amin'i Jehovah*

Izay mbola nasehon'i Solomona amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra ihany izany mba hampiaiky ny mpamaky fa marina ny hevitra aroson' i Solomona amin'ny alalan'ny ohabolana. Ary tsy azo lavina izany fa eken'ny saina mandanjalanja avy hatrany.

Ankoatra izay rehetra izay ihany koa dia misy ohabolana maro izay anehoan' i Solomona, ary anisan'ny averimberiny ombieny ombieny ao amin'ny asa sorany, ny fomba tsara indrindra ahazoana harena betsaka dia ny fisasaran'ny tena, amin'ny alalan'ny zotom-po sy fiezahana mandrakariva amin'ny asa atao. *Asehony amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra maro izany.*⁶⁷ Toy izao no voalaza:

Ho tonga malahelo // fa mampanan-karena
Ny miraviravy tanana amin'ny asany // ny tanan'ny mazoto.

Ny tanan'ny mazoto // fa izay maraviravy tanana
No hanapaka // dia hampanompoina.

Ny hakamoana // ary ho mosarena
Mahasondrian-tory // ny olona malaina.

Hita araka izany fa saika fehezan-teny mifamaly rafitra avokoa no anambaran'ny ohabolana fa ny fahazotoana miasa amin'ny alalan'ny tanana no tena mahomby indrindra ary mora hahazoana harena betsaka. Ao ny fehezan-teny mihena vahana mifanipa-kevitra izay entina mandresy lahatra fa izay mazoto miasa dia hahazo harena be. Eo ihany koa ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mifanipa-kevitra no mbola milaza fa ny olona mazoto miasa dia mendrika ny ho mpanapaka, satria mahavita tena, tsy miankin-doha amin'ny hafa noho ny ezaka ataony. Etsy ankilan'izay anefa araka ny mampiavaka an'i Solomona amin'ny fanehoany ny ohabolany, dia asehony mandrakariva ny mifanohitra aminy. Izay ataony mirazotra amin'ny fanabeazana tiany homena ny zanak'olombelona. Koa ny olona malaina na kamo dia tsy hahazo harena na oviana na oviana. Araka ilay ohatra fahatelo etsy ambony izay miseho amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mitovy hevitra mba hanamafisana fa mampahantra ny tsy fiasana.⁶⁸

⁶⁷ Ohab 10 :4 sy ohab 12 :24 ary ny ohab 19 :15

⁶⁸ Jereo ohab 14 :23 ; ohab10 :5 ; ohab 12 :11

Ny ohab21:5 ihany koa dia tena hevitra tsara azo ampiharina mba hahazoana harena. Tsy inona izany fa ny fiheverana tsara ny zavatra atao. Manana ny fomba filazan-javatra entina ilazana izany i Solomona dia ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mifanipa-kevitra. Ny hevitra mifanipaka izay asehon' i Solomona moa dia natao hanaitra ny sain'ny maro mba handinika tsara amin'ny maha fanabeazana azy. Toy izao manaraka izao izany :

Ny hevitra ny mazoto // fa ny maimaika rehetra
Dia mampanan-karena // dia halahelo ihany

Hita araka io fanehoany azy io fa mitovy ny vaham-pahezan-teny andaniny sy ankilany mba hanehoana fa samy manana ny valin'ny nataony avy ny tsirairay. Ny olona mihevitra tsara izay ataony dia azo antoka ny hampanan-karena azy, fa ny olona manao zavatra tsy am-piheverana kosa fa manao ny asany zara fa vita dia hahantra foana.

2.1.2.2. Ny “parallelisme” maneho ny toetran'ny olona manoloana ny harenany.

Ny olombelona tsirairay tokoa dia samy manana ny fitadiavany avokoa mba hananany harena. Izay no hita teo ambony, fa ny hojerena amin'ity manaraka ity indray kosa dia ny *parallélisme* maneho ny toetran'ny olona manoloana ny harena ananany.

Manoloana ny harena ananany dia samy manana ny toetrany avokoa ny tsirairay. Ao ny olo-marina izay mitsimbina ny ain'ny bibiny, manome sakafo, mikarakara azy tsara satria fitaovana ampiasainy io hahazoany harena mba hivelomany. Fa ao kosa ireo ratsy fanahy izay maneho fahasiahana amin'ny bibiny mba hitadiavany harena, ho tombotsoany manokana dia ny ombiny no tereny hiasa mafy nefa tsy mba karakarainy akory. Asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitombo vahana mifanohi-kevitra izany rehetra izany ao amin'ny ohab12:10.

Ny marina mitsimbina

ny ain'ny bibiny // fa fahasiahana kosa no famindram-pon'ny ratsy fanahy

Mitovy vahana satria raha ny isan'ny vanim-pehezan-teny mandrafitra ny fehezan-kevitra tsirairay no jerena dia hita fa mitovy. Izany no natao moa, dia mba ho vato fantsika tsara ao an-tsain'ny maro ny anatra tiana hampitaina amin'ny maha fanabeazana azy.

Tsy ambakan'izay koa anefa fa samy manana ny fihetsiny ny olona eo anoloan'ny harena ananany. Misy ny mirehareha fa manan-karena izy, nefa rehefa tena nodinihin'i Solomona ny momba azy, dia hitany fa tsy dia manana akory. Ny ohabolana moa dia nipoitra avy amin'ny zava-nisy niainan'ny mpanoratra azy ka izay no nahitan'i Solomona izany toe-javatra izany satria hitany teo amin'ny mpiara-belona taminy. Misy koa anefa no hita fa manan-karena nefa dia milaza ho tsy manana hatrany. Hoy ny ohab 13 :7 manambara izany amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mifanipa-kevitra :

Misy mihambo ho manan-karena // misy mody malahelo
Nefa tsy manana na inona na inona // nefa manana harena be

Eo amin'ny fitantanana'ny olona ny harena ananany indray, dia toa samy manana ny fomba fitondrany azy. Ho fanabeazana sy fanoroana ny lalana tokony hodiavina amin'ny fitantanana ny harena no mahatonga an'i Solomona haneho ny fomba fitantanana tsara sy ratsy amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra. Toy ireto ohatra manaraka ireto :

Ny tanin'ny malahelo // fa maro no ho ringana
izay voasa dia // noho ny fanaovany
ahazoana hanina be // izay tsy rariny

Ny tiana hambara amin'io fehezan-teny mifamaly rafitra, mitombo vahana, mandravon-kevitra io dia hoe maro ny fahantran'ny mahantra mipoitra vokatry ny sitrapony sy ny tsy fahaizany mitantana na dia niezaka niasa aza izy. Mety ho kely ny fananana azony nefa izy tsy mba mitsitsy, tsy mitsinjo ny ho avy.

Ny ohab 13:25 indray dia milaza izao:

Ny marina mihinana // fa noana ny kibon'ny
ka voky tsara // ratsy fanahy

Eto indray dia fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mifanipa-kevitra. Izany dia natao hampiaikena ny mpihaino na mpamaky fa ny olona manao ny marina dia mionona mandrakariva amin'izay kely ananany. Izany hoe mahalala onony, fa ny ratsy fanahy kosa dia tsy mety mahatsapa fahafenoana eo amin'ny fiainany ary tsy mety afa-po amin'izay kely ananany ka miafara amin'ny fanaovana asa ratsy toy ny fangalarana sy ny maro hafa.

Ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mandravon-kevitra no hita ao amin'ny ohab 11:26 toy izao :

Izay tsy mamoaika ny variny fa saotra no ho amin'ny
dia ozonin'ny olona // lohan'izay mivarotra.

Maneho fa ny olona manan-karena manoloana ny haren'ny dia fetsy ratsy. Satria na dia manana vokatra tokony hamidy amin'ny fotoana fahavokarany aza izy, dia tsy amidiny amin'izay fotoana izay ny azy, fa andrasany efa tsy hisy intsony eny amin'ny toerana fivarotana rehetra vao mivarotra amin'ny vidiny tena lafo izy. Amin'izay fotoana izay anefa dia ozona no asetrin'ny olona azy fa fisaorana kosa no atolotry ny olona amin'izay olona mahatoky, mivarotra ny vokany amin'ny vidiny mirary.

Amin'ny ankapobeny ny mpanan-karena dia matoky be loatra ny harena izay ananany ka asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny *parallélisme* mitovy vahana mandravon-kevitra fa izay, miantehitra be amin'ny harena izay ananany dia ho lavo any am-parany any. Ao amin'ny ohab 11:28 izany manao hoe:

Izay matoky ny haren'ny fa ny marina
dia ho lavo // ho tahaka ny ravina maitso.

Toetran'ny mpanan-karena ihany koa ny miahiahy mandrakariva ny harena izay ananany, matahotra ny sao dia hisy hangalatra ny harena ananany, matahotra ny sao dia hisy hamono ny tenany entina handrobana ny tahiriny. Noho izany dia ezahany aparitaka amin'ny vahoaka izany fananana izany mba hiarovana, ny ainy. Etsy ankilan'izay koa anefa araka ilay *parallélisme antithétique*, ny mahantra dia tsy miraika, tsy manana ahiahy akory ny amin'izay

Izany hoe ny laniny havia dia mifanohitra amin'ny laniny havanana. Araka izany dia hita voalohany fa misy ny olona sasany mandany ny haren'ny hanampiany ny mahantra. Izay no fomba hampiasany ny haren'ny. Arakaraka ny hanomezany ny fananany ho an'ny mahantra no vao mainka mitombo hatrany izany fananany izany.

Etsy ankilan'izay kosa misy ny olona fatra-pahihitra loatra amin'ny fananany. Fihininy ho azy samirery ny fananana izay azony. Vokatry'izay anefa mihamahantra ihany izy.

Tsy izay ihany anefa no hampiasan'ny olona ny haren'ny fa mbola misy hafa. Hasehon' i Solomona amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mifanipa-kevitra ihany koa izany ao amin'ny ohab 13:22 fa

Ny tsara fanahy // *ny haren'ny mpanota*
mahenina lova // *voatahiry*
ny zanany // *ho an'ny marina.*

Izany hoe mbola misy karazany roa hatrany ny toetran'ny olombelona izay asehon'i Solomona mandrakariva ary saika mifanipaka foana.

Ny fomba hampiasan'ny olona tsara fanahy ny haren'ny dia toy izao : manangona izy dia mahazo harena betsaka sady maharitra satria azo tamin'ny fahamarinana. Ary rehefa mahazo izy dia kolokoloiny tsara izany ka mbola lovan'ny taranaka mifandimby maro. Izany hoe ny ho lovan'ny taranaka no tena anangonan'ny tsara fanahy fananana. Fa ny olona ratsy fanahy kosa dia mihary fananana, tsy ho an'ny tenany, fa ho an'ny olo-marina. Satria manko ny fananana izay azony dia azo tamin'ny fomba ratsy. Noho izany dia tsy haharitra fa ho rava, tsy ho tonga any amin'ny zafikeliny akory.

Eo anatrehan'izay anefa dia mbola asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mifanipa-kevitra ihany ny fihetsika asehon'ny olona sasany eo anoloan'ny mahantra sy ny manan-karena. Toy izao no hita ao amin'ny ohab 14:20

Ny malahelo // *fa ny manan-karena*
dia halan'ny havany aza // *no tian'ny maro.*

Izany hoe rehefa manan-katao ny olona iray dia maro no misakaiza aminy, tia azy. Alain'ny olona namana, ary anehoany tenim-pitiavana mihitsy aza. Eo ankilan'izay anefa, rehefa mahantra tsy manan-katao dia ailikiliky ny olona, eny fa na dia ny havana akaiky aza. Tsy ananan'ny olona hena-maso akory.⁷⁰

Tsy izay ihany, araka ny fandinihan' i Solomona ny mikasika ny fihetsiky ny olona manoloana ny mahantra sy ny manan-karena fa mbola asehony amin'ny alalan'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mitovy hevitra izany ao amin'ny Ohab 19 :6 manambara toy izao :

Maro // ary ny olona rehetra
no mandambolambo andriana // samy misakaiza amin'izay mpanome zavatra.

Izany hoe ny hevitra tian'ny fehezan-kevitra voalohany hambara dia mitovy hevitra amin'ny fehezan-kevitra faharoa ihany fa saingy aseho min'ny fomba hafa fotsiny. Izany no natao moa dia ny mba hanamafisana fa ny ankabetsahan'ny olona dia tia misakaiza amin'ny mpanolotolotra zavatra. Ary atao mihitsy izay hahazoana namana iny olona manan-katao iny. Ary saika fitiavana hitadiavana ny tombotsoan'ny tena manokana izany fa tsy fitiava-namana marina.

Toy izay ny toe-javatra tsikaritr'i Solomona eo amin'ny toetran'ny olombelona manoloana ny fananana ananany sy ny fifandraisan'izy samy izy.

Amin'ny maha nofo aman-drà ny olombelona dia izay no fombany sy toetrany. Tsy izay ihany fa amin'ny mahaolombelona ny olombelona izay samy manana ny toetrany avy dia nifidy mpanjaka izy ireo mba handrindra sy hampilamina ny fiaraha-moninan-dry zareo. Satria manko raha samy haneho ny toetrany avokoa dia lasa fiaraha-monina anjakan'ny baroa. Dia mikasika izay toetran'ny mpanjaka izay indrindra no hojerena manaraka eto.

⁷⁰ Jereo ohab 19 :14

2.1.3. Ny « parallélisme » maneho ny toetran'ny mpanjaka.

Manana ny toetra mahaizy azy tokoa ny mpanjaka amin'ny maha mpanjaka azy. Manana ny tanjony izy ary manana ny zavatra tiany sy tsy tiany ihany koa. Mihazona ny toetrany manokana ihany koa izy manoloana ny toetran'ny vahoaka izay eo ambany fiahiany. Ny fifamalian-drafi-pehezan-teny no fomba filazan-javatra entin'i Solomona manambara izay. Koa dia asesy hojerena manaraka eto izany.

2.1.3.1. Ny “parallélisme”sy ny tanjon'ny mpanjaka

Manana ny tanjony tokoa ny mpanjaka. Mialoha ny tena hilazana izany tanjony izany anefa, dia tsara ihany ny ahafantarana ny tena antony hametrahana mpanjaka hitondra ny firenena. Ny ohab 11:14 no manambara izany miseho amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra aseho amin'ny endrika *chiasme* dia ilay antsoina hoe *Parallélisme chastique*, manana endrika abba. Fa saingy mifanohi-kevitra fotsiny. Toy izao no anehoany izany:

Raha tsy misy mpitondra // Dia rava ny firenena
raha maro ny mpanolon-tsaina // fa handry fahizay

Izany hoe ny hampandry ny tany no antom-pisian'ny mpanjaka. Izay rahateo moa dia efa ao anatin'ny tanjony ihany. Fa raha tsy misy tokoa ny mpanjaka sy ny mpanolo-tsaina azy, dia ho simba ny firenena, tsy hijoro ny fanjakana.

Anisan'ny tanjon'ny mpanjaka ihany koa ny hahabetsaka ny vahoaka entiny. Satria io no anisany mampitombo voninahitra azy. Izany hoe raha vitsy ny isan'ny vahoaka entiny dia mietry ny mahampanjaka azy. Ny fomba filazan-javatra anehoan'i Solomona izay dia fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mifanipa-kevitra toy izao:

Ny fahabetsahan'ny vahoaka // fa ny havitsiany kosa
no voninahitry ny mpanjaka // no fietreny.

Izay no azo lazaina ho tanjon'ny mpanjaka amin'ny maha mpitondra fanjakana azy. Tsy izay ihany anefa fa mbola azo lazaina ho isan'ny tanjony ihany koa ny fahatratrarany ny zavatra tiany.

Amin'ny mahaolombelona ny mpanjaka dia manana ny zavatra tiany ihany koa izy. Izay no tanjona tiany hotratrarina.

Ao amin'ny ohabolana 14: 35 dia ahitana toy izao manambara ny santionany amin'ny zavatra tian'ny mpanjaka.

*Ny fankasitrahan'ny mpanjaka // fa ny fahatezerany kosa
dia amin'ny mpanompo hendry // amin'ny manao izay mahamenatra*

Izany hoe ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mifanipa-kevitra, no anehoan'ny mpanoratra fa ny mpanjaka dia tia ireo olona na mpanompo izay manao tsara ny asany. Anisan'ny tanjona kendreny ny hampahendry ny mpanompony. Ary ireny dia omeny valisoa sy fankasitrahana. Nataony mifanila amin'io fehezan-teny io ihany koa fa ny mpanompo izay tsy manao tsara ny andraikitra nampitazonina azy dia anehoan'ny mpanjaka fahatezerana.

Ny ohabolana 16: 12 dia ahitana fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary mifanipa-kevitra toy izao.

*Fahavetavetana // Fa fahamarinana
eo imason'ny mpanjaka // no iorenan'ny
ny fanaovan-dratsy // seza fiandrianany.*

Manambara fa manana tanjona ny mpanjaka dia ny fanaovany ny marina mba hampijoro tsara ny fanjakany. Araka izany dia tsy tiany ny fanaovana ny tsy rariny, ny fanaovana ny zava-dratsy rehetra satria manimba ny fitondrany.

Mbola tanjon'ny mpanjaka ihany koa ny hitenenan'ny olona ny zavatra tsara sy marina ary mahitsy araka ny hita ao amin'ny ohabolana 16: 13 hoe:

Sitraky ny mpanjaka // Ny molotra marina
No tiany // Ary izay miteny mahitsy

Araka ny hita eo ambony dia miseho amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy hevitra izay manana endrika *Chiasme* izy ity mba hanehoana fa ny fiteny madio sy marina no tena tian'ny mpanjaka hanjaka eo amin'ny tany iadidiany. Izany hoe ho fanamafisana fa tia ny olona miteny marina ihany koa no antom-pisian'ilay *chiasme*. Satria tokoa ny tarehy *miramirana dia mahafaly ny fo ary ny filazan-tsoa dia mamelombelona ny taolana*.⁷¹ Izany hoe: ny filazan-tsoa dia mahafaly ny mpanjaka.

Raha tratran'ny mpanjaka izay tanjony rehetra voalaza teo ambony izay, dia azo lazaina fa hijoro am-pilaminana ny fitondrany. Eo anatrehan'izany anefa dia manana ny toetrany manokana ihany koa ny mpanjaka.

2.1.3.2. Ny *parallélisme* sy ny toetran'ny mpanjaka

Manana ny toetrany manokana tokoa ny mpanjaka araka ny fahitan'ny mpanoratra azy. Izany dia asehony indrindra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana mandravon-kevitra araka ny hita ao amin'ny ohabolana 16: 14:

Ny fahatezeran'ny mpanjaka // Fa ny olon-kendry
dia iraky ny fahafatesana // mampionona izany

Izany hoe ny toetran'ny mpanjaka, rehefa tezitra izy, dia miafara amin'ny famonoana ho faty izay fahatezerany izay. Ny olona izay mahalala izany toetrany izany dia miezaka manao ny tsara mba tsy hiharan'ny fahatezeran'ny mpanjaka.

Ny mpanjaka ihany koa dia manana toetra miavaka. Hita ao amin'ny ohabolana 19 : 12 izany

Ny fahatezeran'ny mpanjaka // fa ny fitiany kosa
dia toy ny fieron'ny liona tanora // toy ny ando amin'ny ahitra

⁷¹ Jereo ohabolana 15 : 30 ; 17 : 22

Miseho amin'ny fomba filazan-javatra maneho fifamalian-drafi-pehezan-teny, mitovy vahana, mifanipa-kevitra fa ny toetran'ny mpanjaka, rehefa tezitra dia tezitra, ary rehefa mitia dia mitia. Miorina amin'ny fanoharana moa no nanehoan'ny mpanoratra izay. Ny mpanjaka tezitra dia oharina amin'ny liona tanora mieronana izay tena masiaka dia masiaka tokoa, ary rehefa mahatratra dia tena mahafaty tokoa. Fa rehefa faly kosa izy, dia ny fitiany oharina amin'ny ando amin'ny ahitra. Izany hoe mamelombelona, mahavelom-bolo ny rehetra.

Rehefa faly ny mpanjaka, dia ireo izay mahay miara-miasa aminy no hahazo tombontsoa avy aminy ary hahazo fankasitrahana ihany koa. Manamarina izany izay voalaza ao amin'ny ohabolana 16: 15. Toy izao no fanehoan'ny mpanoratra azy:

Amin'ny fahamiramiranan'
ny tarehin'ny mpanjaka // ary ny fankasitrahany
dia misy fiainana // dia toy ny rahona amin'ny fararano

Izany hoe : ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mitovy hevitra no nanehoan'i Solomona fa mahafinaritra ny fiainana rehefa manana ilay toetra faly ny mpanjaka. Ary asehony amin'ny alalan'ny fanoharana fa ny fankasitrahana'ny mpanjaka dia oharina amin'ny rahona amin'ny fararano, izay mitondra soa ho an'ny vokatra. Ny fankasitrahana'ny mpanjaka izany dia manome aina ny vahoaka no sady mitondra soa ho azy ihany koa.

2.1.3.3. Ny *parallélisme* maneho ny toetran'ny vahoaka

Tsy misy antony ny hisian'ny mpanjaka raha tsy eo ny vahoaka; satria izy ireny no mampijoro azy mba hampilamina ny fanjakany. Ao anatin'ny faritra iadidiany dia samy manana ny toetrany araka ny maha-izy azy avy ny vahoaka. Ao ny lehilahy ao ny vehivavy, ny ankizy, ny tanora, ny antitra. Ao ny manana toetra ratsy, ary ao ny manana toetra maha te hidera. Anjaran'ny mpanjaka no mandrindra sy mitondra izany rehetra izany.

Voalohany indrindra, ny toetran'ny olo-marina, tsara fanahy sy ny toetran'ny olona adala, ratsy fanahy dia ampiarahan'ny mpanoratra mandrakariva ny filazana azy. Ny ohabolana 16 : 17 dia manambara toetra iray izay hita eo amin'ny olo-marina :

Ny manalavitra ny ratsy *Ary izay mitandrina ny alehany*
no lalamben'ny marina // *no miaro ny ainy.*

Asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana, mandravon-kevitra fa ny olo-marina dia tsy tia ratsy; ary izany tsy fitiavany ny ratsy izany no fomba iray itsimbinany ny ainy.

Ao anatin'izany ihany koa ny hita ao amin'ny ohabolana 20: 3:

Voninahitry ny olona // *fa ny adala rehetra kosa*
ny hanalavitra ny ady // *misafoka.*

Miseho amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra fa ny olon-kendry dia miaro ny voninahiny tsy ho simba. Noho izany dia halaviriny ny ady, hialany izay zavatra rehetra mety hiteraka ady. Fa ny olona adala kosa dia tsy mba mitandro ny voninahiny, ary mainka aza izy mandranto ady amin'ny mpiara-belona aminy. Izany no mitarika azy ho amin'ny fahatezerana.

Manana toetra mampiavaka azy manokana ihany koa ny olona tsara fanahy. Hita ao amin'ny ohabolana 25: 21 izany.

Raha noana ny fahavalonao // *ary raha mangetaheta izy*
omeo hanina izy // *omeo rano hosotroiny.*

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary mandravon-kevitra no hita eto, izay entina manambara fa ny tsara fanahy dia mijery izay hahasoa na dia ny fahavalo aza.

Ny ratsy fanahy koa etsy an-kilany dia mba manana ny toetra mampiavaka azy koa. Hita taratra izany ao amin'ny ohabolana 16: 27.

Ny ratsy fanahy *Sady misy toy ny afo mahamay*
mihady lavaka fanimbana // *eo amin'ny molony.*

Raha jerena dia amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mandravon-kevitra no anehoana ny toetran'ny ratsy fanahy eto. Miezaka izy ireny mba hahatonga zava-

dratsy, ny handratra amin'ny alalan'ny teny izay aloaky ny vavany. Izany moa dia asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fanoharana. Izany hoe oharina amin'ny afo mahamay ny teny avoaky ny olona adala, izay mandoro, ary maharary mihitsy ny fo izay tratrany.

Anisan'ny nosinganin'ny mpanoratra manokana ny toetran'ny vehivavy ao amin'ny asa soratra izay nataony. Ao anatin'ny vahoaky ny fanjakana dia manana toerana lehibe ny vehivavy ; ka izany no mahatsara ny hijerena manokana ny mikasika azy ireo. Manambara momba izany ny ohabolana 14: 1 :

Ny *vehivavy hendry* // *fa ny adala kosa*
dia samy manao ny tranony // *mandrava ny tranony amin'ny tanany.*

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no hita eto. Entina izany mba hilazana fa ny vehivavy hendry dia mikarakara ny tokantranony, mampitombo ny fananana ao aminy. Fa ny vehivavy adala kosa dia mandany ny fananana kely izay eo aminy no sady mivarotra izany.

Tsy ny vehivavy ihany no eo ambany fiahian'ny mpanjaka, fa ao ihany koa ny olona antitra, ny lehibe, ny kely, ny ray aman-dreny sy zanaka. Iza no voalaza ao amin'ny ohabolana 17: 6 :

Satroboninahitry ny antitra // *voninahitry ny zanaka*
ny zafiny // *ny rainy.*

Miseho amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana mandravon-kevitra fa anisan'ny toetra raikitra eo amin'ny olona antitra ny fireharehana fa manana zafikely; ary reharenan'ny zanaka ny fananana ray hendry.

Ahitana zatovo koa ao anatin'ny vahoaka. Asehon'ny mpanoratra amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, ary mandravon-kevitra ny toetra mahasamy hafa ny antitra sy ny zatovo ao amin'ny ohabolana 20: 29.

Voninahitry ny zatovo // *ary ravaky ny anti-panahy*
ny fahatanjahany // *ny volo fotsy.*

Ao anatin'ny zatovo no tena misy ny hery betsaka indrindra, ary toetra efa voajanahary izany. Izy ireo no manana tanjaka enti-miasa mba hampandroso ny fanjakana. Dia toy izany koa ny anti-panahy. Izy ireo no azo lazaina ho manam-pahendrena satria efa nandalo fanandramana maro, araka ny efa mahafotsy volo azy.

TOKO FAHAROA: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARA-PANAHY.

Amin'ny ankapobeny ny Baiboly dia saika mifantoka betsaka amin'ny ara-panahy. Hita taratra ihany koa izany ao amin'ny ohabolana. Misy fanabeazana ara-panahy betsaka ao, izay mitarika ny olona ho amin'ny fahendrena hatrany. Azo ambara ihany koa fa misy fifandraisana betsaka tokoa eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Mikasika izany no hojerentsika manaraka.

2.2. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLONA

Ny kristianina dia mino an'Andriamanitra. Noho izany finoany izany dia manana anjara toerana lehibe sy manokana eo amin'ny fiainany Andriamanitra, ka dia teraka teo ny fifandraisany. Mino izy ireo fa manana toetra manokana mampiavaka azy Izy. Ny olona etsy andanin'izany dia samy manana ny toetrany ihany koa, na tsara izany na ratsy. Ary anjaran'Andriamanitra anefa no manome ny valin'ny nataon'ny tsirairay. Ny “parallélisme” no anehoan'ny mpanoratra izany rehetra izany ao amin'ny ohabolana. Andeha hovahavahantsika manaraka eto izany.

2.2.1. Ny “parallélisme” maneho ny toetra mampiavaka an'Andriamanitra.

2.2.1.1. Ny “parallélisme” maneho fa eo am-pelan-tanan'Andriamanitra ny ain'olombelona.

Eo am-pelan-tanan'Andriamanitra ny ain'ny tsirairay araka ny fijerin'ny mpanoratra. Manamarina izany ny teny ao amin'ny ohabolana 10 : 27 manao hoe :

*Ny fahatahorana an'i Jehovah
no mahela velona*

*Fa ny taonan'ny ratsy fanahy
// hohafomezina*

Raha jerena dia fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra io andinin-tsoratra masina io. Ny tiana hambara amin'izany dia hoe manana hery mahagaga tsy hay tohaina ilay Andriamanitra inoan'ny kristianina, satria sady afaka mampitombo ny andro

iainana, no afaka manafohy izany ihany koa. Ka ireo izay manaja Azy no ho ela velona, ary ireo tsy manome voninahitra Azy dia ho fohy andro iainana.⁷²

Hita taratra ao amin'ny ohabolana 14: 26 ihany koa fa Andriamanitra dia afaka miaro ireo tsara fanahy matahotra Azy. Toy izao no anehoan'i Solomona izany.

Ny fahatahorana an'i Jehovah Ary ny zanany
dia fiarovana mahatoky // hahazo fialofana.

Asehony amin'ny alalan'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana mandravon-kevitra izany. Manamafy izay ihany koa no hita ao amin'ny ohabolana 10: 29 :

Ny lalan'i Jehovah dia fiarovana mafy // fa fandranganana
ho an'izay tsy misy tsiny // ho an'ny mpanao ratsy.

Izany hoe asehon'ny mpanoratra amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra, fa Andriamanitra dia manana fahefana be amin'ny fiarovana ny ain'ny olombelona izay manao ny tsara. Kanefa afaka mandringana ireo izay tsy mankato ny lalany ihany koa.

Toetra mampiavaka an'Andriamanitra ny fahaizany mandanja ny fanahin'ny olona. Izy irery ihany no afaka manao izany. Na dia eo aza ny fiheveran'ny olona fa mandeha araka ny tokony ho izy izy, dia Andriamanitra ihany no mahalala ireo izay nanao ny tsara sy nanao ny ratsy. Ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no nanambarana izany ao amin'ny ohabolana 16: 2.

Ataon'ny olona ho madio avokoa Fa Jehovah ihany
ny lalana rehetra alehany // no mpandanja ny fanahy⁷³

Araka ny hita ao amin'ny ohabolana 16: 6 indray ; Andriamanitra dia afaka manome famindram-po sy famelan-keloka ho an'izay matahotra Azy ka manao ny marina sy manalavitra ny ratsy.

⁷² Jereo ohabolana 14 : 27

⁷³ Jereo ohabolana 16 : 9

Ny famindram-po sy ny fahamarinana // Ary ny fahatahorana an'i Jehovah
no avotra amin'ny heloka // no hanalavirana ny ratsy

Araka io andininy io dia asehon'i Solomona ny mahaIzy azy an'Andriamanitra, amin'ny fanehoany azy amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mandravon-kevitra .

Tsy misy olombelona afaka mamantatra ny ao am-pon'ny olona. Fa Andriamanitra kosa dia asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana, mandravon-kevitra ao amin'ny ohabolana 17: 3, fa afaka mamantatra ny ao am-pon'ny olona. Toetra mampiavaka Azy izany. Ny fifamalian-drafi-pehezan-teny hita eto dia natao hanalavana fitenenana mba handresen-dahatra ny tsirairay fa ny zavatra rehetra sy ny olona rehetra dia samy manana ny anjara asany avy ary tsy azo ampifamadihana izany. Ary Andriamanitra irey ihany no afaka mamantatra ny fo araka ity andininy ity.

Ny memy // ny fatana fandrendrehana // fa i Jehovah ihany
ho an'ny volafotsy // ho an'ny volamena // no mpamantatra ny fo.

Izay no azo lazaina ny amin'ny toetra mampiavaka an'Andriamanitra amin'ny olombelona; fa ankehitriny kosa dia hijery ny *parallélisme* maneho ny fahafahan'Andriamanitra manome izay ilain'ny olona.

2.2.1.2. Ny “parallélisme” sy ny fahafahan'Andriamanitra manome izay ilain'ny olombelona.

Manana fahefana sy fahafahana goavana tsy hita pesimpesenina eo amin'ny fiainan'ny olombelona Andriamanitra. Hoy ny andininy iray ao amin'ny ohabolana:

Ny fahatahorana an'i Jehovah // izay manao izany
no ahazoana fiainana // tsy mba handry fotsy sady tsy hiharan-doza.⁷⁴

⁷⁴ Jereo ohabolana 19 : 23

Ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita eto. Maneho izany fa Andriamanitra dia afaka manome fiainana ho an'izay matahotra Azy. Raha sakafo no angatahin'izay mitandrina ny didiny, dia omeny izany; ary raha fiarovana tsy ho azon'ny loza no tadiavina aminy, dia ataony tanteraka izany.⁷⁵

Mbola manamafy izany ny hita ao amin'ny ohabolana 16: 1:

Ny fikasan'ny fo // fa ny famalian'ny lela
no amin'ny olombelona // dia avy amin'i Jehovah.

Izany hoe fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mandravon-kevitra no anehoan'ny mpanoratra fa tsy tompon'ny famaliana ny olombelona. Andriamanitra irery ihany no afaka mamaly na tsia ny fikasan'ny olona. Ny hany azony atao dia ny mikasa sy maniry fotsiny, araka ilay teny tsy afaka ao am-bavan'ny maro hoe: « *Ny didy an'Andriamanitra fa ny fikasana an'olombelona* »⁷⁶

Tsy izay ihany anefa fa mbola afaka manome fahasambarana ho an'izay matoky azy Andriamanitra araka ilay ohabolana 16: 20 hoe:

Izay mandinika ny teny // ary izay matoky an'i Jehovah
No hahita soa // no ho sambatra

Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra izany ao amin'ny asa sorany dia ny fifamalian-drafi-pehezan-teny, mitovy vahana; ary azo lazaina ho mandravon-kevitra. Satria ireo izay mandinika ny baiboly dia hahazo soa ary ny olona mahazo soa no azo lazaina ho sambatra.

2.2.1.3. Ny « parallélisme » entina maneho ny toetra tian'Andriamanitra.

Amin'ny maha Andriamanitra azy dia ny zavatra sy toetra tsara mandrakariva no tiany. Mikasika izay zavatra tian'Andriamanitra sy tsy tiany izay no hodinihina manaraka eto. Izany dia asehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny.

⁷⁵ Jereo ohabolana 10 : 22

⁷⁶ Ohabolana malagasy

Voalohany indrindra, *Andriamanitra dia tsy tia ny mpanao heloka.*⁷⁷ Hoy Solomona manambara izany ao amin'ny ohabolana 11: 20:

***Fahavetavetana eo imason'i Jehovah // fa ankasitrahany kosa
ny meloka am-po // izay mandeha tsy misy tsiny.***

Izany hoe, ny fanehoana izany amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra dia manambara fa misy toetra tian'i Jehovah dia ny fanaovana ny marina izany, ny mandeha amin'ny fahitsina. Fa ny toetra tsy tiany kosa dia ny fanaovana fahotana.

Faharoa, araka izay tsy fitiavany ny fahotana izay, dia anisany tsy tiany ihany koa ny lainga. Asehon'ny mpanoratra amin'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana, mifanipa-kevitra ihany koa izany. Asehon'ny mpanoratra miaraka ao amin'ny andininy iray foana ny toetra tian'Andriamanitra sy ny tsy tiany mba hahafahan'ny mpamaky na ny mpihaino misafidy izay lalan-kombany amin'ny maha fanabeazana azy.

Koa eto àry dia hita taratra ao amin'ny ohabolana 12: 22 ny tsy fitiavan'Andriamanitra ny olona mandainga, fa ny tiany kosa dia ny olona mahatoky, milaza ny marina.

***Fahavetavetana eo imason'i Jehovah // fa izay olona mahatoky
ny molotra mandainga // no ankasitrahany.***

Fahatelo, asehon'ny mpanoratra amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary mifanipa-kevitra ao amin'ny ohabolana 15: 8 hoe:

***Ny fanatitry ny ratsy fanahy // fa ny fivavaky ny marina
dia fahavetavetana eo imason'i Jehovah // no sitrany***

Izany hoe: na dia fomba tsara entina hanompoana an'Andriamanitra aza ny fanatitra; rehefa tsy atao amin'ny fo madio ny fanolorana azy, dia tsy ankasitrahan'Andriamanitra. Fa

⁷⁷ Ohabolana 6 : 16 – 19 : « Izaonina izao no halan'i Jehovah, eny fito no ataony ho fahavetavetana : ny maso miavonavona, ny lela fandainga, ary ny tana mandatsa-dra marina, ny fo mamoron-tsain-dratsy, ny tongotra malaky mihazakazaka hanao ratsy, ny mamoka lainga ho vavolombelona tsy marina, ary ny mamafy ady ao amin'ny rahalahy.

na dia malahelo aza, mijaly noho ny fahotana ary mangetaheta ny famonjena dia izay no tiany.⁷⁸

Manaraka izany, tsy tian'Andriamanitra ny olona misain-dratsy, sy miteny ratsy araka ny fomba fanehoan'i Solomona azy amin'ny ohabolana mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra. Hoy izy ao amin'ny ohabolana 15: 26:

Fahavetavetana eo imason'i Jehovah // fa madio
ny hevi-dratsy // ny teny mahafinaritra.

Izany dia anehoana sy handresen-dahatra fa ny fiteny tsara mahatonga fifaliana eo amin'ny hafa no tian'Andriamanitra.

Izay no fomba nanehoan'i Solomona ny mampiavaka an'Andriamanitra; fa amin'ny manaraka eto indray dia hijery manokana ny fomba nanehoana ny mahasamy hafa ny toetran'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.

2.2.2. Ny “parallélisme” maneho ny fahasamihafan-toetran'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.

Ny olombelona tsirairay dia samy manana ny toetrany avokoa. Araka izany dia samy manana ny tombambidiny, ary samy manana ny fihetsiny manoloana ny fahafantarany an'Andriamanitra. Samy manana ny toetrany ihany koa eo anatrehan'ny namany.

Izay indray no hodinihana manaraka eto, miaraka amin'ny fomba fanehoan'i Solomona azy amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra.

2.2.2.1. Ny “parallélisme” maneho ny tombambidin'ny tsirairay.

Samy manana ny mahaizy azy ny tsirairay eo anivon'ny fiarahamonina. Noho izany dia samy manana ny toetrany ihany koa. Ao ny tsara fanahy, maneho fahatsaran-toetra; ary ao ihany koa ny ratsy fanahy maneho ny faharatsiany.

⁷⁸ Jereo ohabolana 15 : 29

Hoy i Solomona manambara izany ao amin'ny ohabolana 10: 20:

Volafotsy voafantina fa ny fon'ny ratsy fanahy
ny lelan'ny marina // tsy misy vidiny.

Io andininy io dia fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary mifanipa-kevitra izay miorina amin'ny “métaphore”. Koa ny volafotsy voafantina eto no anoharana; ary ny olona manao ny marina no oharina. Izany hoe ny olona manao ny marina dia oharina amin'ny volafotsy voafantina. Izany dia mba hilazana fa sarobidy ny olona manao ny mety. Fa ny ratsy fanahy kosa dia ataon'Andriamanitra tsinontsinona satria ny devoly ihany no ao aminy.

Tsy izany ihany anefa fa raha ampifanatrehana ny toetran'ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy dia ambonimbony kokoa ny toerana misy ny tsara fanahy. Manaporofa izany ny hita ao amin'ny ohabolana 14: 19.

Ny ratsy fanahy // ary ny meloka
miondrika eo anatrehan'ny // dia eo ambavahadin'
tsara fanahy // ny marina.

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no anehoan'ny mpanoratra izany mba handresen-dahatra fa matetika dia voatery haneho fanajana ny tsara fanahy ny ratsy fanahy noho ny zava-tsarotra mahazo azy; ary dia miondrika eo anatrehany izy ary mangataka fanampiana aminy.

Etsy ankilan'izany koa, dia lazain'i Solomona ao amin'ny ohabolana 28: 5 fa,

Ny ratsy fanahy // fa izay mitady an'i Jehovah
dia tsy mahalala ny rariny // no mahalala ny zavatra rehetra.

Nasehony amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra mitovy vahana ary mifanipa-kevitra izany mba hilazana fa ny olona izay mitady famonjena amin'Andriamanitra dia hahazo ilay hosotry ny fanahy masina, ka hahafantatra ny zava-drehetra, dia ny fahalalana izao tontolo

izao ara-nofy sy ara-panahy araka ny voalazan'ny 1 jaona 2: 20.⁷⁹ Fa ny ratsy fanahy kosa dia tsy mahalala na inona na inona.

Izay ny mikasika ny tombambidin'ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy. Fa hojerena manaraka eto indray ny mikasika ny parallélisme maneho ny fihetsiky ny tsirairay manoloana ny fahafantarana an'Andriamanitra.

2.2.2.2. Ny “parallélisme” sy ny fihetsiky ny olona manoloana ny fahafantarana an'Andriamanitra.

Na dia samy mahalala ny momba an'Andriamanitra aza ny tsirairay, dia samy manana ny fihetsiny ihany koa manoloana izany. Asehon'i Solomona amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra ao amin'ny ohabolana 10: 24 fa;

Ny tahotry ny ratsy fanahy // *fa ny irin'ny marina*
hihatra aminy // *no homena azy.*

Natao izany mba hanehoana fa ny tsara fanahy dia mieritreritra mandrakariva ny famonjen'Andriamanitra. Noho izany dia tanterahan'Andriamanitra izany faniriany rehetra izany. Fa ny ratsy fanahy kosa dia mitaintaina sy matahotra mandrakariva. Ary izay zavatra hatahorany izay anefa no vao mainka hihatra aminy.

Mbola asehon'ny mpanoratra amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra ihany koa anefa ao amin'ny ohabolana 14: 2 fa:

Mandeha mahitsy // *fa mivily lalana kosa*
izay matahotra an'i Jehovah // *izay maniratsira azy.*

Na dia samy mahalala an'Andriamanitra aza dia misy ny manao tsinontsinona Azy; ary misy ny manaja sy matahotra Azy. Ny olona izay matahotra an'i Jehovah dia mandeha araka ny fahamarinana, fa ny mpaniratsira kosa dia minia mivily manalavitra izany fahamarinana izany.

⁷⁹ Adam Clark, op. Cit. Ohabolana 28 : 5.

Io anatrehan'izany, ny olona tsara fanahy, matahotra an'Andriamanitra dia manome voninahitra sy midera azy amin'ny alalan'ny fanampiany ny mahantra. Fa ny ratsy fanahy kosa dia manala baraka Azy amin'ny fampijaliany ny mahantra. Manamafy izany ny hita ao amin'ny ohabolana 14: 31:

*Izay mampahory ny mahantra // fa ny mamindra fo aminy kosa
dia manala baraka ny mpanao azy // dia manome voninahitra Azy.*

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra izy io. Izany dia natao indrindra mba hanehoana fa ny tsara fanahy dia midera an'Andriamanitra noho ireo fitahiana izay nomena azy. Noho izany dia tsy tazoniny ho azy samy irery izany fa zarainy ho an'ny mahantra. Mifanohitra amin'izay kosa anefa no ataon'ny ratsy fanahy. Lazainy fa tsy manao na inona na inona amin'ny fiainany Andriamanitra.

Ny ohabolana 19 : 16 dia mbola anambaran'i Solomona fa :

*Izay mitandrina ny didiny // izay tsy mihevitra ny alehany
mitandrina ny ainy // dia ho faty.*

Asehony hatrany amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra ; fa ny olona matahotra an'Andriamanitra, rehefa mahalala ny didiny dia mitandrina izany satria izay no fantany fa hahaela velona azy. Fa ny mahalala an'Andriamanitra nefa tsy manaja azy dia lasa tsy miraharaha ny didiny. Hany ka mivarina ho any amin'ny fahafatesana.

Izay ny *parallélisme* maneho ny fihetsiky ny tsirairay manoloana ny fahafantarana an'Andriamanitra; fa eto kosa indray dia hojerena manokana ny toetran'ny olona manoloana ny namany.

2.2.2.3. Ny “parallélisme” maneho ny toetran’ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy eo anatrehan’ny namany.

Ny olombelona amin’ny maha voary natao hiara-monina azy dia voatery tsy maintsy mifanerasera amin’ny manodidina azy, manana namana. Eo anatrehan’izay namana izay anefa dia samy manana ny fomba fitondrany azy ny tsirairay.

Misy karazany roa hatrany izany toetran’ny olona izany araka ny fanambaran’i Solomona azy. Hoy izy ao amin’ny ohabolana 12: 26:

*Ny marina // fa ny alehan’ny ratsy fanahy kosa
dia mitari-dalala ny namany // no mampivily azy.*

Asehony amin’ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra fa izay miaraka amin’ny amboalambo dia amboalambo. Ny tiana holazaina amin’izany dia hoe: rehefa olona manao ny marina ny namana na ny mpiara-monina, dia manaraka izay ihany koa ny toetra. Ny olo-marina dia mitarika ny namany ho amin’ny tsara mandrakariva, mampianatra azy ny fahamarinana sy ny fanaovan-tsoa. Fa ny ratsy fanahy kosa dia mitarika ny namany ho amin’ny ratsy izay ataony ka mampivily azy tsy hanaraka ny fahamarinana.

Tsy izay ihany anefa no fomba fitondran’ny olona ny namany, fa ao ihany koa izay voalazan’ny ohabolana 14: 21 manao hoe:

*Izay manao // Fa endrey ny fahasambaran’
tsinontsinona ny namany // izay mamindra fo
dia manota // amin’ny ory.*

Izany hoe asehon’ny mpanoratra amin’ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanohi-kevitra fa misy ireo olona manao tsinontsinona ny namany noho ny fahantrany. Izay manao izany dia azo lazaina fa diso. Misy kosa ireo izay mamindra fo amin’ny malahelo, manampy sy manao soa ho azy ireny. Izy ireny no atao hoe olon-tsambatra satria ankasitrahan’Andriamanitra ny zavatra ataony ka dia tahiany.

Izay ny mikasika ny fahasamihafan-toetry ny olona tsara fanahy sy ny ratsy fanahy. Hojerena manaraka eto indray kosa ny *parallélisme* maneho ny famalian'Andriamanitra ny nataon'ny tsirairay.

2.2.3. Ny “parallélisme” maneho ny famalian'Andriamanitra ny nataon'ny tsirairay avy.

Ny olona rehetra dia samy manana ny fomba fanatanterahany ny asany avokoa. Noho izany dia samy mandray ny valin'asany koa na tsara izany na ratsy. Samy tojo olona koa eo am-panaovana izany. Ireo indray no hojerena manaraka eto.

2.2.3.1. Ny “parallélisme” maneho ny fomba fijerin'Andriamanitra ny olona araka ny asany avy.

Noforonin'Andriamanitra mba hiasa ny olombelona.⁸⁰ Noho izany dia mijery ny olona tsirairay sy ny fomba fiasany Izy; ary manana ny fomba fijeriny manokana momba izany.

Eo anatrehan'Andriamanitra, ny olona, manao ny marina, dia mahazo tombontsoa avy Aminy mandrakariva. Ambaran'i Solomona ao amin'ny ohabolana 10: 3 amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra hoe:

<i>Tsy avelan'i Jehovah</i>		<i>Fa foanany</i>
<i>ho mosarena</i>		<i>ny fanirian'</i>
<i>ny fanahin'ny marina,</i>	<i>//</i>	<i>ny ratsy fanahy.</i>

Izany hoe, ny olona, rehefa miasa tsara sady manao ny marina, dia jeren'Andriamanitra manokana. Tsy avelany ho noana fa omeny sakafo saha mandrakariva. Ny ratsy fanahy kosa na dia miasa fatratra, mikatsaka harena aza, dia tsy jeren'Andriamanitra. Hany ka tsy hahangona fananana firy izy fa ho lanilany foana izany.

Mbola manamafy izany ihany no hita ao amin'ny ohabolana 12: 21:

⁸⁰ « Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin'ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy. » Genesisy 2: 15.

Tsy misy ratsy manjo ny marina, // fa heni-doza ny ratsy fanahy.

Amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no anambaran'i Solomona izay. Ny tiany hambara dia hoe: « *Ny zava-drehetra dia miara-miasa hahasoa izay tian'Andriamanitra.* »⁸¹ Koa na inona na inona miseho eo amin'ny fiainan'ny olo-marina dia amboarin'Andriamanitra hitondra fitahiana ho azy. Ary etsy ankilan'izany, ny ratsy fanahy dia feno loza mifamahofaho eo amin'ny fiainany. Midona aminy avokoa izay zava-dratsy miseho, ary dia tsy hahita tombotsoa izy. Ny ratsy ataony dia hivaly aminy⁸² araka ny filazan'i Adolphe RAZAFITSALAMA hoe: « *Tsy ho raraka an-tany tsy akory ny soa atao ary tsy ho afa-maina ny mpanao ratsy fa tsy maintsy ho todin'ny nataony ihany.* »⁸³

Tsy izay ihany anefa no fomba fijerin'Andriamanitra ny olona araka ny asany avy. Ny olona tsara, noho ny fitahiana avy Aminy dia miasa mba hahafahany mioitra eo amin'ny fiainana. Izany no tanjona voalohany ny amin'ny asa. Ny faharoa dia miasa mba hahafahana mizara ho an'ny hafa tsy mba manana. Fa ny ratsy fanahy kosa dia miasa mba hihinana sy hisotro; ary ny fananany dia lanilaniany sy atobatobany. Ny fitahiana avy amin'Andriamanitra dia lasa ozona ho azy. Izay rehetra izay no tian'i Solomona hambara ao amin'ny ohabolana 10: 16; izay asehony amin'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana, mifanipa-kevitra toy izao:

Ho fiainana // ho ota
ny asan'ny marina // ny fitomboan'ny haren'ny ratsy fanahy.

Raha toy izay ny mikasika ny fomba filaza-javatra nanehoana ny fomba fijerin'Andriamanitra ny olombelona araka ny asany avy, dia mba manao ahoana kosa indray ny fomba filazan-javatra hanehoan'Andriamanitra ny valin'ny nataon'ny tsirairay?

2.2.3.2. Ny “parallélisme” sy ny valin'asan'ny tsirairay avy

Araka ny efa fantatra dia samy mijinja ny nataony avy ny tsirairay. Ny tsara fanahy dia hankasitrahana ny zavatra vitany, ary hotsarovana eo amin'ny fiarahamonina ny momba

⁸¹ Jereo Romana 8 : 28.

⁸² Jereo Ohabolana 10 : 6 ; 13 : 21 ; 14 : 11.

⁸³ Adolphe RAZAFITSALAMA, *Ny finoana sy ny fombany*, tak. 58 – 64.

azy rehefa tsy eo intsony izy. Fa ny ratsy fanahy kosa dia tsy hotsarovana intsony ny anarany sy ny asany fa havela ho simba. Toy izany no ambara ao amin'ny ohabolana 10: 7:

Hankasitrahana ny fahatsiarovana *Fa ho lo ny anaran'ny*
ny marina // *ratsy fanahy.*

Izany dia miseho amin'ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana, mifanipa-kevitra. Izany hoe samy mandray ny valin'asany avy na ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy.

Mbola anisan'izany ihany koa ny hita ao amin'ny ohabolana 11: 3:

Ny fahitsian'ny mahitsy *Fa ny mpivadika*
no mitarika azy // *dia voafandriky ny nataony.*

Ny fifamalian-drafi-pehezan-teny mitovy vahana, mifanipa-kevitra no anehoana izany mba hilazana fa ny zavatra ataon'ny mpanao ny marina no mamonjy azy sy mitarika ny lalana tokony halehany. Fa ny ratsy fanahy kosa, raha mikasa ny hanao zava-dratsy amin'ny hafa, dia hiverina aminy ihany izany ratsy kasainy izany, ka dia ho voa amin'ny nataony ihany izy.⁸⁴

Raha fintinina izay voalaza teo izay dia samy manana ny valin'ny asany ny tsirairay: ka ny manao ny tsara dia hahazo valiny tsara, ary ny manao ny tsy mety dia ratsy araka izany ihany koa no valiny. Mitovy amin'ny fijerin'ny Ntaolo malagasy izany araka ilay ohabolana hoe: « Ny ratsy atao, loza mihantona; ny soa atao, levenam-bola. »⁸⁵

2.2.3.3. Ny *parallélisme* maneho ny fitantanan'Andriamanitra ny olombelona araka ny toetrany avy.

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny filazana ny momba ny fitantanan'Andriamanitra ny olona araka ny toetrany, ny fampiasana fomba filazan-javatra

⁸⁴ Jereo ohabolana 11 : 5, 6 ; ohabolana 13 : 13.

⁸⁵ *Ohabolan'ny Ntaolo*, nangonina sy nalahatr'i W. E. Cousins sy J. Parrett, Edisiona: Trano Famoaham-boky Protestanta Imarivolanitra, tak. 110.

amin'ny alalan'ny fehezan-teny mifamaly rafitra. Mibaribary izany ao amin'ity ohabolana nosoratan'i Solomona ity. Santionany amin'izany izay voalaza ao amin'ny ohabolana 11: 19:

*Ny tena fahamarinana // fa izay fatra-panaraka ny ratsy
dia mamantana any amin'ny fiainana // dia iharan'ny fahafatesana.*

Hita eto fa fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no entin'ny mpanoratra manambara fa ny olona izay manao ny marina dia homen'Andriamanitra fahasambarana eo amin'ny fiainana; ary hataony ela velona izy amin'izany. Fa ny ratsy fanahy kosa dia dia tsy avelany hanaram-po amin'ny fiainana fa dia ho vitsy andro.

Tsy izany ihany anefa fa mbola asehon'i Solomona amin'ny fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana ary mifanipa-kevitra tahaka ny teo ihany koa ao amin'ny ohabolana 11: 21 fa,

*Tsy maintsy hampijaliana // fa ny taranaky ny marina
ny ratsy fanahy // no hovonjena.*

Raha hazavaina ny tian'ny mpanoratra hambara dia hoe, Andriamanitra dia mamela ny rehetra hanao izay tiany hatao araka ny safidiny; nefa ny fahamarinana kosa no tiany. Noho izany dia tsy avelany ho afa-maina ireo ratsy fanahy fa tsy maintsy iharan'ny sazy izy noho ny tsy nifidianany ny hanaraka ny fahamarinana. Fa ireo izay nanao ny marina kosa dia havotany na dia manakaiky azy aza ny loza. Raha tsorina dia manafaka ny olo-marina Andriamanitra.

Milaza mikasika izany ihany koa ny ao amin'ny ohabolana 28: 18.

*Izay mandeha tsy misy tsiny // fa izay mivadika ka mandeha amin'ny lalana
miolikolika
no ho voavonjy // no ho lavo tampoka.*

Mibaribary araka io fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra io fa izay manao ny marina ihany no ho voavonjy; fa izay manao zavatra maizimaizina dia ho voafandrika ka ho lavo tampoka, ary tsy hisy mpanarina.

Toy izany no fitantanan'Andriamanitra ny fiainan'ny olona. Izay manao ny marina ihany ny no ankasitrahany sy vonjeny; fa ny mpanao ratsy kosa dia avelany ho tonga saina amin'ny vokatry ny ratsy ataony.

TOKO FAHATELO: NY PARALLELISME SY NY FANABEAZANA ARA-TSAINA.

2.3. NY FIFANDRAISANA MISY EO AMIN'NY OLONA SAMY OLONA.

Tsy maintsy miaina ao anaty fiarahamonina ny olombelona. Ao anatin'izany dia mitana anjara toerana lehibe ny teny eo amin'ny fifandraisana, na eo amin'ny zanaka sy ray aman-dreny izany na eo amin'ny mpiara-monina. Ny hananan'ny olona fahalalana sy fahendrena no tanjon'ny ohabolana eo anivon'izany fiarahamonina izany. Na izany aza anefa, dia misy ihany ny fifandirana eo amin'izy ireo.

Araka izany rehetra izany dia hojerena misesy manaraka eto ny :

- Ny *parallélisme* maneho ny toe-javatra misy eo amin'ny fiarahamonina.
- Ny *parallélisme* maneho ny fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena.
- Ny *parallélisme* sy ny fitenenana.

Ao anatin'izany dia mipetraka hatrany ilay fanabeazana ara-tsaina. Ny saina no voakitika voalohany raha miresaka ny fahalalana sy ny fahendrena, ny fiteny, ary ny fiainan'ny mpiara-monina amin'ny ankapobeny mba hahafahana mandrindra ny fiainana.

2.3.1. Ny “parallélisme” maneho ny toe-javatra misy eo amin'ny fiarahamonina.

Maro dia maro tokoa ny toe-java-misy mifamahofaho eo amin'ny fiarahamonin'ny olombelona. Eo amin'ny fiainan'ny mpianakavy dia ahitana izany, eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka, ny mpiara-belona. Ao anatin'izany fiarahamonina izany dia misy mandrakariva ny fifandirana. Ny fifamalian-drafi-pehezanteny no entin'i Solomona maneho ny toe-java-misy eo amin'ny fiarahamonina sy ny antom-pisian'ny fifandirana; ary ny toe-pon'ny olona manoloana ny fahatezerana. Izay indray no hovahavahana manaraka eto.

2.3.1.1. Ny “parallélisme” maneho ny toe-java-misy eo amin'ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.

Eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, dia misy hatrany ny fifandraisana. Ary eo amin'ny Malagasy dia sarobidy eo anatrehan'ny ray aman-dreny tokoa ny zanaka. Izany no

nahatonga an'i Maurice RASAMUEL hilaza hoe: « *Matoky aho, fa izay hahasoa ny zanany no heverin'ny ray aman-dreny mandrakariva.* »⁸⁶ Manana adidy mavesatra eo amin'ny zanaka ny ray aman-dreny « *satria ny anton'ny fiainana dia ny fanefana ny adidy ; ary ny fanefana ny adidy dia fanaovana ny sitrapon'ilay nahary tongotra aman-tànana antsika, na amin'ny inona na amin'ny inona. (...) Ny adidy amin'ny namana dia mahafaoka be: ny fianakaviana, zanaka, ny tany ama-monina, ny tanindrazana. (...) Tokony himasoantsika ny mianatra sy manatanteraka azy ireo.* »⁸⁷ Noho izany dia anjaran'ny ray aman-dreny no manafay ny zanany raha manao ny tsy mety. Ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no anehoan'i Solomona izany ao amin'ny ohabolna 13: 24.

Izay mitsitsy ny tsorakazony Fa izay tia zanaka
dia tsy tia ny zanany // dia manafay azy, raha mbola kely.

Nataony izany mba hampieritreretana fa tsy afaka hitondra soa ho an'ny zanany ny ray aman-dreny raha tsy manitsy dieny mbola kely; rehefa misy ny fahadalana sy ny tsy fankatoavana. Noho izany dia ilaina ny fikapohana azy ireny.

Toy izao no anambaran'ny mpanoratra izany, ao amin'ny ohabolana 19: 25 sy ny ohabolana 21: 11:

Kapohy ny mpaniratsira // raha ampijaliana ny mpaniratsira
dia ho hendry ny kely saina. // dia ho hendry ny kely saina.
ary anaro ny manan-tsaina // ary raha toroan-kevitra ny hendry
dia hahalala fahendrena izy. // dia hahazo fahalalana izy.

Izany hoe, fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra no ilazana fa tsara raha kapohina kely,faizina, omena teny mampieritreritra, ampahafantarina azy ny ratsy nataony ireo izay tsy manara-dalàna mba ho tonga saina ka hanam-pahendrena sy fahalalana.⁸⁸

⁸⁶ Maurice RASAMUEL, « Saro-tadiavina ny rariny », *Loharano T 8*, tak. 115.

⁸⁷ Regis RAJEMISA, RAOLISON, « adidy », in *Mba olom-banona*, 1951, *Lovako T 11*, Tak 54.

⁸⁸ Jereo ohabolana 19: 29.

Na eo aza anefa izany famaizan'ny ray aman-dreny izany, dia manana ny fihetsiny manokana ihany koa ny zanaka manoloana izany fananarana atao aminy izany. Aon y zanaka hendry izay mihaino no sady mankato; fa etsy ankilany koa anefa dia misy ny maniratsira tsy mety mihaino ny fananarana. Ny fifamalian-drafi-pehezanteny, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no ahitana izany ao amin'ny ohabolana 13: 1.

Ny zanaka hendry mihaino *Fa ny mpaniratsira tsy mety mihaino*
ny fananaran-drainy ; // *na dia anarina mafy aza.*

Izany hoe, na dia eo aza ny fananarana sy fanabeazana ataon'ny ray aman-dreny, dia samy manana ny di-dohany ihany ny ankizy.

Manoloana izany di-dohany izany anefa dia, hoy i Solomona milaza ny vokany amin'ny alalan'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra. Ohabolana 22: 5⁸⁹

Tsilo sy fandrika *Fa izay te hiaro ny ainy*
no amin'ny alehan'ny maditra // *dia manalavitra izany.*

Ireo izay fatra-panda ny anatra atolotra azy, dia ny fahafatesana no miandry azy. Fa ireo izay mankato izany kosa dia hahazo fahombiazana tanteraka eo amin'ny fiainany.

Manoloana izany fihetsika asehon'ny zanaka eo anatrehan'ny fanabeazana ataony izany, ny ray aman-dreny dia manana ny fihetseham-pony. Hoy ny ambaran'ny ohabolana 10: 1:

Ny zanaka hendry // *fa ny zanaka adala*
Mahafaly ny rainy // *mampalahelo ny reniny.*

Mibaribary ao amin'io andininy io fa ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no anambarana fa feno fifaliana ny fiainan'ny ray aman-dreny rehefa mankato azy ny zanany. Fa raha toa kosa ka maditra izy dia miteraka aretim-po eo aminy

⁸⁹ Jereo ohabolana 15: 10.

izany; satria izy aza efa nanao izay azony natao rehetra mba ho fitaizana sy fanolokoloana azy ireny.⁹⁰

Raha aravona izay rehetra izay, dia hahita soa eo amin'ny fiainana izay manao ny tsara; ary fahavoazana tsy ho an'ny tenany ihany, fa ho an'ny ray aman-dreny ihany koa ho an'izay maneho tsy fankatoavana. Hoy RANDRIANJOANIMANANA Olivier raha nilaza mikasika izany: « *Ny tsy fahaizan'ny olona iray mitsimbina ny ainy dia miteraka fahavoazana ho an'ny tenany sy ny mpiara-belona aminy...* »⁹¹

Izay ny mikasika ny *parallélisme* maneho ny toe-java-misy eo amin'ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Fa ny manaraka eto indray dia hijery manokana ny mikasika ny *parallélisme* maneho ny antom-pisian'ny fifandirana eo amin'ny fiarahamonina.

2.3.1.2. Ny “parallélisme” maneho ny antom-pisian'ny fifandirana eo amin'ny fiarahamonina.

Eo amin'ny fiainan'ny fiarahamonina tokoa dia tsy ilaozan'izay disadisa. Koa raha araka ny ohabolana, dia misy antony manokana ny mampisy azy ireny.

Voalohany amin'izany ny fisian'ny fiavonavonana eo amin'ny olona. Ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no enti-maneho izany ao amin'ny ohabolana 13 : 10.⁹²

Fifandirana ihany

no vokatry ny fiavonavonana

Fa ao amin'ny mino anatra

// *no misy fahendrena.*

Ny tian'izany aseho dia hoe : ny fifandirana rehetra miseho eo amin'ny fiarahamonina dia saika vokatry ny fiavonavonana, na ny fiheveran-tena ho zavatra avokoa. Hoy indrindra i Auguste RAJON raha nilaza izany : « *Izao tontolo izao, nofintinina atao indray mijery. Ao no*

⁹⁰ Jereo ohabolana 15 : 20

⁹¹ RANDRIANJOANIMANANA Olivier, *Singan-kevitra ny mpandinika*, tak. 24.

⁹² Jereo ohabolana 11 : 2.

ahitana ny lafiny mainty amin'izao fiainana izao, toy ny fitiavan-tena, ny fiavonavonana, ny tsy fiheverana ny hafa, ny fanaovana ny tena ho zavatra. »⁹³

Tsy vitan'izay ihany anefa, fa ny faharoa manaraka izay ihany koa dia ny fifosafosana. Anisan'ny fototra mahatonga ny fifandirana indrindra eo amin'ny fiarahamonina ihany koa io. Ohabolana mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no anehoana izany ao amin'ny ohabolana 26 : 20, ka toy izao no fisehony :

Raha tsy misy kitay intsony // ary raha tsy misy mpifosafosa intsony
dia maty ny afo, // dia mitsahatra ny fifandirana.

Fomba filazan-javatra nampiasain'i Solomona izany mba hanalavana fitenenana sy hampieritreretana ny maro, fa ny mpihaino fosafosa sy ny mpifosafosa dia manakorontana ny fiarahamonina. Raha tsy atao asa sy tsy henoina dieny aty am-piandohana mantsy ireny fosafosa ireny dia tsy hiparitaka, hanasavorovoro ny mpiara-monina.

Manaraka izany, ao ihany koa ny fireharehana izay miteraka fahasimban'ny fifandraisana eo anivon'ny fiarahamonina. Hoy Solomona manambara izany ao amin'ny ohabolana 18 : 12 :

Ny fireharehan'ny fon'ny olona // fa ny fanetren-tena kosa
mialoha ny fahasimbana // mialoha ny voninahitra.

Izany hoe ny olona tia tena sy miavonavona dia mametraka ny tenany ho ambonimbony kokoa noho ny hafa ; ary mieritreritra ny hapetraka amin'izany toerana ambony izany. Te hoindrindrainy izy. Rehefa izany no miseho dia lasa miandry hajaina ary manambany ny hafa ; hany ka miteraka fifandirana sy tsy fifankahazoana eo amin'ny fiarahamonina. Fa raha manetry tena kosa ny tsirairay, dia fantatra fa olona mahalala fomba ; ary hajain'ny olona sy omeny voninahitra. Tamin'ny fahezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra no nanehoan'i Solomona izany teo.⁹⁴

⁹³RANAIVOARISOA Gregoire Thaumaturge sy RABENOELY Crescent, *Lovako T. 11* P.24.

⁹⁴ Jereo ohabolana 11 : 2 ; 16 : 18.

Na dia eo aza anefa izay rehetra izay dia mbola misy antony hafa ihany koa mahatonga ny fifandirana. Hoy ny voalaza ao amin'ny ohabolana 17 : 9 :

Izay te ho be fitiavana // fa izay mamohafoha teny
dia manaron-keloka // mampisaraka ny tena mpisakaiza.

Asehon'i Solomona amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipakevitra fa raha te ho be fitiavana dia tsy mitantara ny fahadisoan'ny namana any amin'ny hafa. Rehefa izay fitantarana ny fahalemen'ny hafa izay no atao anton-draharaha, dia hiteraka tsy fifankazahazoana eo amin'ilay olona mpitanti-dresaka sy ilay iantefan'ilay resaka ; hany ka fifandirana no iafarany.⁹⁵

Manoloana izany fifandirana mety mahazo ny olona izany, dia samy manana ny fomba anehoany ny fahatezerany ny tsirairay. Izay indray no hojerentsika manaraka eto.

2.3.1.3. Ny “parallélisme” maneho ny toe-pon'ny olona manoloana ny fahatezerana.

Arakaraka ny toe-pon'ny olona tokoa no fomba anehoany ny fahatezerany rehefa tezitra. Io fahatezerana io dia azo lazaina ho zava-dratsy satria manimba. Izany indrindra no mahatonga an'i Solomona handrara ny olona tsy hiaraka amin'ny olona mora tezitra, sy tsy hisakaiza amin'ny olona foizina. Hoy izy manambara izany ao amin'ny ohabolana 22: 24:

Aza misakaiza // ary aza miara-dia
amin'ny olona mora tezitra // amin'ny olona foizina.

Ny tiana hambara amin'io andininy misy fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra io, dia ny mba hanamafisana fa ny toetra dia mora alain-tahaka. Koa raha manana toetra ratsy toy izany ny namana dia mety hanaraka izany ihany koa ny toetry ny tena.

⁹⁵ Jereo ohabolana 10 : 12.

Eo anatrehan'izany fahatezerana izany dia asehon'ny mpanoratra ao amin'ny ohabolana 15: 18 fa:

Izay malaky tezitra // fa izay mahatsindry fo
manetsika ady // mampitsahatra ny fifandirana.

Aseho amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra fa ny olona izay mora mirehitry ny fahatezerana dia vao mainka manamafy ny ady. Fa ny fahendrena dia mangina eo anoloan'ny fahatezerana mba hampitsahatra haingana ny ady.⁹⁶

Hoy Solomona ao amin'ny ohabolana 14: 17:

Izay malaky tezitra // ary ny olona mamoron-tsain-dratsy
dia manao adaladala // dia ankahalaina.

Ny fifamalian-drafi-pehezanteny, mitovy vahana, mandravon-kevitra no anehoana fa rehefa tezitra ny olona dia maneho tarehy ratsy sy toetra ratsy. Ary misary adala satria miteniteny foana izay sendra ny vavany. Izany hoe tsy afaka mieritreritra tsara izay fiteny na fihetsika havoaka fa atosiky ny faharomotana; ka lasa tahaka ny adala izay tsy mahatsapa akory na mety na tsy mety ny ataony.⁹⁷

Izay no fomba filazan-javatra nanehoana ny toe-java-misy eo amin'ny fifandraisan'ny olombelona; fa eto indray dia hijery ny *parallélisme* sy ny fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena.

2.3.2. Ny “parallélisme” maneho ny fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena.

Matoa misy ny fanabeazana dia misy tanjona tiana hotratrarina ao. Ka ny tanjona amin'izany dia ny fanabeazana ny ankizy mba hanam-pahendrena sy fahalalana. Mikasika izay indray no hojerena manaraka eto dia ny fifamalian-drafi-pehezanteny maneho ny toetra mampiavaka ny olon-kendry sy ny toetran'ny manam-pahalalana ary ny fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena.

⁹⁶ Jereo ohabolana 29 : 11 ; ohabolana 12 : 16.

⁹⁷ Jereo ohabolana 29 : 22 ; ohabolana 14 : 29.

Ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitombo vahana, mifanipa-kevitra indray no nentin'ny mpanoratra nanambara eto fa ny olona manam-pahalalana dia manana toerana ambony, manana ny mahaizy azy, ary manana voninahitra noho ny fahalalana izay norantoviny ka hahafahany mitondra ny tenany araka ny tokony ho izy. Fa ny kely saina kosa dia tsy mba miraharaha izany fahalalana izany ka mitondra ny tenany ho amin'ny fahadalana.⁹⁸

Ny olona manam-pahalalana ihany koa dia mandinika tsara ny zavatra ataony. Izany hoe mahay mifehy tsara ny fisainany sy ny fiteniny; araka ilay voalazan'ny ohabolana 15 : 28 manao hoe :

Ny fon'ny marina // *fa ny vavan'ny ratsy fanahy kosa*
mihevitra vao mamaly // *miboiboika faharatsiana.*

Tamin'ny fifamalian-drafi-pehezanteny mitovy vahana, mifanipa-kevitra no nanehoany izany. Ny manan-tsaina dia tsy lasa alohan'ny fieritreretany ny lelany, tsy miteny avy hatrany, fa mandinika aloha. Fa ny adala kosa dia miteny izay sendra ny vavany fotsiny ary teny tsy voahevitra mazana no ataony, hany ka lasa miteniteny foana.⁹⁹

Izay indray ny mikasika ny *parallélisme* maneho ny toetran'ny olona manam-pahalalana. Efa hita ihany koa ny *parallélisme* maneho ny toetran'ny manam-pahendrena. Fa amin'ny manaraka eto indray dia hijery ny *parallélisme* sy ny fifandraisan'ny fahendrena sy ny fahalalana.

2.3.2.3. Ny “parallélisme” maneho fa mifandray ny fahalalana sy ny fahendrena.

Misy ifandraisany tokoa ny fahalalana sy ny fahendrena. Tsy voatery ho izay manam-pahalalana rehetra anefa dia hanam-pahendrena avokoa. Fa izay manam-pahendrena kosa anefa dia azo lazaina fa manam-pahalalana. Toy izao no fanazavan'i Pr RAKOTOARIVELO Tsiriniaina izany fifandraisan'ny fahalalana sy ny fahendrena izany, raha sendra tafaresaka taminay izy tamin'ny 14 janoary 2010 tao Brieville tamin'ny folo ora maraina : « ny

⁹⁸ Jereo ohabolana 15 : 21.

⁹⁹ Jereo ohabolana 27 : 12.

fahalalana dia ao an-tsaina fotsiny, fa ny fahendrena kosa dia ny fampiharana izay zavatra fantatry ny saina fa tsara eo amin'ny fiainana. Izany hoe, fanatanterahana ireo fahalalana tsara, satria tsy tokony hohadinoina fa misy fahalalana ratsy. Ary ny ohabolana 4 : 7 dia milaza fa 'lanio ny fanananao rehetra amidy fahalalana tsara. Ny fanarahana izany fahalalana tsara izany no atao hoe fahendrena. »¹⁰⁰

Hoy ny vondrona ambara ao amin'ny ohabolana 12: 1

Izay tia // no tia
fananarana // fahalalana.

Amin'ny ankapobeny ny fahalalana dia zavatra tovozina, ianarana avy any ivelany fa tsy ao anatin'ny tena. Matetika dia ny olon-dehibe no mampianatra sy manabe ny ankizy, mananatra azy mba hampitombo ny fahalalany. Ny fananarana mantsy dia fitsipika sy fanitsiana; ka io no lalana mitondra mankany amin'ny fahalalana. Izay no mahatonga an'i Solomona haneho amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana mandravon-kevitra fa izay tia fanabeazana no tia fahalalana. Manamafy izany ity hevitra avy amina mpandinika izay mamaritra fa « *araka ny famaritana mahazatra, ny atao hoe manabe dia mitaiza ny olona hanana fahazarana hahay hanaraka toromarika ; ny fihetsiny hahatsapa ny lanjan'ny adidy aman'andraikitra ara-môraly na amin'ny tenany na amin'ny hafa, mba hahatonga azy hahay mifandray araka ny tokony ho izy amin'ny vondron'ny mpiara-belona aminy. »¹⁰¹*

Io fahalalana sy fahendrena resahina io dia sarobidy noho ny harena rehetra. Izany no nahatonga an'i Solomona hampitaha azy amin'ny volamena sy volafotsy. Hoy izy ao amin'ny ohabolana 16: 16:

Tsara ny mahazo fahendrena // ary tsara ny mahazo fahalalana
noho ny volamena // noho ny volafotsy.

¹⁰⁰ Pasteur RAKOTOARIVELO Tsiriniaina, Mpitandrina ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny andro faha-7 ao amin'ny distrika Brieville.

¹⁰¹ (R) DOTRENS et alli, *Eduquer et instruire* : « Eduquer au sens courant du terme, c'est faire prendre des habitudes, respecter des consignes, intensifier le désir de se bien conduire et de bien agir, acquérir le sens du devoir et des obligation morales que l'on a à l'égard de soi-même et d'autrui, de telle sorte que l'être éduqué puisse s'intégrer moralement dans la communauté de ses semblables. »

Izany hoe, asehony amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana mandravon-kevitra izay laroana rafitra an-tanan-tohatra fa tena tsara ny fananana fahalalana nefa mbola harena soa sarobidy noho izany ny fahendrena.

Ny olona manam-pahalalana dia tokony hanam-pahendrena raha araka ny fandinik'i Solomona, ka izay no nahatonga azy haneho amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra ao amin'ny ohabolana 14: 33, fa,

Mandry tsara ao am-pon'ny manan-tsaina *Fa ny an'ny adala kosa*
ny fahendrena // *dia miharihary.*

Izany hoe, raha nampiharina teo amin'ny fiainana ny fahalalana tsara izay ananana, dia hipetraka ho azy ilay fananam-pahendrena.

Ny fitaovana ampiasaina amin'ny fahazoana fahendrena dia ny fo, saina ary sofina. Hoy ny mpanoratra ao amin'ny ohabolana 18: 15:

Ny fon'ny manan-tsaina *Ary ny sofin'ny hendry*
mahazo fahalalana // *mitady izany.*

Izay zavatra ren'ny sofina no raisin'ny saina raha vonon-kandray ny fananarana ny olona; ary izany no mitarika ho amin'ny fahendrena.

Rehefa azo ireo fahalalana sy fahendrena ireo dia hitondra soa raha ampiharina. Ary dia ho voaro ny aina amin'izany. Toy izao no anambaran'i Solomona azy:

Izay mihary fahendrena // *ary izay mitandrina fahalalana*
No tia ny tenany // *hahita soa.*

Naseho amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra fa ny fananana fahendrena sy fahalalana dia mahaso. Izany hoe fiarovana ho an'ny ain'ny tsirairay.

Izay ny mombamomba ny fomba filazan-javatra nentina nanehoana ny fahalalana sy fahendrena, fa ankehitriny kosa dia hijery ny *parallélisme* sy ny fitenenana.

2.3.3. Ny *parallélisme* sy ny fitenenana.

Ny teny dia anisan'ny ampiasain'ny olona mandrakariva eo amin'ny fiainana andavanandro. Entina mifandray eo amin'ny fiarahamonina ny teny. Ao anatin'izany teny ifandraisana izany anefa dia mety hisy voka-dratsy aterany, nefa koa mety ahitana soa ho an'izay mihaino azy. Eo ihany koa anefa ny mety ho fahatokian'ny olona manoloana ny teny henony. Ny fifamalian-drafi-pehezanteny maneho izay indray no hovahavahana manaraka eto.

2.3.3.1. Ny *parallélisme* sy ny vokadratsin'ny fitenenan-dratsy.

Ny fitenenana tokoa dia misy fiantraikany eo amin'ny mihaino azy. Koa ny fomba filazan-javatra maneho ny voka-dratsin'ny fitenenan-dratsy no hojerentsika voalohany eto. Mandrakariva dia ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana, mifanipa-kevitra no anehoan'ny mpanoratra ny heviny. Ao amin'ny ohabolana 12: 6 ohatra dia ahitana izany.

Ny tenin'ny ratsy fanahy // fa ny vavan'ny marina
dia otrika hoenti-mandatsa-dra // mamonjy azy.

Raha miteny ny ratsy fanahy dia mitady izay fomba rehetra hamonoana olona. Manao hevitra am-pitaka hatrany mba hahatanteraka ny tetika maizina ataony. Fa ny tsara fanahy kosa dia miteny marina hatrany. Hany ka mitondra azy ho amin'ny famonjena izany.

Anisan'ny teny ratsy, mamono izany, ny fitaka sy ny lainga maro isan-karazany. Toy izao no vokatra aterak'izy ireny, araka ny fanambaran'i Solomona azy amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra ao amin'ny ohabolana 12: 13:

Amin'ny fahotan'ny molotra // fa ny marina
dia misy fandrika ahitan-doza // ho afaka amin'ny fahoriana.

Izany hoe, ireny teny feno faharatsiana ireny dia saika mitondra loza ary miteraka fahoriana avokoa. Fa ny olona manana fahadiovana eo amin'ny teny kosa, dia mitondra soa ho azy izany, ary manafaka azy amin'ny zava-tsarotra.

Eo anivon'ny fahatezerana dia mety hiseho ny teny maharary izay mety hiteraka fahasosorana eo amin'ny hafa. Asehon'ny ohabolana 15: 1 amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana mifanipa-kevitra fa:

Ny famaliana mora // *fa ny teny maharary*
Dia mampianina ny fahatezerana mafy // *mahatonga fahasosorana.*

Ny fahatezerana iray mazàna dia miteraka fahatezerana hafa. Koa noho izany, ny fitenenana amim-pahatoniana dia manalefaka ny fo misendaotra, ary misoroka ny korontana. Ny fahatoniana izany dia hovaliana fahatoniana; ary ny faharomotana dia hitondra faharomotana.

2.3.3.2. Ny *parallélisme* sy ny vokatry ny teny soa eo amin'izay mihaino azy.

Misy vokany foana ny teny atao sy ny asa atao. Noho izany raha miteny tsara, dia hahazo soa avy amin'izany. Araka ny voalaza hoe:

Ny vokatry ny vavan'ny olona // *ary ny asan'ny tanany*
no mahavoky soa azy ; // *hitsingerina aminy.*

Ny fifamalian-drafi-pehezanteny mitovy vahana, mandravon-kevitra no nanehoana izany.¹⁰²

Ny teny soa ihany koa dia anisan'ny mahafaly ny olona ao anatin'ny fahoriana. Hoy Solomona manambara izany ao amin'ny ohabolana 12: 25:

Ny alahelo ao am-pon'ny olona // *Fa ny teny soa*

¹⁰² Jereo ohabolana 13 : 2 ; 18 : 20.

dia mampitanondrika azy, // no mahafaly azy.

Ny fomba filazan-javatra nampiasaina teto dia ny fifamalin-drafi-pehezanteny mitovy vahana, mifanipa-kevitra, mba hoentina milaza fa ny fijalian'ny fo ; ny tsy fananana fanantenana, ny olana ara-pitiavana, ny fahatsapana ny tsy fankasitrahan'Andriamanitra ny tena, dia mampitanondrika ny olona. Fa ny teny soa; teny fampaherezana, teny fanomezantoky, teny fampanantenana sy ny toy izany, dia mahafaly. Izany hoe ny teny tsara sady voafantina tsara iray dia mampitraka ny olona ary manamaivana ny alahelo. Raha izay no dinihina, ny teny iray izay notenenina araka ny tokony ho izy sy natao am-pitiavana dia manala ny mavesatra rehetra, ary mahaso ny hafa.

Ny fantatra anefa dia araka izay ao am-pon'ny olona no avoakan'ny vavany. Ny olonkendry dia teny feno fahendrena no lazainy; fa ny adala kosa dia teny feno fahadalana no hipololotra avy eo amin'ny molony. Hoy ny voalaza ao amin'ny ohabolana 10: 21:

*Ny molotry ny marina mamelona // Fa maty ny adala
ny maro // noho ny tsy fananany fahalalana.*

Ny tiana hambara amin'io fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana mifanipa-kevitra io dia ny hoe: ny teny tsara, teny marina, maneho fampaherezana, natao am-pitiavana dia mitondra aina ho an'ny fiarahamonina. Fa ny adala kosa dia zava-poana eo anatrehan'ny fiarahamonina satria manao teny tsy am-piheverana ka manamaloka ny fiainana.

Tsy izay ihany ny voka-tsoa ateraky ny filazana ny marina, fa mbola ao ihany koa izay voalaza ao amin'ny ohabolana 12: 19.

*Ny molotra marina // Fa ny lela mandainga
ampitoerina ho mandrakizay // dia indray mipi-maso monja.*

Miseho amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana, mifanipa-kevitra io andininy io mba hilazana fa ny olona milaza ny marina dia ho ela velona; fa ny mpandainga kosa dia ho foana vetivety.

Na dia eo aza ny voka-dratsy sy ny vokatra tsara entin'ny fitenenana manoloana ny olona iantefany; dia eo ihany koa ny fahatokian'ny olona manoloana ny teny renesiny. Ny *parallélisme* sy izay fahatokiana izay indray no hojerena manaraka eto.

2.3.3.3. Ny *parallélisme* sy ny fahatokiana.

Ny vokatra ateraky ny lainga dia ny fampijaliana, fahaverezana, fanomezan-tsiny, fangejana. Ary ny fahatokiana kosa dia mifanohitra amin'izay. Izany rehetra izany no hovahavahana manaraka eto miaraka amin'ny fomba filazan-javatra nanehoana azy.

Voalohany indrindra, dia hoy ny voalaza ao amin'ny ohabolana 11: 13:

Izay mandehandeha manaratsy // fa ny olona mahatoky
Dia manambara hevitra afenina // tsy mba tia lazalaza.

Ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana, mifanipa-kevitra no nentina nanambara ny hevitra hoe: ny mpanao anton'asa ny fanaratsiana ny hafa, mifosafosa dia mahatonga fanafintohinana ho an'ny hafa. Izay rehetra lazaina aminy dia azo antoka fa haeliny ho fanta-bahoaka izany. Ny olona toy izany matetika dia mety hahalaza hatramin'ny tsiambaratelon'ny hafa izay fantany, eny fa na dia ny momba ny tenany manokana aza dia ho voalazany. Mifanohitra amin'izay, ny olona mahatoky dia mitana tsara ny teny nomena azy ary mirakitra izany ho tsiambaratelonny.¹⁰³

Manaraka izany ny olona mahatoky dia milaza ny marina mandrakariva, ary mamonjy aina maro noho izay toetrany izay. Fa ny tsy fahatokiana kosa dia mety hitondra amin'ny fahavoazana hatrany. Fintinin'i Solomona amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mifanipa-kevitra izany ao amin'ny ohabolana 14: 25.

Ny vavolombelona marina // fa izay mamoaoka lainga
Mamonjy ain'olona // dia tena fitaka.

¹⁰³ Jereo ohabolana 12 : 17.

Tsy izay ihany anefa, fa ny vokatry ny lainga dia tsy maintsy holanjain'izay manao azy. Ohatra amin'izany ny hita ao amin'ny ohabolana 19: 9.

Ny vavolombelona mandainga // ary ny miteny lainga
Dia tsy maintsy hampijaliana // ho very.

Hamafisin'ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana mitovy hevitra fa mitondra loza mandrakariva ny fandaingana, ary tsy hahazo rariny na aiza na aiza alehany. Hahazo tsiny sy ho voaheloka hatrany.

FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA

Ny fomba nananganana ireo ohabolana ao amin'ny vondrona ambara no nodinihina tao amin'ity fizarana faharoa ity. Notrandrahana tamin'izany ny lafiny rehetra heverina fa maha-kanto azy teo amin'ny endrika ivelany. Ny *parallélisme* no hita fa tena mampiavaka ny fomba filazan-javatra ao amin'ny ohabolana.

Natomboka tamin'ny fandinihana ny *parallélisme* maneho ny fanabeazana ara-batana izany; ka ny fampahalalana ny toetran'ny olombelona no tena nivohitra tao, ny fitiavan'ny olombelona harena sy ny toetran'ny mpanjaka. Ny sarin-teny hita tamin'ny fanehoana izany dia ny fehezanteny mifamaly rafitra mitovy vahana, mifanipa-kevitra.

Taorian'izany dia nojerena ny *parallélisme* sy ny fanabeazana ara-panahy. Ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny olona no noraketiny. Tao ny fahasamihafan-toetran'ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy; ary ny famalian'Andriamanitra ny nataon'ny tsirairay sy ny toetra mampiavaka an'Andriamanitra.

Tamin'ny farany dia nojerena ny *parallélisme* maneho ny fanabeazana ara-tsaina. Ny ventin-kevitra nasehony dia ny fifandraisana misy eo amin'ny samy olombelona. Tamin'izany, dia naseho fa misy ny toe-javatra manahirana eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona. Niavaka tao anatin'izany ihany koa ny mikasika ny fahendrena sy ny fahalalana, ary ny mikasika ny fitenenana.

Raha nisainay ny *parallélisme* rehetra tamin'ity fizarana faharoa ity dia nahatratra 54 ny *parallélisme* mikasika ny fanabeazana ara-batana ; 65 ny *parallélisme* mikasika ny fanabeazana ara-panahy ; ary 125 kosa ny *parallélisme* maneho ny fanabeazana ara-tsaina.

Avy tamin'ireo isa ireo dia hita ho manavaka ny ohabolana ny fampiasana sarin-teny izay ahitana betsaka ny « *parallélisme* ». Ary ny fanabeazana ara-tsaina no hita ho mibahan-toerana. Fanabeazana ny olona mba hanam-pahendrena sy fahalalana. Izany dia manaporofa fa ny ohabolana dia mirakitra fahendrena.

izay ny mikasika iny fizarana faharoa iny fa hojerena manaraka indray ny fizarana fahatelo izay ahitana fanovan-javatra mandoko ny fanabeazana ao amin'ny Ohabolana.

FIZARANA FAHATELO

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA MANDOKO NY
FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA**

FIZARANA FAHATELO:

NY FANOVAN-JAVATRA MANDOKO NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA.

Fanasongadinana ny fomba filazan-javatra ao amin'ny ohabolana hatrany no vontoa-tin'ity fizarana fahatelo ity. Saingy hotrandrahina manokana ato ny fanovana endri-javatra sy ny fanoharana ary ny sarin-teny hafa ankoatra ny *parallélisme*.

Tsy ny endrika ivelan'ny literatiora ihany no mambabo ny fo sy ny saina, araka ny hita teo aloha fa ny tara-kevitra enti-manabe ihany koa. Io tara-kevitra novolavolain'ny mpanoratra io no miako any amin'ny fo sy ny sain'ny olon-drehetra. Ankatoavin'ny mpandinika rehetra izany. Siméon RAJAONA dia nilaza fa: « (...) *Anisan'ny maha-zava-kanto ny asa soratra ny tara-kevitra resahina, na ny hevitra sy ny fihetseham-po izay manana anjara asa tsy azo lavina amin'ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny ny asa soratra izany.* »¹⁰⁴

Ny drafitra hitondrana ny asa àry, amin'ity fizarana fahatelo ity dia hiompana amin'ny fanabeazana izay miseho amin'ny alalan'ireo fomba filazan-javatra ao amin'ny ohabolana ka toy izao izany:

- Ny fanovana endri-javatra nenti-nandoko ny fanabeazana. Marihana fa ny fanovana endri-javatra dia anisan'ny zanan-tsarin-teny ao anatin'ny fanovan-javatra.
- Ny fanoharana nenti-nandoko ny fanabeazana.
- Ny *metonymie* sy ny *synecdoque* nenti-nandoko ny fanabeazana.

Harindra miandalana ato izany rehetra izany, ka isan'ny hisongadina amin'izany ny fanabeazana izay miseho amin'ny endrika fananarana ny olona mba hanao ny tsara mandrakariva. *Ny ohabolana manko dia lohalaharana eo amin'ny fitaizana sy ny fanabeazana ary ny fanolokoloana ny taranaka. Misy tanjona kendrena amin'izy ireny dia ny hisintonana foto-kevitra hitaizana ny taranaka ho tsara fitondran-tena, hahalala ny ratsy tokony havela sy ny tsara tokony harahina eo amin'ny fiarahamonina. Hita taratra*

¹⁰⁴ (S.) RAJAONA, Ny zava-kanto vita amin'ny teny, op. cit, tak. 14.

*amin'izany ohabolana izany ny fisian'ny anatra sy ny torohevitra maro izay tokony hitondrana ny fiainana.*¹⁰⁵

Isan'ny fototra manavaka ny fanovan-javatra ao amin'ny ohabolana ny fisian'ny oharina, ilay ifantohan'ny resaka ao aminy, sy ny fifidianan'ny mpanoratra ny anoharana enti-mampivohitra izany. Mazàna dia miseho miaraka ao anaty fehezan-teny izy ireo. Ny oharina manokana no mety ho foana na tsia. Mba hisehoan'ireo karazana fanovan-javatra nentinandoko izany tara-kevitra fanabeazana izany àry, dia aompana amin'ny loharano nanovozana ny anoharana nosafidiny ny fikarohana.

Azo ambara fa hain'ny mpanoratra ny nampiasa *métaphore* samihafa hanaporfoana ny fananan'ny ohabolana fanabeazana lalim-paka. Samy hita ao anaty fehezan-teny mamorona ny andininy, na ny oharina na ny anoharana. Misy fotoana izay anafoanana ny oharina, araka ny talentan'ny mpanoratra, mba hampandraisana anjara ny mpamaky. Miankina amin'ny loharano nanovozana ny anoharana no ipoiran'ny karazana fanovan-javatra ampiasain'ny mpanoratra.

3.1. NY FANOVANA ENDRI-JAVATRA MANEHO NY TOETRAN' NY OLOMBELONA

Ny fiteny dia anisan'ny manana ny toerany lehibe eo anivon'ny ohabolana. Ny teny aloaky ny vavan'ny tsirairay manko dia misy fiantraikany be dia be eo amin'izay mihaino azy. Ary fitaovana iray nentina manabe sy mitaiza ny zanaka izany, indrindra fa eo amin'ny fiaraha-monina malagasy. Tsy hadinoina ao anatin'izay ihany koa anefa ny mpino kristianina.

3.1.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fitenin'ny olombelona

Ny fanovana endri-javatra izay mandoko ny fitenin'ny olombelona indray no asiana resaka manaraka eto. Araka ny voalaza teo aloha dia loharano nanovozana ny anoharana no entina hanasokajiana ny asa atao manaraka eto. Toy izao no drafitra azo itondrana izany. Eo am-piandohana, dia hojerena ireo fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra azo hanina sy sotroina, avy eo dia hojerena ihany koa ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny resaka firavaka. Ary amin'ny farany dia hodinihina ihany

¹⁰⁵ Mémoire de CAPEN, VOLOLONANAHARY RAOELINARIVO Jemison, « ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja malagasy », decembre 1991

koa ny fanovana endri-javatra izay miorina amin'ny fitaovam-piadiana. Misy antony manokana nahatonga ny mpanoratra hisafidy ireo karazana anoharana ireo. Dia satria ny fomba filazan-javatra miorina amin'ny fanakaran-kevitra no anehoana ny fihetseham-po amin'ny ankapobeny. *Ireo sarin-teny ireo manko dia saika miompana indrindra amin'ny fampiasana teny iray amin'ny hevitra raikitra fa amin'ny hevitra hafa asaina entiny.*¹⁰⁶ Izany hoe misy hafatra tiany hampitaina eo anatrehan'izany. Koa dia hojerena misesy eto ary izany.

3.1.1.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra azo hanina.

Ao amin'ny ohabolana, ny mpanoratra dia nisafidy ny hampiasa ny fanovana endri-javatra izay ahitana ny oharina sy ny anoharana mandoko ny fiteny. Ka ny anoharana dia naoriny manokana amin'ny zavatra azo hanina. Manaporofa izany ilay hoe

Ny teny malemy dia hazon'aina; fa ny vava ratsy mandratra ny fanahy. Ohab 15:4.

Eto dia fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita. Ny teny malemy dia oharina amin'ny hazon'aina. Tsy vitan'izay ihany anefa fa ny teny ratsy aloakan'ny vavan'ny olona oharina amin'ny zava-maranitra, fitaovam-piadiana, ka mety mandratra. Noho izany ny teny atao amim-pahalemem-panahy dia tahaka ilay hazon'aina tao amin'ny saha Edena. Izany hoe hazo tao am-paradisa, mampitombo hery ara-batana sy aratsaina ho an'ireo izay mihinana azy. Tahaka izay ihany koa ny teny soa mahafaly atao. *Ankolaka ny filazan-javatra nefa tsapan'ny mpihaino ny fisiany. Ankoatra ny fanehoana ny hevitra mantsy dia mandoko ny fihetseham-po ihany koa ny filazan-javatra.*¹⁰⁷

Tsy tamin'ny alalan'ny hazon'aina azo hanina ihany anefa no nanorenany ny anoharana izay mandoko ny fitenenana, fa eo ihany koa ny tohon-tantely fihinana izay nataon'ny mpanoratra anoharana entina mandoko ny fitenin'ny olombelona. Manamarina izany ilay hoe:

¹⁰⁶ DUMARSAIS : « Figures par lesquelles ont fait prendre à un mot une signification qui n'est pas précisément la signification propre de ce mot » cité par Michel LE GUEURN, P.193

¹⁰⁷ E. STANKIEWICZ, **Problème du langage émotif**, Mouton, 1964, p. 239 : « Chaque mot pratiquement peut être doté de connotation émotives s'il est placé dans la situation sociale »

Tohon-tantely ny teny mahafinaritra, ka sady mamin'ny fanahy no mahatsara ny taolana. Ohab 16:24.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana indray no asehon'ny mpanoratra eto. Ka ny teny mahafinaritra dia oharina amin'ny tohon-tantely.

Izany hoe ny tohon-tantely dia mamy sady manana hanitra mani-pofona tsy mety lefy. Dia tahaka izany ihany koa ny teny malemy atao amim-pahatsaram-panahy eo amin'ilay mihaino azy, ary tsy lany hamamiana eo amin'ny fiainany. Izany hoe ny teny malemy atao amim-pahatsaram-panahy izay atao amin'ny hafa dia mitondra soa sy fifaliana ho azy.

Tsy nijanona tamin'izay fotsiny anefa ny mpanoratra tamin'ny fanaovany ity asa famoronana ity, fa mbola nikaroka hevitra ihany mba hahatafitra tsara ny tiany hambara. Koa dia mbola naoriny tamin'ny resaka rano indray ny anoharana izay entiny mandoko ny fiteny. Hoy indrindra ireo toko sy andininy manambara izany:

Rano lalina ny teny aloaky ny vavan'ny olona, ary rano miboiboika ny loharanon'ny Fahendrena. Ohab 18:4.

Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no naseho teto. Ny teny aloaky ny vavan'ny olona dia oharina amin'ny rano lalina ary ny loharanon'ny fahendrena dia ampitoviana amin'ny rano miboiboika. Ny tiana hambara amin'izany dia hoe: ny tenim-pahendrena ataon'ny olon-kendry dia tahaka ny rano lalina tsy manam-paharitana. Ny fahaizana sy torohevitra ary ny fahendrena izay tovozina avy amin'izany teny izany dia toy ny loharano tsy ritra izay mizara ny loharanon'ny fahasalamana ary manome fahendrena.

Mbola manamafy izany ihany koa ity toko sy andininy manaraka ity:

Rano mangatsiaka amin'ny fanahy reraka ny filazana soa avy any an-tany lavitra. Ohab 25:25.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita eto, ka ny filazana soa avy any an-tany lavitra izay oharina dia ampitoviana amin'ny rano mangatsiaka amin'ny fanahy reraka izay anoharana. Ny tiana hambara amin'izany dia mba hanehoana fa mitondra famelombelomana ho an'ny fanahy kivy ny filazana zavatra tsara sy

mahafaly azy, na ny fanomezana azy teny firarian-tsoa. Tahaka ny fanomezana rano mangatsiaka ny olona reraka avy nandeha dia an-tongotra lavitra izay mitondra famelombelomana ho an'ny vatany.

Tsy ny zavatra azo hanina sy sotroina ihany anefa no nanorenan'ny mpanoratra ny anoharana ka nentiny nandoko ny fitenenana, fa teo ihany koa ireo fanehoana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny firavaka. Izay indray no hojerena manaraka eto.

3.1.1.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny firavaka

Ny mpanoratra tsirairay avy dia samy manana ny fomba anorenany ny asa sorany. Eto dia ny fanovana endri-javatra no nentin'ny mpanoratra nandoko ny fiteny ao amin'ny asa sorany. *Ny fomba filazan-javatra rehetra manko dia mitory ny finiavana hanome endrika manintona ny zavatra tsotra mpiseho andavanandro ny fampiasana azy.*¹⁰⁸ Ny anoharana amin'izany fanovana endri-javatra izany dia naoriny indrindra ihany koa amin'ny firavaka. Manaporofo izany ny voalaza ato amin'ity toko sy andininy ity:

Ny teny atao amin'ny antony dia paoma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra. Ohab 25:11.

Eto dia hita mivantana fa fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy anoharana no anehoan'ny mpanoratra ny heviny, ka ny teny atao amin'ny antony dia oharina sady ampitoviana amin'ny paoma volamena ao anaty vilia volafotsy. Izany hoe ny paoma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra, dia maneho sary tsara, manintona ny maso sady firavaka na manome endrika ho an'izay rehetra ipetrahany. Noho izany ny teny atao amin'ny antony, teny sahaza ny zava misy, dia mitondra zavatra tsara ho an'ny mpihaino azy, ary manendrika.

Tsy ny paoma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra ihany anefa no voalazan'ny mpanoratra ka nanorenany ny anoharana mandoko ny fiteny, fa eo ihany koa ireo

¹⁰⁸ BIET, BRIGHELLI, RISPAIL, Littérature2, Collection littérature, Editions Magnard, Paris, 1989, p. 136 : « Des lors, on appellera figure du discours tous les procédés volontaires visent à donner forme à cette platitude ».

firavaka volamena izay ataon'ny olona haingo eny amin'ny vatany toy ny kavim-bolamena.

Hoy ny voalaza:

Kavim-bolamena sy firavaka volamena tsara ny mpananatra hendry, raha amin'ny sofina mihaino. Ohab 25:12

Ampiasain'ny mpanoratra eto ny fanehoana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana mba hanehoana fa ny kavim-bolamena sy firavaka volamena dia fomba fanao saiky manerana ny faritra atsinanana ho an'ireo vehivavy manankaja. Noho izany ny mpananatra Hendry dia tsara, ary omen'ny olona haja amam-boninahitra.

Tsy ny firavaka sarobidy sy tsara ihany anefa no ataon'ny mpanoratra anoharana mandoko ny fiteny, fa misy ihany koa ireo firavaka ratsy izay entina anambarana ny zavatra ratsy ataon'ny olona. Ny zavatra ratsy moa eto raha asiana resaka, dia tsy hoe iny zavatra ratsy resahina iny no tena tiana hasongadina, fa fomba iray manainga ny olona hisintona lesona avy aminy. Toy izao no voambara mikasika izany:

Tavim-bilany misy ankosotra taim-bolafotsy ny molotra mihatsaravelatsihy. Ohab 26:23.

Oharina amin'ny tavim-bilany misy ankosotra taim-bolafotsy ny olona mihatsaravelatsihy. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita eo araka izany.

Noho izany ny tiana hambara dia hoe: jerena ivelany, tsara nefa ny ao anatiny feno ny haratsiana rehetra; mainty fa mody nofonofonosina taim-bolafotsy fotsiny ety ivelany mba hahatsara endrika azy. Tahaka izany ihany koa ny olona manana molotra mandainga sy mihatsaravelatsihy: ny teny aloakan'ny vava miseho ho be fitiava-namana nefa ny ao am-po feno zava-dratsy.

Tsy ny zavatra azo hanina sy ny firavaka ihany anefa no nampiorenan'ny mpanoratra ny anoharany ao amin'ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny, fa eo ihany koa ny fitaovam-padiana.

3.1.1.3. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana

Ny fitaovam-piadiana, amin'ny ankapobeny, dia zava-maranitra ary mety handratra. Ary satria ny fiteny eto amin'ity fizarana ity dia oharina amin'ny fitaovam-piadiana. Ny dikan'izany dia hoe: mety handratra ihany koa ny teny izay aloakan'ny vavan'ny olombelona. Hoy indrindra ny voalaza izay manaporofa izany:

Misy mandefalefa teny tsy tsaroana ka tonga toy ny fanindron'ny sabatra; fa ny lelan'ny marina dia fanasitranana kosa. Ohab 12:18.

Eto dia miaraka ao ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina ka ny lelan'ny marina no oharina. Ny fanafody kosa no anoharana izay tsy hita eo, fa ny toetrany izay manasitrana no aseho sy ny fanoharana mivantana izay ahitana teny entina manohatra “toy ny” ka ny oharina dia ny teny tsy tsaroana ary ny anoharana dia ny fanindron'ny sabatra. Izany hoe mitondra aretina mafy ao am-pon'ny tsirairay ny teny tsy tsaroana izay ataon'ny sasany. Raha hazavaina amin'ny fomba hafa dia hoe: ny teny tsy voahevitra aseho amin'ny olona iray dia manindrana ny fony ka mankarary azy. Noho izany dia mitondra fahasalamana ho an'izay mihaino azy ny teny tsara ataon'ny olonkendry. *Tsapa avy amin'ny safidy eo amin'ny anoharana ny fiezahan'ny mpanoratra hanome fahafinaretana ny mpamaky.*¹⁰⁹

Mbola manamafy izany ihany koa ny hita ao amin'ity:

Langilangy sy sabatra ary zana-tsipika maranitra ny olona izay mitsangana ho vavolombelona mandaingana hanameloka ny namany. Ohab 25:18

Ny tiana hambara amin'izany dia hoe: ny olona izay mitsangana ho vavolombelona mandaingana hanameloka ny namany dia oharina amin'ny langilangy sy sabatra ary zana-tsipika maranitra. Izany hoe fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no sarin-teny ampiasaina eto, mba hanehoana fa ny olona izay manao vavolombelona mandaingana hanameloka ny namany dia tahaka ny mamono iny olona iny amin'ny alalan'ireo fitaovam-piadiana maro ireo.

¹⁰⁹ F. RAMUZ, *Taille de l'homme*, Edition Bernard Grasset, 1993, p.38. « Par la métaphore [l'écrivain] lui permet de faire rayonner des beautés, d'en prolonger la jouissance chez [le lecteur] »

Izay ny mikasika ny fanovana endri-javatra mandoko ny fitenin'ny olombelona, fa eo ihany koa fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'Andriamanitra sy ny toetran'ny olombelona.

3.1.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny olona sy Andriamanitra

Amin'ity fizarana ity indray dia hijery ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny mpanjaka izay olombelona ihany isika. Avy eo dia hojerena ihany koa ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny lehilahy sy ny vehivavy. Ary amin'ny farany dia hojerena ny toetran'Andriamanitra izay aseho amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra.

3.1.2.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny mpanjaka

Amin'ny ankapobeny ny mpanjaka dia manana ny maha izy azy eo anatrehan'ny faritra na fiaraha-monina izay iadidiany. Manana ny fomba fahitany ny mpanjaka i Solomona eto izay asehony amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra. Toy izao manaraka izao izany fomba fiheverany izany:

Liona mierona sy bera miremby ny mpanapaka ratsy fanahy amin'ny olona reraka. Ohab 28:15.

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no anehoan'i Solomona ny heviny mikasika ny mpanjaka eto. Ny mpanjaka ratsy fanahy dia oharina amin'ny liona mierona sy biby miremby. Araka ny fantatra anefa ny liona sy ny bera dia biby masiaka tsy azo anaovana sangy ratsy fa izay mitavozavoza eo anatrehany, avy hatrany dia harapany. Dia tahaka izany ihany koa ny mpanapaka ratsy fanahy amin'ny olona reraka; masiaka tsy mitsitsitsy fa avy hatrany dia maneho hasiahana sy haratsiam-panahy.

Tsy izay ihany anefa no fomba fahitan' i Solomona ny mpanjaka, fa manana ny fomba fiheverany manokana mikasika ny mpanjaka ihany koa izy. Ny fanovana endri-javatra no nentiny naneho izany heviny izany:

Rano velona eo an-tanan'i Jehovah ny fon'ny mpanjaka, ka tarihiny amin'izay tiany. Ohab 21:1

Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no aseho eto, ka ny fon'ny mpanjaka dia oharina amin'ny rano velona eo an-tanan'Andriamanitra. *Omena endrika hita maso ny zavatra tsy hita maso mba hahatsapan'ny mpihaino ny fahamarinan'izay nolazaina.*¹¹⁰

Ny mpanjaka dia eo ambany fiarovan'Andriamanitra. Izy irery ihany no afaka mitondra sy mitantana ny anatanatra ataony. Eto dia mandray fanoharana amin'ny fomba fanondrahana tany amin'ny faritra atsinanana. Tata-drano no hadiana avy eo amin'ny loharano ka ny olona tsirairay dia afaka mitarika rano any amin'izay rehetra tiany handefasana azy. Dia toy izany ihany koa ny fon'ny mpanjaka amin'izay iantefany. Izany hoe Andriamanitra no mandahatra hanehoana ny sitrapony. Raha mahazo rano tsara ny tany noho ireo tata-drano, dia toy izany koa ny mpanjaka amin'ny alalan'ny fahatsaran'ny fanjakana, ary Andriamanitra dia afaka mametraka ao amin'ny mpanjaka izany fahatsarana izany araka ny sitrapony.

Samy manana ny toetrany avokoa ny olona tsirairay. Koa izany toetran'ny olona izany indray no asian'ny mpanoratra teny eto izay asehony amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra.

3.1.2.2. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran'ny lehilahy sy ny vehivavy

Amin'ny ankapobeny dia ny lehilahy no tena andry iankinan'ny tokantrano, ny fiaraha-monina misy azy ary ny firenena iray manontolo mihitsy. Izany indrindra no antony hiresahan'i Solomona azy ato amin'ny asa sorany. Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny oharina no nanehoany izany. Araka ilay hoe:

Tanàna rava tsy misy manda ny lehilahy izay tsy mahatsindry ny fanahiny. Ohab 25:28.

Izany hoe ny lehilahy tsy mahatsindry fo sy tsy manam-paharetana dia tahaka ny Tanàna rava tsy azo onenana intsony fa anjakan'ny bibidia sy ny tariny. Izany hoe tsy manana ny fanahin'Andriamanitra. Ny lehilahy tsy mahatsindry fo araka izany dia lehilahy tsy azo ianteherana. Tsy dia misy ilana azy firy.

¹¹⁰ S. SUBERVILLE. Op. Cit, p.191 : « [la métaphore] elle passe de l' abstrait au concret ».

Tsy ny lehilahy ihany anefa no nasiany resaka fa nasiany resaka ihany koa ny vahivavy. Matoa manko noforonin'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy dia tokony hifameno ireo eo amin'ny asa izay atao. Noho izany dia samy nomeny ny anatra sahaza ho azy avy ny tsirairay mba hahafahana manitsy ny dia izay haleha amin'ny ho avy. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no anehoan'ny mpanoratra ny heviny. Ohatra amin'izany ilay hoe:

Ny vehivavy tsara dia satroboninahitry ny lahy; fa ny vehivavy manao izay mahamenatra kosa dia tahaka ny lo ao anatin'ny taolana. Ohab 12:4.

Izany hoe ny vehivavy dia oharina amin'ny satro-boninahitry ny lahy. Ny vehivavy manam-pahalalana, manana herim-batana, manana fitondrantena mendrika, manam-panahy, miahy tsara ny ankohonany, dia laza soa ho an'ny vadiny, ary reharethany eo amin'ny fiainany. Fa ny vehivavy manana toetra tsy madio kosa dia mitondra henatra ho azy ary mety hiafara amin'ny aretina ao anatiny mihitsy. *Tsara rafitra ny votoatiny sy ny fomba filaza. Fiteny andavanandro ihany no niaingana*¹¹¹. Rehefa nolaroana sarin-teny toy ny fanovana endri-javatra anefa ny fomba filazan-javatra dia tsapa ny hevitra mafonja avoakany. Tafapetraka amin'ny toerany ny ohabolana dia ny maha zava-kanto vita amin'ny teny azy.

Tsy izay ihany anefa ny toe-java-misy hitan'ny mpanoratra mikasika ny toetran'ny vehivavy. Eo ihany koa ny fahitany fa eo amin'ny fiaraha-monina dia misy ny vehivavy jejo izay miteraka fikorontanana. Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no anehoany izany. Hoy izy manambara izany:

Fa ny vehivavy jejo dia hady lalina, ary ny vahiny janga lavaka ety Ohab 23:27.

Izany hoe ny vehivavy jejo izay oharina dia ampitoviana amin'ny hady lalina sy lavaka ety izay anoharana. Ambaran'i S. RAJAONA fa “*ny fahaizana mamorona fanovana andri-javatra dia miankina amin'ny fahaizana mllalao amin'ny elanelana ara-panovana endri-javatra*”¹¹².

¹¹¹ CH .BALLY, *Traité de Stylistique*, Klincksieck, Paris, p.17 : « La stylistique ne saurait mieux commencer que par la langue maternelle et cela sous sa forme la plus spontanée qui est la langue parlée. »

¹¹² S. RAJAONA, *op.cit*, tak 77

Ny hady lalina manko raha tafalatsaka ao anatin'ny, dia mety hiteraka loza na fahafatesana mihitsy vao tafavoaka ao; ary ny lavaka ety kosa amin'ny maha ety azy dia tery ka raha tafalatsaka ao anatin'izany dia mety ho sahirana vao tafavoaka. Dia tahaka izany ihany koa ny vehivavy jejo sy ny janga. Maro ny tsy fahamarinana mipoitra avy amin'io loharanon'ny faharatsiana io. Noho izany dia mitondra zava tsarotra, henatra ny fikasihana azy ireny.

Izay ny mikasika ny toetran'ny olombelona izay nasehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra. Fa ny manaraka eto kosa indray dia hijery manokana ny fomba nandokoan'i Solomona ny toetran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra isika.

3.1.2.3. Ny *métaphore* mandoko ny toetran'i Jehovah

Jehovah dia manana ny toerana maha izy azy eo anivon'izao tontolo izao satria Izy no antompisian'ny zava-drehetra araka ny finoan'ny kristianina. Noho izany dia manana toetra tsara azo Alain-tahaka Izy. Izany toetrany tsara izany no nasehon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra. Hoy ny fanambarany azy:

Ny anaran'i Jehovah dia tilikambo mafy; ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy. Ohab 18:10.

Izany hoe fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no hita eto. Ny anaran'i Jehovah dia oharina amin'ny tilikambo. Izany hoe ny tilikambo dia toeram-pamaharana, avo, andry azo ianteherana, mafy, ary manambara fahamboniana. Dia tahaka izany ihany koa ny anaran'i Jehovah, Izay entina ilazana azy tenany mihitsy. Mafy azo ianteherana ary mitondra fahafahana tanteraka Izy ho an' ireo izay matoky Azy. Toeram-pierena ho an'ireo mpanompo Azy voahenjika sy tratran'ny fakampanahy ary mijaly. *Mety haneho hakanto miavaka ny andininy iray ao amin'ny lahabolana.*¹¹³, araka izany.

Tsy izay ihany anefa no hita fa toetran'Andriamanitra, fa eo ihany koa ny fiarovany ny olom-boafidy. Izany hoe fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy

¹¹³ W. BUSSE, Bulletin des jeunes Romanistes, Dec 1964, in *La Stylistique lecture*, p.118. « ...Mais aussi des passages, chapitre ou bien l'Œuvre d'art verbal entière qui peuvent relever une signification esthétique »

ny anoharana no hita eto. Ny fon'ny mpanjaka dia oharina amin'ny rano velona eo an-tanan'i Jehovah. Manana toetra ambony sy tsara Andriamanitra satria be fitiavana.

*Metaphore no nampiasaina tao amin'io andininy io satria mavesa-danja kokoa ny hevitra sy ny fihetseham-po noho ny fampiasana sarin-teny manova endri-javatra.*¹¹⁴

Raha izay ny mikasika ny fanovana endri-javatra mandoko ny toetran' Andriamanitra sy ny toetran'olombelona dia hodinihintsika manaraka eto indray ny fanovana endri-javatra maneho ny zava-misy ety ambonin'ny tany. Mbola tsy mivaona amin'ny ao anatin'ny ohabolana ihany anefa isika amin'izany.

3.1..3. Ny *métaphore* maneho ny zava-misy ety ambonin'ny tany

Ety ambonin'ny tany dia maro be ireo toe-javatra mifamahofaho. Anisan'izany ny zavatra tsara sy ratsy. Eo ihany koa anefa ny fananan'ny olona ny fahalalana sy ny fahendrena. Tompon-tsafidy ny olona tsirairay eo anatrehan'ireo zavatra tsirairay ireo. Ny fanovana endri-javatra maneho izany indray no hojerena misesy eto.

3.1.3.1. Ny fanovana endri-javatra mandoko ny fahalalana sy ny fahendrena

Ny fahalalana sy ny fahendrena dia anisan'ny tena sarobidy eo amin'ny Malagasy. Noho izany raha tiana ny mba hisian'ny fandrosoana sy ny filaminana dia tsy maintsy mikatsaka izany fahalalana sy fahendrena izany.

Eto dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no anehoan'ny mpanoratra ny mikasika izany fahalalana sy fahendrena izany. Ny fahazavan-tsaina eto dia oharina amin'ny loharanon'aina. Araka ilay hoe:

Loharanon'aina ny fahazavan-tsaina amin'izay manana izany; fa ny famaizana ataon'ny adala dia fahadalana ihany. Ohab 16:22.

Afaka mamelona ny tsirairay tahaka ny loharano mamelona ny rehetra ny fahaizana sy fahalalana izay ananany, mba hahafahany mikaroka izay mahaso azy eo amin'ny fiainany

¹¹⁴ J.SUBERVILLE, Op.cit, p.188 : « La métaphore est plus riche de signification que l'expression directe ».

andavanandro. Izany hoe antoky ny fiainan'ny olona tsirairay ny fananany izany fahaizana
amam-pahalalana laroana fahendrena izany.

Tsy izay ihany anefa ny heviny mikasika ny fahalalana sy ny fahendrena fa mbola
manana porofo hafa izy hanamarinany fa tena manana ny lanjany eo amin'ny fiainan'ny
tsirairay ny fananany izany fahalalana sy fahendrena izany. Toy izao manaraka izao ny fomba
filazan-javatra nanehoany azy:

***Rano lalina ny teny aloaky ny vavan'ny olona, ary rano miboiboika ny loharanon'ny
Fahendrena. Ohab 18:4.***

Izany hoe fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny
anoaharana no hita eto. Ny loharanon'ny fahendrena dia oharina amin'ny rano miboiboika. Ny
tiana hambara amin'izany dia hoe: ny tenim-pahendrena ataon'ny olon-kendry dia tahaka ny
rano lalina tsy manam-paharitana. Ny fahaizana sy torohevitra ary ny fahendrena izay
tovoizina avy amin'izany teny izany dia toy ny loharano tsy ritra izay mizara ny loharanon'ny
fahasalamana.

Tsy izay ihany anefa, fa ny mpanoratra dia tia maneho fanoharana miorina amin'ny
rano. Fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoaharana ihany
no hita eto. Mba handresen-dahatra fa ny saina dia anisan'ny fitaovana iray anovozana ny
fahalalana sy ny fahendrena. Hoy izy milaza izany:

***Rano lalina ny hevitra ao am-pon'ny olona; fa izay manan-tsaina dia mahay manovo azy
ihany. Ohab 20:5***

Ny hevitra ao am-pon'ny olona no oharina ary ny rano lalina no anoaharana, ary ireo no
nampitoviana ny toetrany. Izany hoe ny olona izay misaina lalina sy manana saina mahataka-
javatra dia vitsy foana ny zavatra tsy ahitany vahaolana, ary mety hahazo tombontsoa lehibe
avy amin'izany izy; fa ny olona tsy ampy fahalalana kosa raha sendra olana na fanontaniana
sarotra dia difotra toy ny ao anaty rano lalina na fantsakana

Ny olona izay manao ny marina nefa mitavozavoza eo anatrehan'ny ratsy fanahy dia
tsy misy dikany ny fahamarinana ao aminy satria voaloton'ilay tsy fijoroana tsara nataony.
Tonga amin'ilay fitenenana hoe: *ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra*

¹¹⁵ Ka raha izay no miseho dia toy ny manome laka ny mpanao ratsy. Izany hoe tahaka ny loharano voahosihosy sy fantsakana simba izay tsy azo akana rano hosotroina intsony.

Na dia eo aza anefa izay fanehoana endri-javatra mikasika ny fahalalana sy ny fahendrena izay dia manana safidy ny tsirairay eo amin'ny fiainany. Misy ny zavatra ratsy eo amin'izany fiainana izany ary misy ihany koa anefa ny tsara. Mikasika izany fanovana endri-javatra mampisafidy ny tsara sy ny ratsy izany indray no hodinihintsika manaraka eto. *Ny hamantatra izay mahatonga ny fahalianana ao amin'ny firafitry ny hafatra manko no ifotoran'izao asa izao.*¹¹⁶

3.1.3.2. Ny fanovana endri-javatra mampisafidy ny tsara sy ny ratsy

Eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona tokoa dia misy mandrakariva ny zavatra tsara sy ratsy; mifamahofaho foana izany satria hatramin'ny nisian'ny devoly tety ambonin'ny tany dia misy foana ny fikorontanana. Ny asany manko dia manakorontana. Andriamanitra anefa izay nahary izao tontolo izao dia mirary hatrany ny mba hisian'ny filaminana sy ny fiadanana eo amin'ireo zava boary noforoniny. Araka ilay tenin'ny soratra masina hoe *Andriamanitra tsy tompon'ny fikotranana fa tompon'ny filaminana*¹¹⁷. Araka izany rehetra izany dia misy foana ny fifanandrinana ka izay no mampisy ny zavatra tsara sy ratsy ety ambonin'ny tany. Manana ny heviny sy ny fomba fanehoan-keviny i Solomona. Hojerentsika manaraka eto avy izany.

Eto am-piandohana ary dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no anehoany ny heviny.

Mampiseho sy mampiharihary izany fisian'ny ratsy sy ny tsara izany. Ary mbola fanovana endri-javatra ihany no hanehoan'ny mpanoratra izany. Ka hoy izy:

Volafotsy voafantina ny lalan'ny marina; fa ny fon'ny ratsy fanahy tsy misy vidiny. Ohab 10:20.

¹¹⁵ Ohabolana malagasy

¹¹⁶ P.GUIRAUD et KUENTZ, op.Cit, p.92 : « La tâche de l'analyse du style sera donc d'identifier ce qui dans la structure du message, leur et pertinent »

¹¹⁷ Jereo I Korintianina 14 :33

Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no nanehoan'ny mpanoratra ny heviny ny mikasika izany eto. Ny lalan'ny marina eto dia oharina amin'ny volafotsy voafantina.

Ny volafotsy voafantina dia tsara, sarobidy, azo atao firavaka, mamiratra. Dia tahaka izany ihany koa ny lalan-kizoran'ny olona manao ny marina, mandeha amin'ny lalana mahitsy ary mahita sitraka eo amin'ny mpiara-belona aminy. Ny vokatr'izay fandehanany amin'ny lalana mahitsy izay dia manana ny hajany sy ny lanjany eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy izy. Fa ny olona manao ny ratsy kosa dia ataon'ny olona tsinontsinona.

Tsy izay ihany anefa fa mbola marobe ihany koa ireo zavatra tsara ataon'ny olombelona ary miteraka vokatra eo amin'ny fiainany sy ny mpiara-belona aminy izany. Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra izany dia ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana. Araka ilay voalaza hoe:

Ny vokatry ny marina dia hazon'aina, ary ny hendry dia mahataona olona. Ohab 11:30.

Ny vokatry ny marina dia oharina amin'ny hazon'aina. Izany hoe: Ny vokatra azo avy amin'ny olona manao ny marina dia tsara satria tahaka ilay hazon'aina tao amin'ny saha Edena, mampitombo hery ara-batana sy ara-tsaina ho an'ireo izay mihinana azy. Izany hoe rehefa mahazo izay hery ara-batana sy ara-tsaina izay ny olona dia manam-pahendrena ho azy. Ka izay fahendrena azony izay no mahasarika olona maro.

Manaraka izany na dia samy hazon'aina aza ny anoharana nampiasain'ny mpanoratra dia samy hafa ny ohariny aminy. Izany moa dia manaporofy ny fahaizan'ny mpanoratra mandaha-teny sy mandrafitra asa soratra kanto. Hoy ny ohatra maneho izany:

Ny fanantenana tsy azo vetivety dia mankarary am-bavafo; fa hazon'aina ny faniriana tanteraka. Ohab 13:12

Eto indray dia ny faniriana tanteraka no oharina amin'ny hazon'aina. Izany hoe ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no nentin'ny mpanoratra nilaza ny heviny. Raha hazavaina amin'ny fomba hafa dia hoe: miteraka ratram-po sy fahorian-tsaina ny tsy fahatanterahan'ny faniriana iray amin'ny fotoana ilany azy, ary mitarika fahadisoam-panantenana izay mety hamono ny fanantenana mihitsy izany. Fa raha ilay zavatra nantenaina kosa no tanteraka dia mampahery sy mampatanjaka ny vatana sy ny fanahy ary ny saina izany tahaka ilay hazon'aina tao afovoan'ny saha edena.

Mifintina ny filazan-javatra nefa mafonja ny hevitra sy ny fihetseham-po. *Ny fanehoan-kevitra amin'ny alalan'ny sarin-teny no mampisongadina izany.*¹¹⁸

Fomba fanehoan-kevitra nampivavaka an'i Solomona ny fanehoana ny asa sorany amin'ny alalan'ireo fanovana endri-javatra. Mahakanto ny asa sorany izany. Tsy nijanona tamin'izay fomba filazan-javatra izay ihany anefa izy fa mbola nampiasa ihany koa ny fanoharana na ny “*comparaison*”

3.2. NY FANO HARANA MANEHO NY TOETRA N' NY OLOMBELONA

Ny “*comparaison*” dia fanoharana. Izany hoe sady ahitana ny oharina no ahitana ny anoharana, fa misy kian-teny enti-manohatra: “toy ny” na “tahaka ny” na “sahala amin'ny”. Ahitana izany avy ireto manaraka rehetra ireto; sarin-teny nampivavaka ny ohabolana izany. Ao anatin'izay dia misy ny *comparaison* mandoko ny vokatra ateraky ny fitenin'ny olombelona. Eo ihany koa fampiasana ny *comparaison* mandoko ny zavatra tsara sy ratsy ataon'ny olombelona. Ary tsy latsa-danja amin'izay ihany koa ny fanehoana ny ohabolana amin'ny maha ohabolana azy.

3.2.1. Ny fanoharana mandoko ny vokatra ateraky ny fitenin'ny olombelona

Amin'ny fanehoan'i Solomona ny asa sorany dia miavaka ny fomba fanehoany ny fanoharana satria na dia samy mandoko ny fiteny aza dia manana anoharana betsaka izy ary miorina amin'ny zavatra maro. Ao ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra eny amin'ny habakabaka. Ao ihany koa ny fanoharana izay mandoko ny fiteny izay mampitombo ny fifandirana. Na dia efa nasehony tany amin'ny fanovana endri-javatra aza anefa ny fomba filazan-javatra mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana dia mbola hita taratra ihany izany aty amin'ny *comparaison*. Noho izany dia anisany fizarana hodinihintsika ato ihany koa ny *comparaison* mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana. Ireo indray no hasesintsika manaraka eto.

¹¹⁸ J.J.ROUSSEAU, La nouvelle Héloïse, 11^{ème} partie, Edition Flammarion, Tome I, p. 234 : « on a besoin d'expression figurée pour se faire entendre »

3.2.1.1. Ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra eny amin'ny habakabaka

I Solomona rehefa nandinika ny toetran'ny olombelona dia nahita fa ny fiteny no tena fototry ny olona eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona rehefa natao hanehoana zavatra ratsy izy. Fa io fiteny io ihany koa anefa no antoka iray mampizotra ny fiainan'ny olona aradalana rehefa ampiasaina amin'ny fomba tsara. Naoriny amin'ny alalan'ny zavatra eny amin'ny habakabaka indray ny oharina amin'ity fanoharana ity. *Hita tokoa ny fiezahan'ny mpanoratra hamolaka ny teny mba hahakanto ny ohabolana.*¹¹⁹

Eto am-piandohana dia ny fanoharana ny mikalo amin'ny malahelo am-po amin'ny hatsiaka izay tsy hita mivantana fa miseho eny amin'ny habakabaka no nasehony. Hoy izy:

Toy ny miala lamba amin'ny hatsiaka, ary toy ny vinaingitra amin'ny sirahazo, dia toy izany ny mikalo amin'ny malahelo am-po. Ohab 25:20.

Fanoharana roa sosona no hita eto. Izany hoe ny olona mikalo amin'ny malahelo am-po dia oharina amin'ny olona miala lamba amin'ny hatsiaka sy ny vinaingitra amin'ny sirahazo. Ny tiana hambara amin'izany dia hoe: mihamitombo ny hatsiaka mahazo ny tena raha toa ka amin'ny fotoana fisian'ny hatsiaka indray no miboridana. Tahaka izany ihany koa ny vinaingitra ampiana sirahazo izay miteraka savorovoro mangotrango-traka. Izany hoe zavadroa loha tsy afaka miaraka ny fahoriana sy ny fifaliana fa vao mainka mampitombo ny halahelon'ilay olona malahelo ny fanehoana fifaliana eo anatrehany.

Tsy nijanona tamin'izay ihany anefa izy fa mbola naneho ny anoharana amin'ny alalan'ny rivotra ihany koa izay mbola mandoko ny fiteny ihany. Ny rivotra moa izay efa iaraha-mahalala dia eny amin'ny habakabaka no misy azy. Ohatra amin'izany ny hoe:

Ny rivotra avy any avaratra mahatonga ranonorana, dia toy izany, ny lelan'ny mpifosa mampahavinitra endrika. Ohab 25:23.

Eto ny lelan'ny mpifosa dia oharina amin'ny rivotra avy any avaratra. Amin'ny alalan'ny kian-teny “toy izany”no anehoana ny fanoharana eto. Izany hoe mafimafy kokoa ny ranonorana entin'ny rivotra avy any avaratra ao Jerosalema satria miampy ny entona miakatra

¹¹⁹ C.BALLY, *Traité de Stylistique*, in *La Stylistique lecture*, op.cit, p.22. « [L'écrivain] emploi la langue d'une intention esthétique »

avy any amin'ny ranomasina. Dia tahaka izany ihany koa ny teny avoakan'ny vavan'ny olona mpifosa satria miampy fitsikerana sy fanaratsiana izany ka mitondra fahatezerana mafy eo amin'ireo izay iantefany.

Ny ozona dia isan'ny zavatra aseho amin'ny alalan'ny fitenenana. Izany dia noharin'ny mpanoratra amin'ny vorona sy ny sidintsidina izay manidina eny amin'ny habakabaka.

Toy izao no fanehoany izany:

Toy ny vorona mivezivezy sy ny sidintsidina manidina, dia toy izany ny fanozonam-poana: tsy mba hihatra izany Ohab 26:2.

Oharina amin'ny vorona mivezivezy sy ny sidintsidina manidina ny fanozonam-poana. Ny tiana hambara amin'izany dia hoe: misy karazam-borona mpifindra monina, ka rehefa tonga izy dia miteraka korontana sy tabataba eo amin'ny toerana ivantanany. Kanefa vetivety dia lasa indray, ary foana miaraka amin'izay koa ny korontana sy ny tabataba. Dia toy izany ny ozona tononina ho an'ny olo-marina, dia tsy hisy fiantraikany aminy akory avy eo.

Mbola fanoharana mandoko ny fiteny ihany no hita eto ka ny anoharina dia mbola naoriny amin'ny zavatra eny amin'ny habakabaka ihany. Dia ny rivotra sy ny rahona izany. Toy izao no fanehoany azy:

Toy ny rahona sy ny rivotra tsy misy orana ny olona izay mirehaka amin'ny fizaram-bava. Ohab 25:14.

Fanoharana mivantana no hita eto izay miseho amin'ny “toy ny” ka ny olona be rehaka amin'ny fizaram-bava dia oharina amin'ny rahona sy ny rivotra tsy misy orana. Ny fizaram-bava dia resaka atao mifono lainga, fampanantenana poaka aty, teny fikasana omena fa tsy hotanterahana. Izany hoe vava avoaka sy dradradradraina nefa tsy tanterahina; Dia toy ny rahona toa handatsaka orana nefa tsy misy akory avy eo; ary toy ny rivotra mitsoka ka mandroaka ny orana ka tsy hitondra na inona na inona.

Izay ny mikasika ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny zavatra eny amin'ny habakabaka. Fa amin'ity manaraka ity indray dia hijery manokana ny mikasika ny fanoharana izay mandoko ny fiteny isika ka mampitombo ny fifandirana.

3.2.1.2. Ny fanoharana mandoko ny fiteny izay mampitombo ny fifandirana

Ny fanoharana moa eto dia tena mahazo vahana be amin'ny maha ohabolana ny vondrona ambara na ny akora iasana. Ny fiteny dia mampitombo ny fifandirana rehefa atao tsy am-piheverana. Maro karazana ny anoharana anehoan'ny mpanoratra izany. Voalohany indrindra dia hoy ny voalaza:

Ny fiandohan'ny ady dia toy ny manata-drano, koa ilaozy ny fifandirana, dieny tsy mbola mifandramatra Ohab 17:14.

Ny fanoharana no hita eto izay miseho amin'ny alalan'ny kian-teny entina mampitaha “toy ny”. Ny oharina eto dia ny fiandohan'ny ady, ary ny anoharana dia ny manata-drano. Izany hoe raha vao sokafana ireny tata-drano tsentsina ireny dia manomboka mitady lalana ny rano ka mikiky ilay zavatra manampina azy. Mihamatanjaka hatrany ny tosiky ny rano dia hiala tanteraka ireny tampina ireny. Toy izany no fiandohan'ny ady: fifandirana...Raha vao hita fa mety ho ratsy ny hiafaran'ny resaka dia ajanony. Raha toa ka mety hiteraka ady ny dinika dia ajanony ary ilaozy avy hatrany. Izany hoe mihamihitatra hatrany ny ady ary mihamihenjana tsikelikely rehefa voizina foana. Fa ny tsara kokoa dia aleo mangina fa *izay mangina volamena hoy ny Ntaolo.*¹²⁰

Faharoa manaraka izany ihany koa, rehefa miteny ny adala dia teny tsy misy dikany no lazainy. Manana ny fomba anoharany izay ny mpanoratra ka hoy izy:

Mikepikepika ny tongotry ny malemy tongotra, dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan'ny adala Ohab 26:7.

Eto dia misy ny fanoharana mivantana amin'ny alalan'ny fisian'ny kian-teny enti-manohatra « toy ny ». Ny oharina dia ny ohabolana eo am-bavan'ny adala ary ny anoharana dia ny fikepikepiky ny tongotry ny olona malemy tongotra. Mikepikepika nefa tsy afa-mandeha ny tongotra malemy; Dia toy izany ny ohabolana izay tononin'ny adala. Miteniteny eo izy fa tsy misy dikany ary tsy misy ventiny izay zavatra lazainy fa tenim-pahadalana satria tsy ampiharina akory

¹²⁰ Ohabolana malagasy

Tsy izay ihany anefa no fomba fanoharana nanehoan'ny mpanoratra ny ohabolana eo am-bavan'ny adala fa mbola nohariny amin'ny zava-maranitra ihany izany mba hanamafisany tsara ny heviny. Hoy izy:

Toy ny tsilo eny an-tanan'ny olona mamomamo, dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan'ny adala. Ohab 26:9.

Ny ohabolana eo am-bavan'ny adala dia oharina amin'ny tsilo eny an-tanan'ny olona mamomamo. Ny tsilo dia manindrona, ary ny olona mamomamo dia olona tsy mahafehy ny tenany intsony. Toy ny olona tsy mahafehy ny tenany nefa mitondra zavatra mety handratra sy hanindrona; dia toy izany ny ohabolana tononin'ny adala. Tsy fantany akory izay lazainy sady tsy mifidy teny havoaka, ka lasa manindrona sy mandratra sofina ny mihaino azy.

Mbola miteraka fifandirana ihany koa ny tenin'ny mpifosafosa. Mikasika izay indray no asian'ny mpanoratra teny amin'ny alalan'ny fanoharana. Hoy izy manambara izany:

Raha tsy misy kitay intsony, dia maty ny afo; ary raha tsy misy mpifosafosa intsony, dia mitsahatra ny fifandirana. Ohab 26:20.

Oharina amin'ny kitay izay mampirehitra ny afo ny mpifosafosa izay mampirongatra ny fifandirana. Ny kitay no mampirehitra ny afo. Fa raha tsy misy ny kitay dia tsy mirehitra ny afo. Dia toy izany ihany koa: raha tsy misy ny mpifosafosa sy ny mpihaino fosafosa dia foana ny fifandirana. Ny mpihaino fosafosa sy ny mpifosafosa dia olona mpitondra korontana. Raha tsy henoina dieny aty am-piandohana ny fosafosa, dia tsy hiparitaka izany. Ny ohabolana vahiny dia milaza hoe: *ny mpandray (fosafosa) dia ratsy tahaka ny mpizara (fosafosa)*¹²¹

Mbola manamafy ny heviny amin'ny alalan'ny *comparaison* ihany anefa ny mpanoratra fa tsy nijanona fotsiny tamin'izay. Ary mbola tsy mitsahatra ny nadresy lahatra, fa ny teny dia misy fiantraikany be dia be eo amin'ny mpihaino azy. Mety ho tsara io ary mety ho ratsy ihany koa arakaraka ny sehatra ampiasana azy. Voamarina eto ny filazan' I Eric BUYSSENS fa misy akony any amin'ny mpihaino ny fitenenana. *Maneho ny hakanton'ny ohabolana izany fifanohinana izany.*¹²² Dia naoriny amin'ny alalan'ny fitaovam-piadiana indray ny anoharana nampiasainy eto.

¹²¹ : “The receiver is as bad as the thief” LOGICIEL MASTER CHRISTIAN LIBRARY

¹²² E. BUYSSENS, op. Cit, p. 77 : « ...Le langage comme un moyen d'agir sur l'auditeur »

3.2.1.3. Ny fanoharana mandoko ny fiteny miorina amin'ny fitaovam-piadiana

Maro ireo karazana fitaovam-piadiana izay nampiasain' i Solomona ho anoharana mba handokoana ny fiteny. Amin'ny alalan'ny fanoharana hatrany moa ny sarin-teny ampiasainy amin'izany. Manaporofo izany ny fisian'ireto toko sy andininy ireto:

Toy ny adala izay manely afo sy zana-tsipika ary fahafatesana, Ohab 26:18.

Dia toy izany ny olona mamitaka ny namany ka manao hoe: "Tsy vosobosotra ihany va no ataoko?" Ohab 26:19

Eto dia fanoharana miseho eo anivona toko sy andininy anankiroa no miseho. Ny ohabolana 26:19 dia oharina amin'ny ohabolana 26:18. Ny tiana hasongadina amin'izay dia hoe: ny vazivazy dia manimba, mandoro, manindrona, ary mety hitarika hatramin'ny fahafatesana mihitsy ho an'ny olona izay tsy mahatanty azy. Misy manko ny olona izay manao vazivazy zary tena izy, ka miteny vazivazy ratsy, nefa mandratra ny fon'ny hafa. Firifiry moa ny fo malahelo, ary laza tsara firy moa no latsaka am-bovoka noho io karazam-pamitahana io? “Niteny tsy nahy aho”, “tsy fanahy iniako iny hoy ny olona manana izany toetra izany, nefa dia tena manapotika sy mikendry amin'ny fomba rehetra amin'ny fitaovana mitondra fahafatesana. Ny sasany milanja fijaliana, ny sasany mahatsapa fahamaizana, ary ny sasany voahosihosy.

Noraisina ho toy ny fitaovam-piadiana ny sakafo amin'ity andininy manaraka ity satria mety hiteraka fahasalamana ho an'ny tena (fandresena) ary mety hiteraka fahafatesana (faharesena) ihany koa arakaraka ny fahaizana mandanjalanja azy. Izany no nahatonga an'i Solomona nanao ilay fanoharana hoe:

Toy ny hanim-py ny tenin'ny mpitati-bolana, ka mikorotsaka hatrany anatin'ny tsinay. Ohab 26:22.

Fanoharana mivantana eto no aseho amin'ny fisian'ny kianteny enti-manohatra “toy ny”. Ny tenin'ny mpitati-bolana: dia oharina amin'ny hanim-py. Izany hoe ny hanina matsiro ampidirina ao amin'ny vatana dia mety hitondra fahasalamana ho an'ny vatana ary mety hiteraka aretina ihany koa. Dia tahaka izany ihany koa ny teny izay aloakan'ny vava,

indrindra fa ho an'ireo mpitati-bolana, mety hitondra soa ho an'ny fiainantsika io nefa mety hitondra zava-dratsy ihany koa. Tonga amin'ilay ohabolana Malagasy hoe: “*Ny teny toy ny fonosana, izay mamono no mamaha*”¹²³

Ny teny dia azo atao fitaovana iray entina miady. Araka izany ny ratsy fanahy no tena manao azy io ho fitaovam-piadiana. Toy izao manaraka izao no ahitana izany:

Ny ratsy fanahy mihady lavaka fanimbana, sady misy toy ny afo mahamay eo amin'ny molony. Ohab 16:27

Ny tenin'ny olona ratsy fanahy dia oharina amin'ny afo mahamay. Ahitana fanoharana eto. Ny tiana haseho amin'izany dia hoe:

ny olona ratsy fanahy dia miasa mafy mba hitondra zava-dratsy. Ny teny aloaky ny vavany rehetra dia mandratra avokoa na mandoro izay rehetra manodidina azy.

Izay ny mikasika ny fanoharana mandoko ny fiteny izay tena manana ny lanjany tokoa eo amin'ny fiainan'ny olombelona. Fa ny manaraka eto kosa indray dia hijery manokana ny *comparaison* mandoko ny zavatra tsara sy ny ratsy nataon'ny olombelona isika.

3.2.2. Ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy nataon'ny olombelona

Eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona dia mifandimby hatrany ny zavatra tsara sy ny ratsy, ny masoandro sy ny aloka, ny fifaliana sy ny fahoriana, ny fahalemena sy ny fahatanjahana, ny fahasalamana sy ny aretina, ny fananan-karena sy ny fahantrana... Ny fahitan'i Solomona izany indrindra no nahatonga azy handresy lahatra ny vahoaka mba handinika tsara ity zava-misy eto an-tany ity. Ny fomba nentiny nandresy lahatra tamin'izany dia ny fampiasana ny fomba filazan-javatra maneho fanoharana. Mikasika izay indrindra no hodinihina manaraka eto. Ny hojerena voalohany indrindra dia ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy izay naorina tamin'ny zava-manana aina.

Faharoa manaraka izany dia hojerena ihany koa ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy iainan'ny olona izay naorina tamin'ny alalan'ny zavatra tsy manana aina. Fahatelo manaraka izany, amin'ny maha ohabolana ny vondrona ambara dia hodinihina

¹²³ OHABOLAN'NY NTAOLO

manokana eto ihany koa ireo ohabolana mampisafidy ny tsara sy ratsy izay miseho amin'ny alalan'ny “aleo...toy izay...” sy ny “tsara ny...noho ny...”

3.2.2.1. Ny fanoharana mandoko ny zavatra tsara sy ratsy naorina amin'ny zava-manana aina

Maro ny fanoharana hita ato amin'ny ohabolana. Ary maro araka izany ihany koa ny anoharana nanorenany azy. Ny fanoharana naorina amin'ny zava-manana aina no horeshahina manaraka eto. Anisan'izany ireo fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra manana aina. Eo ihany koa ireo *comparaison* maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zava-manana aina.

3.2.2.1.1. Ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra manana aina.

Ny zava-manana aina dia anisan'ny zavaboary noforonin' Andriamanitra mba hiaraka hiara-monina eto ambonin'ny tany. Na ny biby na ny zava-maniry dia samy noforoniny avokoa mba hangalan'ny olona lesona eo amin'ny fiainany. Izany indrindra no nahatonga an'i Solomona haka lesona avy amin'ny zava-boary dia ny biby sy ny zava-maniry ka nanorenany ny fanohanana izay hita ao amin'ny asa sorany. *Vao mainka mampitombo lanja ny angolan-kevitra sy ny fihetseham-po raketiny izany.*¹²⁴ Samy manambara izany ireto toko sy andininy manaraka ireto:

Ny fahatezeran'ny mpanjaka dia toy ny fieron'ny liona tanora: fa ny fitiany kosa toy ny ando amin'ny ahitra. Ohab 19:12.

Ny fampitahoran'ny mpanjaka dia toy ny fieron'ny liona tanora; izay mampahatezitra azy dia mankaha-doza hihatra amin'ny ainy. Ohab 20:2.

Tsy misy zavatra mampihorohoro tahaka ny fieron'ny liona mpanjakan'ny ala, fa raha vao maheno ny feony fotsiny dia mangovitra avokoa ny olona na ny biby rehetra ka mandositra sy miafina. Toy izany koa ny fahatezeran'ny mpanjaka: raha vao tezitra ny mpanjaka dia mihorohoro avokoa ny vahoaka rehetra satria mety hiafara amin'ny famonoana;

¹²⁴ G. GENETTE, *Figures*, Edition du Seuil, 1966, p.207 : « [lafigure] elle peut fort entrer dans l'usage sans perdre son caractère figuré »

fa rehefa faly kosa izy dia velombelona avy ny fanahin'ny rehetra, velom-bolo tahaka ny zava-maniry kotsan'ny ranon'ando vao maraina

Tsy nijanona tamin'ny anoharana “liona sy ando amin'ny ahitra” ihany anefa izy, fa nampiseho anoharana hafa toy ny alika ihany koa. Hoy izy:

Toy ny amboa miverina amin'ny loany, dia toy izany ny adala miverina amin'ny hadalany. Ohab 26:11.

Ny alika dia mihinana ny zavatra efa naloany. Dia toy izany ny adala: raha nisy hadalana nataony dia azo antoka fa mbola hataony indray izany any aoriana. Izany hoe na dia zavatra efa nifonany na heloka efa nifonana teo amin' Andriamanitra aza, dia mbola mety ho naveriny ihany izany. Izany hoe azo lazaina ho olona vetaveta fiainana izany.

Tsy nijanona tamin'izay ihany anefa ny anoharana naorina tamin'ny alalan'ny amboa fa mbola ahitana izany ihany koa ity:

Izay mandalo ka mitsaraingona amin'ny ady tsy azy, dia mandroritra amboa amin'ny sofiny Ohab 26:17.

Ny olona miditra amin'ny ady tsy misy idirany, na misalovana amin'ny adin'ny sasany dia mitady fahavoazana ho an'ny tenany. Toy izany ny olona misintona ny sofiny ny alika masiaka, rehefa ny sofiny no tazonina dia mora ho azy ny manaikitra. Ny tena ipoiran'ny ady moa amin'ny ankapobeny araka izay efa voalaza tany aloha dia vokatry ny fitenenana tsy voahevitra.

Na dia eo aza izay mikasika ny anoharana naorina tamin'ny alalan'ny biby fiompy izay dia mbola misy ihany koa ny fanoharana mifototra amin'ny voronkely. Koa indro atolotra manaraka eto izany:

Toy ny voronkely miala amin'ny akaniny ka mirenireny, dia toy izany ny olona izay mirenireny miala amin'ny fonenany. Ohab 27:8

Ny tiana hambara amin'izany dia izao: tojo zava-tsarotra ny voronkely rehefa miala amin'ny akaniny. Dia tahaka izany ihany koa ny olona mandao ny fonenany, ny trano fialofany, ny tany fonenany, ary mandeha any an-toeran-kafa; Izy ireny dia manolo-tena

amin'ny karazana zava-tsarotra isan-karazany. Maro amin'ireny olona mpirenireny ireny sy ny mpifindrafindra monina foana no tafalatsaka amin'ny fahantrana be sy ny fahavoazana.

Izay ny mikasika ny fanoharana miresaka zavatra ratsy naorina tamin'ny zava-manana aina ny anoharana aminy. Fa ny manaraka eto kosa indray dia hojerena manokana ireo *comparaison* maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra manana aina.

3.2.2.1.2. Ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra manana aina.

Eto indray dia ny fanoharana maneho ny zavatra miorina amin'ny zava-manana aina no hojerena. Hita ao amin'izany avokoa na ny biby na ny zava-maniry, ary avy eo dia hojerena ihany koa ny mikasika ny anoharana biby.

Eto am-piandohana àry dia ny zava-maniry no horeshahina. Naorin'ny mpanoratra amin'ny zava-maitso ny anoharana eto izay anehoana ny zavatra tsara. Hoy indrindra no voalaza:

Izay matoky ny harenny dia ho lavo; fa ny marina ho tahaka ny ravina maitso. Ohab 11:28.

Ny ravina maitso dia mandrobona, maha te hijery, mijoro tsara, mahasintona olona maro. Dia tahaka izany ihany koa, ny olona manao ny marina dia mijoro amin'ny fahamarinana mandrakariva, afaka mijoro tsara, tian'ny olona na ny mijery azy na ny manaraka ny heviny. Fa ny olona miantehitra be loatra amin'ny harenany kosa, dia ho lavo any aoriana any satria tsy haharitra mandrakizay ny harena ety an-tany. *Narafitra amin'ny sarin-teny io fomba filazan-javatra io ka sady voaloko ny fihetseham-po, no nomena endrika kanto ny filazan-javatra. Hita avy amin'izany ny fahaizan'ny mpanoratra mifantina ny fomba filaza mba hanatratrarana ny zava-kendrena.*¹²⁵

Ny zava-manana aina eto dia nataon'ny mpanoratra mba hanehoana zavatra tsara, koa anisan'izany ny liona tanora izay noharina amin'ny toetran'ny olo-marina sy matoky. Toy izao no anehoany izany:

Ny ratsy fanahy mandositra, na dia tsy misy manenjika aza; fa ny marina kosa dia matoky toy ny liona tanora. Ohab 28:1.

¹²⁵ H. RIFFATERRE, Op. Cit P .31 : « Ce qui revient à dire que la langue exprime et que le Style met en valeur »

Ny liona tanora dia manana ny tanjaka ampy hiriariavany sy hery entiny mitady sakafo. Noho izany dia manana hery sy fahatokiana lehibe izy eo amin'ny lafiny rehetra. Toy izany ihany koa ny olona manao ny marina. Ny olona tsara fanahy dia manana herim-po, mahatsapa ny tsy fananany tsiny sy ny fanoloran-tenany ho an'Andriamanitra. Fa ny ratsy fanahy kosa na dia miseho ho mahery aza, dia vesaran'ahiahy sady enjehin'ny eritreriny mandrakariva. Mbola ny *comparaison* ihany no nanehoana izany rehetra izany.

Izay ny mikasika ny fanoharana naorina tamin'ny zavatra manana aina. Fa ny manaraka eto kosa indray dia hijery manokana ny fanoharana naorina amin'ny zavatra tsy manana aina isika.

3.2.2.2. Ny fanoharana naorina amin'ny zavatra tsy manana aina

Ao anatin'izany fanoharana naorina amin'ny zavatra tsy manana aina izany, dia aseho tahaka ny fomba nanaovana ny teo aloha ihany. Hojerena ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra tsy manana aina. Ary rehefa vita izay dia hojerena ihany koa ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra tsy manana aina

3.2.2.2.1. Ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.

Maro ny anoharana “zavatra tsy manana aina” izay nentina naneho ny zavatra ratsy ao amin'ny *comparaison*. Anisan'izany ny ranonorana sy ny oram-panala. Maneho izany indrindra ity voalaza eto ambany ity:

Toy ny orampanala amin'ny lohataona, ary toy ny ranonorana amin'ny taom-pijinjana, dia toy izany ny voninahitra tsy tandrifiny ho an'ny adala. Ohab 26:1.

Ny tiana holazaina amin'izany dia hoe: ny voninahitra tsy tandrify ho an'ny adala dia oharina amin'ny ranonorana na ny oram-panala. Zavatra ratsy izany satria tsy ilaina amin'ny Lohataona ny oram-panala, ary tsy ilaina amin'ny taom-pijinjana ny ranonorana; Noho izany dia tahaka izany ihany koa ny adala amin'ny voninahitra. Tsy mila voninahitra ny adala. Tsy mendrika ho azy izany.

Mbola ranonorana ihany ny anoharana eto izay anehoana zavatra mampalahelo. Toy izao no hita mikasika izany:

Ny malahelo izay mampahory ny mahantra dia toy ny ranonorana izay manindao ka tsy maha misy hanina Ohab 28:3.

Izany hoe ny olona malahelo izay mampahory ny mahantra dia oharina amin'ny ranonorana. Ny tiana hambara amin'izany dia hoe: ny olona mahantra matetika dia kahihitra sy tsy mahatsapa ny fahantrana misy eo amin'izy samy izy. Tsy mba mahay maneho famindram-po, fa maneho faharatsiam-panahy hany ka tonga amin'ilay fitenenana hoe: “ny kahihitra ihany no lany be”. Ka tonga tahaka ny tondra-drano izay mateti-piseho any amin'ny faritra atsinanana izay mazana no mifaoka ny biby fiompy sy ny vokatry ary ny trano ka miteraka mosary izany.

Tsy nijanona fotsiny tamin'ny anoharana “ranonorana” anefa ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany raha naneho ny zavatra ratsy iainan'ny olona, fa nandinika manokana ihany koa ny amin'ny “vato”, ka nanorenany ny fanoharana nataony izany. Hoy izy manambara izany:

Toy ny manisny vato eo amin'ny antsamotady, dia toy izany ny manome voninahitra ny adala. Ohab 26:8.

Izany hoe izay manome voninahitra ny adala dia oharina amin'ny vato eo amin'ny antsamontady. Ny tiana hambara amin'izany dia izao: ny vato atao eo amin'ny antsamotady dia vato natao hatoraka, vato izay ho very izany. Ny voninahitra anefa dia zava-tsoa, ka raha homena ny adala dia toy ny zava-tsoa hariana, na hatoraka. Izany hoe zava-poana ny voninahitra omena ny adala satria tsy ho raharahany avy izany fa vao mainka aza hosihoseny.

Izay ny mikasika ny fanoharana maneho ny zavatra ratsy naorina amin'ny zavatra tsy manana aina fa hojerena eto indray ny mikasika ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.

3.2.2.2. Ny fanoharana maneho ny zavatra tsara naorina amin'ny zavatra tsy manana aina.

Amin'ity fizarana manaraka ity indray dia ny anoharana “zavatra tsy manana aina” no hojerentsika mba hanehoana ny zavatra tsara. Ny hatsiaky ny oram-panala no hojerentsika voalohany amin'izany. Eto ny iraka mahatoky amin'izay naniraka azy dia oharina amin'ny hatsiaky ny oram-panala amin'ny taom-pijinjana. Toy izao manaraka izao izany:

Toy ny hatsiaky ny orampanala amin'ny taom-pijinjana, dia toy izany ny iraka mahatoky amin'izay naniraka azy, fa mamelombelona ny fon'ny tompony izy. Ohab 25:13.

Izany hoe any amin'ny faritry Jodia any amin'ny faritra atsinanana dia manana fomba fitahirizana ireny oram-panala ireny amin'ny alalan'ny fandavahana tatatra any anaty tany. Ka amin'ny taom-pijinjana any amin'io faritra io dia mafana dia mafana, ary ampiasain'izy ireo ny oram-panala voatahiry mba hampangatsiatsiaka azy. Izany hoe mitondra famelombelomana eo amin'izy ireo ny hatsiaka. Dia toy izany ihany koa ny fanirahana ireo olona azo itokisana, mitondra fifaliana sy filaminan-tsaina ary fahasalamana eo amin'izay naniraka azy izany.

Manaraka izany, eo ihany koa ny fampiasan'ny mpanoratra ny fanoharana izay miorina amin'ny « rahona amin'ny fararano ». Ny rahona dia zavatra tsy manana aina. Eto ny fankasitrahany ny mpanjaka dia noharina amin'ny rahona amin'ny fararano araka ny voalazan'ity manaraka ity:

Amin'ny fahamiramiranan'ny tarehin'ny mpanjaka dia misy fiainana, ary ny fankasitrahany dia toy ny rahona amin'ny fararano Ohab 16:15.

Izany hoe rehefa faly ny mpanjaka dia mahazo aina ny vahoaka satria mitondra soa ho azy izay: tsy voatrerontreona izy, mahazo valisoa ny tsirairay. Tahaka izany koa rehefa misy rahona eny amin'ny habakabaka amin'ny fotoanan'ny fararano, dia faly ny vahoaka, satria tena ilaina ny orana amin'io fotoana io, mamelombelona ny ain'ny zava-manana aina rehetra ka mety ho betsaka ny vokatra azo.

Izay ny mikasika iny fanoharana iny. Fa ankehitriny kosa indray isika dia hijery ny mikasika ny ohabolana amin'ny tena maha ohabolana azy. Ny ohabolana hojerena amin'izany

dia ny ohabolana mampisafidy ny tsara sy ny ratsy amin'ny alalan'ny fampiasana ny “aleo...toy izay...” sy ny “tsara ny ...noho ny...”

3.2.2.2.3. Ny ohabolana mampisafidy ny tsara sy ny ratsy amin'ny alalan'ny fampiasana ny “aleo...toy izay...” sy ny “tsara ny ...noho ny...”

Ao anatin'izany ohabolana mampisafidy izany anefa, dia hosokajina telo izany: ao ny ohabolana milaza toetra, ny ohabolana miresaka sakafo, ary tsy hadinoina ihany koa anefa ny ohabolana miresaka ny momba an'i Jesosy.

- **ohabolana milaza toetra**

Maro ireo karazana toetra asehon'ny ohabolana. Ary mandrakariva ireny dia aseho amin'ny alalan'ny fampisafidianana. Izany hoe karazana fandresen-dahatra no asehon'ny mpanoratra eto. Ny fehezan-kevitra ao aorian'ny “aleo” no tian'ny mpanoratra hohamafisina mba hifantoka bebe kokoa ao an-tsain'ny mpamaky. Fa ny fehezan-kevitra aorian'ny “toy izay” kosa dia teny entin'ny mpanoratra mampieritreritra ny mpamaky mba hanekeny ny hevitra ambarany ao amin'ny fehezan-kevitra voalohany. Andininy maro no anehoany izany, ary saika milaza toetra avokoa. Manaporofa izany ny hoe:

Aleo ambany toetra, nefa manana mpanompo iray, toy izay mihambo ho be voninahitra, nefa tsy manan-kohanina akory. Ohab 12:9.

Izany hoe ny tiana hambara dia: tsara kokoa ny olona mahantra nefa manan-kohanina sady tsy hidiran-trosa, miasa, toy izay olona mirehareha, miavonavona, tia rendrarendra ety ivelany sy haitraitra fotsiny nefa na ny hanina hohanina aza tsy misy.

Manaraka izany, aleo voninahitra no hitan'ny olona amin'ny tena, toy izay ny harena izay ananana. Ary aleo ihany koa ny fitiavana toy izay ny firavaka sarobidy araka ny voalazan'ilay hoe:

Aleo ho tsara laza toy izay ho be harena, ary tsara ny fitia noho ny volafotsy sy ny volamena Ohab 22:1.

Ny laza tsara sy ny Fitiavana dia harena sarobidy lavitra noho ny volafotsy sy ny volamena. Betsaka ny olona manan-karena, nefa tsy manan-daza, na manan-daza fa laza ratsy. Ny toetra tsara manoloana ny toe-java-misy no manampy ny olona hanana toerana ambony sy laza amam-boninahitra, ary ny tenin'ny olona tsara toetra dia manan-danja be lavitra noho ny harena. Rehefa tsara toetra ny olona iray dia mora ho azy ihany ny mahazo harena.

Eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ihany koa, dia misy ireo olona matin-kenamaso ka lasa mijery arina an-tava ny namany. Na dia misy aza zavatra tsy mety ataon'ny namany dia tsy sahy miteny, satria matahotra sao dia hotezeran'ny namana, na eo ihany koa ilay fahamenarana. Ny fanaovana izany anefa dia midika ho tsy fitiava-namana. Izao indrindra no voalaza:

Aleo anatra imaso toy izay fitia afenina Ohab 27:5.

Ny tiana hambara amin'io andininy io dia hoe: ny fo tia izay misokatra ho an'ny namany dia tena fanafody mahomby ho fitsaboana ireo lesoka eo amin'ny namana amin'ny alalan'ireo anatra mivantana. Namana izay milaza mivantana aminao ny fahadisoanao, ary tsy manaparitaka izany amin'ny olon-kafa.

Ao anatin'ny fiaraha-monina ihany koa dia maro ny toetran'ny olona misy ao. Samy manana ny maha izy azy avokoa ny olona tsirairay izay miara-miaina eo anivona fiaraha-monina iray. Izany toetran'ny tsirairay izany anefa dia tsy noresahin' i Solomona ato daholo, fa nosinganiny manokana ny toetra ratsy izay mampiavaka ny vehivavy. Hoy izy:

Aleo mitoetra eo an-joron'ny tampon-trano, toy izay hiray trano amin'ny vehivavy tia ady. Ohab 21:9.¹²⁶

Ny vehivavy tia ady, amin'ny maha tia ady azy, dia satriny foana hila vaniny sy hitabataba amin'ny olona izay mifanerasera aminy. Ary tsy tapitra iny ady ataony iny raha tsy efa ela. Ka mba hialana aminy, raha tsy te ho tabatabainy, dia tsara kokoa ny miala dia mamonjy toerana mitokana irery, toy izay hiaritra ny ady izay ataony. Ny ady mantsy dia mitondra korontana sy fahasahiranana-tsaina ary mety hanimba na dia ny fiainana olona aza.

¹²⁶ Jereo **Ohab 21 :19. Ohab 25:24.**

Anisany toetra tsara tokony hananan'ny olombelona tsirairay avy ny ho tia fahalalana sy ho tia fahendrena. Hoy indrindra ny voalaza:

Tsara ny mahazo fahendrena noho ny volamena, ary tsara ny mahazo fahalalana noho ny volafotsy Ohab 16:16.

Izany hoe : na dia tsara sy sarobidy aza ny volamena sy ny volafotsy, dia tsara sy sarobidy lavitra manotra izay ny fahazoana fahalalana sy ny fahendrena. Satria ireo no harena tsara indrindra tsy azo robaina, fa fananan'ny tena manokana hatrany. Noho izany dia ilaina hatrany ny mandranto azy.

Anisany toetra ratsy ananan'ny olona ihany koa ny fahadalana. Rehefa sendra izay fahadalana izay ny olona iray dia sarotra ny miara-monina aminy, satria manana toetra ratsy noho ny biby izy amin'izay fotoana ihetsehan'ny hadalany izay. Hoy Solomona manambara izany:

Aleo mifanena amin'ny bera very anaka toy izay amin'ny adala feno hadalana Ohab 17:12.

Izany hoe tsaratsara kokoa ny mifanena amin'ny biby masiaka noho ny mifanena amin'ny adala ao anatin'ny fahadalany, satria ny adala masiaka kokoa noho ny biby masiaka, na mitondra zavatra ratsy kokoa noho ny biby masiaka.

Ny fahalemem-panahy dia toetra tian'Andriamanitra hananan'ny zanak'olombelona rehetra. Ary ny ohabolana dia anisany fitaovana iray entiny mampirisika ny olona mba hanana izany toetra izany. Hoy indrindra ny voalaza:

Tsara ny malemy fanahy ao amin'izay manetry tena, noho ny mizara babo amin'izay miavonavona Ohab 16:19.

Eto indray dia karazana fanoharana mampisafidy no hita izay miseho amin'ny alalan'ny fisian'ny “tsara ny ...noho ny...” Ny tiana hambara dia hoe: aleo malemy fanahy amin'ny olona malemy fanahy, toy izay ny mizara tombontsoa amin'ny olona mpiavonavona. Izany hoe mametraka safidy eo amin'ny olona iarahana. Tsara kokoa ny miara-miasa amin'ny olona mahantra feno fanetren-tena sady feno fahalemem-panahy, toy izay miaraka amin'ny olona manan-karena nefa feno faharatsiam-panahy sy fireharehavana ary fiavonavonana.

Izay ny mikasika ny ohabolana milaza toetra, fa izao kosa indray dia hojerena ny mikasika ny ohabolana miorina amin'ny sakafo. Ny olona dia tsy afaka misaraka amin'ny sakafo raha mbola te ho velona sy hiaina. Noho izany dia ny zavatra hitan'ny olona andavanandro no nentin'i Solomona naka hevitra mba hoentina mandresy lahatra ny vahoaka.

- **ohabolana miorina amin'ny sakafo**

Amin'ny ankapobeny, ny olona ankehitriny dia mihevitra fa ny sakafo voajanahary azo avy amn'ny zava-maniry, dia ratsy. Diso hevitra anefa izy raha izay no dinihina satria ny zava-maniry no tena ahitana otrikaina betsaka indrindra. Izany no nahatonga azy nilaza izao:

Aleo sakafo anana ampian-tsetsetra toy izay omby mifahy asian-dromoromo Ohab 15:17.

Tsara kokoa ny mihinana ny vokatry ny tany satria mora karakaraina izy ireny no mitondra otrikaina be dia be ihany koa ho an'ny vatana. Ny olona manko matetika dia mieritreritra ny anana ho sakafo tsy dia manahoana loatra. Aleo anefa mihinana ireny, toy izay mihinana hena matavy izay andaniana fotoana be ny fikarakarana azy, ary mety hitaky asa be sy mahasatra ka mahatonga fahasorenana sy disadisa. Ireny matetika dia entina hireharehavana fotsiny fa tsy hoe misy tombony akory ny zavatra azo avy aminy. Mbola manamafy izany ihany ny voalaza manaraka eto:

Tsara ny sombi-mofo maina misy fiadanana, noho ny trano feno hena misy fifandirana. Ohab 17:1.

Ny fiadanana sy ny fifaliana ary ny fifankatiavana dia tsara lavitra noho izay mety ho fitahiana rehetra. Ny sombi-mofo maina, hanina am-pankasitrahana sy am-pitiavana dia mahaso kokoa noho ny sakafo matsiro azo avy amin'ny ady. Rehefa tsy milamina ny saina, na ny zavatra tsara aza manjary mangidy. Tsy mahatelin-kanina ny olona rehefa miady. Fa rehefa mifankatia, na dia ny mangidy aza dia toa tsara ery, ary mazoto homana ny olona ary mahay mankasitraka izany.

Eo anatrehan'izany rehetra izany dia tsy hanana toetra tsara na oviana na oviana ny olombelona raha tsy manana ny fahatahorana an'Andriamanitra. Hiresaka mikasika izay indray isika manaraka eto.

- **ohabolana miresaka an'i Jehovah**

Rehefa matahotra an'i Jehovah ny olona iray sady mankato ny didiny no sady mino ny fisiany ary mino fa Izy no namorona izao tontolo izao, ka mangataka ny fitahiana sy ny fiarovana Aminy, dia Izy no hiaro. Eo anatrehan'izany dia ho voaaro amin'ny loza maro samihafa izay miankina Aminy ka tsy hanan-tahotra. Hoy ny ohabolana manambara izany:

Aleo ny kely misy ny fahatahorana an'i Jehovah, toy izay harena be misy ahiahy. Ohab 15:16.

Izany hoe na dia kely aza ny harena hananan'ny tena, rehefa azo tamin'ny fahamarinana izany dia milamina ny saina. Tsara kokoa izay noho ny hoe manana harena be, nefa azo avy amin'ny halatra sy ny zavatra ratsy. Ao anatin'izay fananana izay dia tsy mitombina ny saina satria matahotra sao dia hisy handroba na koa hoe ho tratran'ny olona. Tebiteby sy ahiahy no mameno ny fiainana rehefa tsy manana an'Andriamanitra.

Mbola manamafy izay ihany ny voalaza manaraka eto:

Aleo ny kely omban'ny fahamarinana, toy izay ny harem-bevava azo amin'ny tsy rariny Ohab 16:8.

Ny fananana harena be dia mahatonga ny olona hanadino an'Andriamanitra, sady variana any amin'ny harenany izy ary manao izay danin'ny kibony amin'ny fanaranam-po amin'ny zavatra rehetra. Mampiahiahy izany. Noho izany dia aleo kokoa mahantra nefa matahotra an'Andriamanitra. Satria eo amin'ny toerana hisian'ny fahatahorana an'Andriamanitra no misy ny fahalalana onony sy ny fiadanan'ny fanahy.

3.3 NY FANOVANA ANARANA SY NY SYNECDOQUE NENTI-NANDOKO NY FANABEAZANA AO AMIN'NY OHABOLANA

3.3.1. Ny fanovana anarana

Samy hita ao amin'ny asa soratr'i Solomona, na ny fanovana anarana isehoan'ny anton-javatra misolo toerana ny vokatra, na ny fanovana anarana isehoan'ny toerana onenana misolo toerana ny mponina ao anatiny. Mikasika ireo indray no hojerena manaraka eto.

- **Ny fanovana anarana isehoan'ny anton-javatra misolo toerana ny voka-javatra mikasika ny fiteny.**

Maro ny fanovana anarana hita, ka ny teny maro no entina manondro ny olona izay be resaka na miteny betsaka. Izany moa dia natao mba hanafomezana sy hanantitranterana fa ny olona izay be resaka dia maro no maneho lainga sy teny mandratra ao anatin'ny teniny. Raha ny zava-marina sy hita fotsiny manko no tenenina, dia tsy tokony hilaza zavatra betsaka. izany hoe rehefa be loatra ny teny tenenina dia tsy voahevitra intsony izay lazaina hany ka ny zavatra tsy marina avy no lazaina. Araka ny voalazan'ity toko sy andininy ity hoe:

Ny teny maro tsy ilaozan'izay ota; fa izay mahatana ny molony no hendry. Ohab 10:19.

Tsy izay ihany anefa no fanovana anarana hitan'ny mpanoratra mikasika io fomba fiteny io fa eo ihany ny hoe:

Izay mahambim-bava no miaro ny ainy; fa izay vavana dia haringana Ohab 13:3.

Fanovana anarana ihany koa no hita eto, ka ny vavàna eto dia ilazana ireo olona be resaka, tsy mitsahatra miteny. Ny haseho amin'izany, dia mba hanamafisana fa ny olona be resaka loatra, dia tsy mahafehy ny teny rehetra izay lazainy, hany ka miteny zavatra tsy marina. Izany tsy fahaizany mifehy ny lelany izany anefa dia mety hiteraka loza ho azy.

Mbola fanovana anarana no asehon'ny mpanoratra eto ka ny molotry ny fahalalana eto dia ilazana ireo olona milaza ny marina sy manome toro lalana. Ny tiana hoantitranterina amin'io andininy io dia hoe: aza mikambana amin'ny olom-poana fa tsy hahita fahamarinana avy aminy. Manamafy izany ny voalaza ao amin'ny ohabolana manao hoe:

Mialà eo anatrehan'ny olona adala, fa tsy ho hitanao aminy ny molotry ny fahalalana.
Ohab 14:7

Izay ny mikasika ny fanovana anarana isehoan'ny anton-javatra misolo toerana ny voka-javatra mikasika ny fiteny. Fa hojerena manaraka eto indray ny fanovana anarana isehoan'ny toerana misolo toerana ny mponina ao anatin' ny fandriampahalemana.

- **Ny fanovana anarana isehoan'ny toerana misolo toerana ny mponina ao anatin' ny fandriam-pahalemana**

Ahitana fanovana anarana ihany koa eto, ka ny toerana honenana dia ny “tanàna” no entina manambara ny mponina rehetra ao. Io sarin-teny io dia natao mba hilazan-javatra ankolaka sy tsy mivantana loatra, no sady mba ho fanafohezana filazan-javatra. Ny angolan-kevitra sy fihetseham-po tiana haseho amin'izany dia hoe: ny olo-marina, matoky, ary mahitsy dia fitahiana lehibe ho an'ny mpiara-monina aminy sy ny manodidina azy noho ireo ohatra tsara sy hevitra omeny, ary ny fivavahana izay ataony. Ireo mpiara-belona aminy dia midera azy noho izany, ary faly noho ny soa azony. Fa raha maty kosa ny ratsy fanahy izay manaparitaka loza noho ireo ohatra ratsy nomeny, dia tsy nenina noho ny fahafatesany no miseho fa fifaliana aza. Araka ilay hoe:

Raha miadana ny marina, dia ravoravo ny tanàna; fa raha ringana ny ratsy fanahy, dia velona ny hoby. Ohab 11:10.

Ny fisaoran'ny marina no isandratan'ny tanàna; fa ny vavan'ny ratsy fanahy no aharavany. Ohab 11:11.

Tsy nijanona teo amin'izay fotsiny anefa i Solomona fa mbola nikaroka hevitra ihany ka naneho izany amin'ny alalan'ny fanovana anarana araka ny hita manaraka eto:

Ny fahotan'ny tany mahamaro mpanapaka; fa ny fisian'ny olona manan-tsaina kosa no mampahateza ny fanjakana Ohab 28:2.

Eto dia ahitana fanovana anarana ka ny toerana onenana no misolo toerana milaza ny mponina ao anatiny. Izany hoe: tsy ny tany no manota fa ny mponina ao aminy. Ny tiana holazaina amin'izany dia hoe any amin'ny tany izay ahitana vahoaka tena ratsy fanahy sy lalàm-panorenana tena ratsy, dia mora miova ny mpitondra ary matetika dia misy fanonganam-panjakana miaraka amin'ny rà mandriaka. Ary ny fisian'ny olona manan-tsaina eo amin'ny fitondrana kosa dia miteraka fandrosoana ho an'ny firenena. *Azo lazaina ho misy fifandraisany akaiky ny fandrafetana fehezanteny amin'ny maha hainteny azy sy ny hevitra araka ny literatiora.*¹²⁷

Mbola nampirisika ny olona hiasa hatrany i Solomona mba tsy dia hosahirana loatra eo amin'ny fiainana. Hoy izy:

Ho tonga malahelo ny miraviravy tanana amin'ny asany; fa mampanan-karena ny tanan'ny mazoto Ohab 10:4.

Ny fanovana anarana isehoan'ny anton-javatra misolo toerana ny voka-javatra no sarin-teny ampiasain'ny mpanoratra eto. Izany hoe ny miraviravy tanana dia ilazana ny olona midonanam-poana tsy mety miasa. Izany dia mba hanantitranterana fa Andriamanitra dia nametraka fa ny olona izay tsy miasa dia tsy mihinana, ary ny olona miasa sy mazoto tsara dia vao mainka ampitomboin'Andriamanitra ny fitahiana azy.

Izay ny mikasika ny fanovana anarana izay naneho fananarana ho an'ny olona ny mba hahazana mitondra tena hatrany eo amin'ny fiainana.

3.3.2. Ny filalaovana amin'ny “synecdoque”

Ny “synecdoque” dia *zanan-tsarin-teny ao amin'ny fanovana anarana. Amin'ny “synecdoque” dia zavatra roa mifampiankina no mifanolo toerana, ka ny ampahany ao amin'ilay zavatra resahina no entina milaza ny manontolo, na ny manontolo no entina milaza*

¹²⁷ P.GUIRAUD- P. KUENTZ, Op.cit, p.316 : « il existe une relation étroite entre la structure linguistique et la structure littéraire »

ny ampahany¹²⁸.Nanaho ny asa sorany amin'ny alalan'izany sarin-teny izany ihany koa ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany. Ary izany dia anisany fitaovana entiny manabe ny olona, entiny mandresy lahatra ny olona ihany koa. Mikasika izay indray no hodinihina eto

Anisany mampiavaka an'i Solomona tokoa ny filalaovana amin'ny “synecdoque” ao amin'ny asa sorany. Ary amin'ny ankapobeny dia saika ny singa amin'ny faritry ny vatana no entiny milaza ny olona manontolo. Ary ilay fitaovana ilaina ampiasaina amin'ilay hetsika no entina milaza ilay hetsika iray manontolo. Ny hojerena voalohany eto dia ny mikasika ny fiteny. Ny vava no entina manambara ilay teny. Manaporofy izany ity manaraka ity:

Loharanon'aina ny vavan'ny marina; fa loza no mandrakotra ny vavan'ny ratsy fanahy.
Ohab 10:11.

Ahitana “synecdoque” eto ka misy zavatra roa mifanolo toerana, ny ampahany eto no entina milaza ny manontolo. Izany hoe ny vava izay singa na fitaovana entina mamoka ny teny no entina ilazana ny teny iray manontolo izay lazain'ny olona. Izany hoe azo atao ny maneho azy hoe: *Loharanon'aina ny tenin'ny marina; fa loza no mandrakotra ny tenin'ny ratsy fanahy*. Fa mba hampisy endrika kokoa ilay asa soratra no nanaovana izay.

Eo anatrehan'izany; Solomona dia nanome toerana lehibe ny mikasika ny fitenin'ny olona ato amin'ny asa sorany. Porofon'izany ny fanehoany ny resaka fiteny amin'ny alalan'ireo sarin-teny maro. Nasehony izany tamin'ny alalan'ny fahezanteny mifamaly rafitra, ny fanovana endri-javatra, ny fanoharana, ary mbola nasehony ihany koa aty amin'ny sarin-teny hafa sisa. Amin'ny ankapobeny, ny “synecdoque” hita ato amin'ny ohabolana dia saika miresaka fiteny avokoa. Indro atolotra manaraka eto ireo santionany vitsivitsy miaraka amin'ny fanazavana azy:

Manambara izany ihany koa no hita eto, ny molotra izay singa eo amin'ny vatana no entina milaza ny teny ataon'ny manan-tsaina. Azo atao izany ny maneho io andininy io hoe: *Amin'ny tenin'ny manan-tsaina no ahitam-pahendrena*; fa tsora-kazo no ho amin'ny lamosin'ny tsy ampy saina. Fa izany no natao kosa anefa dia mba hampisy endrika manokana ilay andininy. Toy izao izany:

¹²⁸ Ny zava-kanto vita amin'ny teny, Siméon RAJAONA, tak. 117

Amin'ny molotry ny manan-tsaina no ahitam-pahendrena; fa tsora-kazo no ho amin'ny lamosin'ny tsy ampy saina. Ohab 10:13.

Ny vavan'ny adala indray eto ambany no entina maneho ny tenany iray manontolo sy maneho ny teniny. Izany dia mba hanehoana fa ny olon-kendry dia mitazona tsiambaratelo ary tsy miteny izy raha mety hanakorontana ny fiaraha-monina ny zavatra henony. Fa ny adala kosa dia teneniny avokoa izay rehetra hitany ary miteraka korontana na tsy fifanarahana. Ny tiana holazaina amin'izany dia hoe: mieritrereta tsara, ary aza miteny betsaka, fa izany no mahatonga ny filaminana eo anivon'ny fiaraha-monina. Araka ilay ohabolan'ny ntaolo manao hoe “*avadika impito aloha ny lela vao miteny.*”

Ny hendry mirakitra fahalalana; fa ny vavan'ny adala eo akaikin'ny fandranganana Ohab 10:14.

Eto indray dia ny lela izay singa iray eo amin'ny vatan'ny olona no entina milaza ilay olona manontolo. Izany hoe ny olona mpandainga dia omena sazy. Fa ny olona milaza ny marina kosa dia ahitana zavatra tsara azo araraotina ny zavatra izay lazainy.

Eo amin'ny vavan'ny marina no itsimohan'ny fahendrena; fa ny lela fandainga hofongorana. Ohab 10:31.

Mbola “*synecdoque*” tahaka ny teo ihany no hita eto. Izany hoe ny molotra sy ny vava eto dia singa iray entina milaza ny teny lazainy. Izany dia mba hanehoana fa ny teny izay lazain'ny olo-marina dia mitondra soa ho an'izay mihaino azy mandrakariva. Fa ny ratsy fanahy kosa dia miteny zavatra ratsy, satria tsy ao anatin'ny fony ny fitiavana an'Andriamanitra. Noho izany, rehefa tsy ao anatin'ny fo Andriamanitra, dia tsy afaka hiteny fankasitrahana ny ratsy fanahy.

Ny molotry ny marina mahalala izay ankasitrahana; fa ny vavan'ny ratsy fanahy dia feno fitaka. Ohab 10:32.

Ny teny aloakan'ny vavan'ny marina no tiana haseho amin'ilay hoe ny vavan'ny marina. Izany hoe ny teny izay lazainy dia mitondra soa ho an'ny tenany, fa ny tenin'ny ratsy fanahy kosa dia mety hisampotina any aminy ka mety hiteraka vono olona mihitsy.

Ny tenin'ny ratsy fanahy dia otrika hoenti-mandatsa-dra; fa ny vavan'ny marina hamonjy azy Ohab 12:6.

Ny molotra sy ny lela eto dia mbola teny entina milaza ny teny avoakan'ny olona. Izany hoe maharitra mandrakizay ny tenin'ny fahamarinana satria tsy takatry ny saina ny fototra iorenany. Fa ny lainga sy ny zavatra diso dia tsy ho ela dia ho fantatra. Na dia toa azo inoana aza izy, dia tsy hoe marina akory fa noho ny fandraisana azy ho toy ny marina fotsiny.

Ny molotra marina ampitoerina ho mandrakizay; fa ny lela mandainga dia indray mipi-maso monja. Ohab 12:19.

Mbola “synecdoque” ihany no hita eto. Ny vava no entina milaza ny teny izay avoakany. Ny tiana hambara amin'io andininy io moa dia mikasika ny fifehezana ny lela. Ny fifehezana ny lela dia vitsy mpanatanteraka, nefa izany dia tena ilaina. Ireo izay tsy mifehy ny teny lazainy dia miteny izay zavatra rehetra tonga ao am-bavany, ary mitsara sy maneho ny heviny amin'izay rehetra miseho. Andriamanitra dia manome antsika maso roa mba hahafahantsika mijery tsara, ary sofina roa mba hahafahana mihaino bebe kokoa. Fa lela iray ihany nefa mbola voahidy ao anatin'ireo nify mba hilazana, fa tokony hihaino tsara kokoa isika ary hijery tsara kokoa fa ho vitsy teny.

Izay mahambim-bava no miaro ny ainy; fa izay vavana dia haringana Ohab 13:3

Ny sofina indray eto no entina maneho ny olona iray. Izany hoe ny olona izay mihaino anatra na mandray anatra am-pakasitrahana ary mankato izany dia olon-kendry.

Ny sofina izay mihaino anatra mahavelona dia miara-mitoetra amin'ny hendry. Ohab 15:31

Ny loha eto no entina manambara ny olona iray manontolo mba hanehoana fa miankina amin'ny zavatra ao an-dohan'ny tsirairay sy ny zavatra ataony no hitahian'Andriamanitra azy. Ny tiana holazaina amin'izany :vavan'ny ratsy fanahy izany eto araka izay dia ny teny aloakan'ny vavan'ny ratsy fanahy dia izay ratsy ao an-dohany ihany ka izany indrindra no mety hampidi-doza azy.

Izay tsy mamoaaka ny variny dia ozonin'ny olona; fa saotra no ho amin'ny lohan'izay mivarotra. Ohab 11:26.

Ny loha eto no entina milaza ny olona iray manontolo satria ao amin'ny loha ao no misy ny saina izay mibaiko ny asa atao rehetra. Koa raha tsy mamoaaka ny vokany amin'ny fotoana tokony hamoahana azy ny olona iray, dia efa mieritreritra ny hamoaka ny variny any aoriana izy ary amin'izay fotoana izay dia hamidiny amin'izay vidiny hitiavany azy ary mety ho lafo. Eo anatrehan'izay indrindra dia mety hanozona azy ireo mahantra ary raha tsy mibebaka izy dia mety hiharan'ny ozona avy amin'Andriamanitra ihany koa. Ary io ozona io no mety handany tsikelikely ny fananany, ary ny fananany ihany koa dia ho very mandrakizay.

Fitahiana no ho ao amin'ny lohan'ny marina; fa loza no mandrakotra ny vavan'ny ratsy fanahy Ohab 10:6.

Ny tiana holazaina amin'ilay hoe ny molotra mibedibedy foana dia olona be resaka, mitabataba foana, izay takatry ny vavany dia lazainy avokoa. Araka izany raha miasa ny olona iray eo amin'ny asany dia mahazo tombotsoa avy amin'izany izy. Raha mamboly ny taniny izy dia hisy tombotsoa azony. Ary ao amin'ny ampahan'ny asany dia avy ao no hahazoany valiny fa izay be resaka dia kely ny asa ataony ary ny olona vavana dia foana indray ny kely efa ananany. Izany hoe asa fa tsy kabary hoy ny Ntaolo. Miteny vitsy fa miasa bebe kokoa.

Ny fiasarana rehetra misy valiny avokoa; fa ny molotra mibedibedy foana tsy mba ahazoana na inona na inona Ohab 14:23.

Azo lazaina ho maro tokoa ireo “synecdoque” nampiasain'ny mpanoratra. Izany anefa amin'ny ankapobeny dia saika miresaka momba ny fiteny avokoa.

FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO

Ny fanovan-javatra mandoko ny fanabeazana ao amin'ny ohabolana no novelabelarina tao amin'ity fizarana fahatelo ity. Ny antony nisafidianana azy ireo dia noho ny fahitana ny fanovan-javatra maneho an-kolaka izany ao amin'ny vondrona ambara. Natomboka tamin'ny fanovana endri-javatra maneho ny toetran'ny olombelona izany, izay ahitana ny fomba fiteniny, tao anatin'izany no nisintonana ny tokony hotenenina sy ny fiteny eo anatrehan'ny olona iresahana. Manampy izay ny fanehoana ny toetran'ny olombelona sy ny toetran'Andriamanitra izay mifanohitra hatrany, tamin'ny alalan'ny fanovana endri-javatra ihany. Izany dia nahitana hevitra notakarina mifono toro hevitra sy fananarana mba hanao ny tsara, fa izany no ankasitahan'Andriamanitra. Fanentanana hahay mifandray amin'ny mpiarabelona izany, sady fanabeazana ny olona mba ho Hendry sy handinika tsara ny tokony hatao.

Taorian'izany dia nojerena ny fomba filazan-javatra ijoroan'ireo ohabolana. Ny sarinteny nisongadina dia ny fanoharana. Ny toetra ratsin'ny olombelona no tena nisongadina tao anatin'izany. Ho fanabeazana ny olombelona hiala amin'izany toetra izany no votoatiny, izay naseho mandrakariva amin'ny fanoharana.

Tamin'ny farany dia nojerena ny fanabeazana hita ao amin'ny ohabolana ka ny sarinteny hita tamin'ny fanehoana izany dia ny fanovana anarana sy ny “Synecdoque”. Ny ventinkevitra nasehony dia ny fananarana ny olona mba hanao ny tsara mandrakariva; na eo amin'ny lafiny fiteny izany na eo amin'ny lafiny fitondran-tena.

TENY FAMARANANA

TENY FAMARANANA

Manoloana ny mahazava-dehibe ny teny eo amin'ny famoronana zava-kanto vita amin'ny teny, dia nifototra tamin'ny fandinihana ny fomba filazan-javatra tao amin'ny ohabolana ao amin'ny Baiboly ity fikarohana ity. Nikendry ny hanadihady ny mampiavaka ny ohabolana eo amin'ny lafiny fomba filazan-javatra ny fikasanay tany am-piandohana, saingy noho ny fahatsapana fa midadasika loatra izany sehatra izany, dia tsy maintsy noferana ho araka izay hita ao amin'ny tena vovoatin'ny ohabolana; dia ny ohabolana 10-29 ihany aloha ity fanadihadiana ity.

Fizarana telo lehibe miavaka tsara no nanatontosana azy. Ny fizarana voalohany no namahavahana ny jery faobe mahakasika ny ohabolana ao amin'ny Baiboly. Ny fahalalana azo notsoahina tamin'izany dia ny fahafantarana ny mombamomba ny Baiboly amin'ny ankapobeny. Anisany voaresaka tao anatin'izany ny mikasika ny bokin'ny ohabolana sy ny fanabeazana hita sy azo avy amin'izany ohabolana izany.

Ny fizarana faharoa indray dia hojerena ny fomba filazan-javatra nenti-nanangana ny ohabolana. Ny sarin-teny tena niasa tao dia ny fehezanteny mifamaly rafitra. Dia ny fehezanteny mifamaly rafitra maneho ny fanabeazana ara-batana sy ara-panahy ary ara-tsaina. Nofidina manokana haneho ny fanabeazana sahaza ny olona amin'izao fotoana izao izany.

Tao amin'ny fizarana fahatelo farany dia ny fandalinana ny fanovan-javatra nampiasain'i Solomona no nifotorana ka nezahina novahavahana tamin'izany ny fanovana endri-javatra mba hanehoana ny toetran'ny olombelona. Manaraka izany dia naseho tao ihany koa ny sarin-teny fanoharana sy fanovana anarana ary “synécdoque”. Izany no natao, dia ny mba hisintonana ny fahalianan'ny mpamaky ka handraisany ny fanabeazana sahaza azy ao anatin'izany.

Tamin'ny fandinihanay ny lohateny hoe: “Ny fomba filazan-javatra sy ny fanabeazana ao amin'ny ohabolana nosoratan'i Solomona ao amin'ny Baiboly” dia nahazoana ireto vokatra manaraka ireto: Ny ohabolana sy ny fanabeazana dia mifamatotra hatrany, amin'ny mahatenim-pahendrena azy, eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona. Fantatra ihany koa fa ny ohabolana dia zava-kanto vita amin'ny teny mba ho fananarana ireo izay mamaky sy mihaino azy. Ny ohabolana ihany koa dia anisan'ny fitaovana iray manan-danja eo amin'ny fitaizana ny ankizy, indrindra fa ho an'ny kristianina. Manana ny mahaizy azy ny ohabolana raha tarafina amin'ny fomba filazan-javatra tao amin'ny votoatin'ny ohabolana. Na ny fomba nananganana azy, na ny tara-kevitra novoizina dia nahafahana nisintona fa nanabe, nampianatra ary nanoro hevitra ny amin'ny hitondrana ny fiainana. Ary nampitodika ny olona hanara-dia an'Andriamanitra mandrakariva.

TOVANA NY AKORA IASANA

Amin'ny asa fikarohana toy itony dia tsy maintsy misy ny akora iasana na ny vondrona ambara. koa indro atolotra antsika eto izany mba hahafahana manjohy ny hevitra rehetra voalaza. Marihina moa fa nadika avy tao amin'ny Baiboly dikan-teny protestanta tamin'ny 1965 izy ity ary naseho misesy araka ny toko sy andininy.

OHABOLANA 10 -29

OHABOLANA 10

{Ohabolana samy hafa ny amin'ny tsi-fitovian'ny toetry ny Hendry sy ny adala, mbamin'ny valin'ny ataony avy.}

Ohab 10:1. Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy; fa ny zanaka adala mampalahelo ny reniny.

Ohab 10:2. Ny harena azo amin'ny tsy marina dia tsy mahasoana na inona na inona; fa ny fahamarinana no mamonjy amin'ny fahafatesana.

Ohab 10:3. Tsy avelan'i Jehovah ho mosarena ny fanahin'ny marina; fa foanany ny fanirian'ny ratsy fanahy.

Ohab 10:4. Ho tonga malahelo ny miraviravy tanana amin'ny asany; fa mampanan-karena ny tanan'ny mazoto.

Ohab 10:5. Izay manangona amin'ny fararano no zanaka hendry; fa izay sondrian-tory amin'ny taom-pijinjana no zanaka mampahamenatra.

Ohab 10:6. Fintahiana no ho ao amin'ny lohan'ny marina; fa loza no mandrakotra ny vavan'ny ratsy fanahy.

Ohab 10:7. Hankasitrahana ny fahatsiarovana ny marina; fa ho lo ny anaran'ny ratsy fanahy.

Ohab 10:8. Izay hendry am-po no handray ny didy; fa ho lavo ny adala maro vava.

Ohab 10:9. Izay mandeha tsy misy tsiny no mandeha matoky; fa izay maniasia amin'ny alehany dia fantatra.

Ohab 10:10. Izay mami-maso manome alahelo; fa ho lavo ny adala maro vava.

Ohab 10:11. Loharanon'aina ny vavan'ny marina; fa loza no mandrakotra ny vavan'ny ratsy fanahy.

Ohab 10:12. Ny fankahalana dia manetsika ady; fa ny fitiavana manarona ny ota rehetra.

Ohab 10:13. Amin'ny molotry ny manan-tsaina no ahitam-pahendrena; fa tsora-kazo no ho amin'ny lamosin'ny tsy ampy saina.

Ohab 10:14. Ny hendry mirakitra fahalalana; fa ny vavan'ny adala eo akaikin'ny fandranganana.

Ohab 10:15. Ny haren'ny manan-karena no vohiny mafy; fa ny tsy fananan'ny ory no fandranganana azy.

Ohab 10:16. Ho fiainana ny asan'ny marina; fa ho ota ny fitomboan'ny haren'ny ratsy fanahy.

Ohab 10:17. Izay mino anatra dia ho tonga eo amin'ny lalan'ny fiainana; fa mivily izay manda anatra.

Ohab 10:18. Izay mitahiry lolompo dia manana molotra mandainga, ary izay mampiele endrikendrika dia adala.

Ohab 10:19. Ny teny maro tsy ilaozan'izay ota; fa izay mahatana ny molony no hendry.

Ohab 10:20. Volafotsy voafantina ny lalan'ny marina; fa ny fon'ny ratsy fanahy tsy misy vidiny.

Ohab 10:21. Ny molotry ny marina mamelona ny maro; fa maty ny adala noho ny tsy fananany fahalalana.

Ohab 10:22. Ny fitahian'i Jehovah no mampanankarena, ary tsy azon'ny fiasarana ampiana izany.

Ohab 10:23. Toa laolaon'ny adala ny fanaovan-dratsy fa raha ny manan-tsaina, dia fahendrena kosa.

Ohab 10:24. Ny tahotry ny ratsy fanahy hihatra aminy; fa ny irin'ny marina no homena azy.

Ohab 10:25. Rehefa mipaoka ny tafio-drivotra, dia tsy ao intsony ny ratsy fanahy; fa ny marina voaorina ho mandrakizay.

Ohab 10:26. Toy ny vinaingitra amin'ny nify sy ny setroka amin'ny maso. Dia mba toy izany koa ny malaina amin'izay maniraka azy.

Ohab 10:27. Ny fahatahorana an'i Jehovah no mahela velona; fa ny taonan'ny ratsy fanahy hohafomezina.

Ohab 10:28. Ny fanantenan'ny marina dia fifaliana; Fa ny fanantenan'ny ratsy fanahy ho foana.

Ohab 10:29. Ny lalan'i Jehovah dia fiarovana mafy ho an'izay tsy misy tsiny, fa fandranganana kosa ho an'ny mpanao ratsy.

Ohab 10:30. Ny marina tsy hangozohozo mandrakizay; fa ny ratsy fanahy tsy honina amin'ny tany.

Ohab 10:31. Eo amin'ny vavan'ny marina no itsimohan'ny fahendrena; fa ny lela fandainga hofongorana.

Ohab 10:32. Ny molotry ny marina mahalala izay ankasitrahana; fa ny vavan'ny ratsy fanahy dia feno fitaka.

OHABOLANA 11

Ohab 11:1. Ny mizana mandainga dia fahavetavetana eo imason'i Jehovah; fa ny vato marina no ankasitrahany.

Ohab 11:2. Raha tonga ny fiavonavonana, dia tonga koa ny fahafaham-baraka; fa ao amin'ny manetry tena no misy fahendrena.

Ohab 11:3. Ny fahitsian'ny mahitsy no mitarika azy; fa ny faharatsian'ny mpivadika mahatonga fandranganana amin'ny tenany.

Ohab 11:4. Ny harena dia tsy mahaso amin'ny andro fahatezerana; fa ny fahamarinana no mamonjy tsy ho azon'ny fahafatesana.

Ohab 11:5. Ny fahamarinan'ny marina mandamina ny alehany; fa ny ratsy fanahy lavon'ny haratsiany ihany.

Ohab 11:6. Ny fahamarinan'ny mahitsy mamonjy azy; fa ny mpivadika dia voafandriky ny filany.

Ohab 11:7. Raha maty ny ratsy fanahy, dia foana ny fanantenany, eny, foana ny fanantenan'ny mpanao ratsy.

Ohab 11:8. Ny marina dia vonjena amin'ny fahoriana; fa ho avy kosa ny ratsy fanahy hisolo azy.

Ohab 11:9. Ny vavan'ny mpihatsaravelatsihy no animbany ny namany; fa ny fahalalana no hanafahana ny marina.

Ohab 11:10. Raha miadana ny marina, dia ravoravo ny tanàna; fa raha ringana ny ratsy fanahy, dia velona ny hoby.

Ohab 11:11. Ny fisaoran'ny marina no isandratan'ny tanàna; fa ny vavan'ny ratsy fanahy no aharavany.

Ohab 11:12. Tsy ampy saina izay manamavo ny namany; fa izay hendry dia mangina.

Ohab 11:13. Izay mandehandeha manaratsy dia manambara ny hevitra afenina; fa ny olona mahatoky tsy mba tia lazalaza.

Ohab 11:14. Raha tsy misy mpitondra, dia rava ny firenena; fa handry fahizay, raha maro ny mpanolotsaina.

Ohab 11:15. Hahita loza tokoa ny mianto-bahiny: fa mitoetra tsy manana ahiahy ny tsy tia antoka.

Ohab 11:16. Ny vehivavy tsara tarehy mahazo dera; ary ny mpanao an-keriny mahazo harena.

Ohab 11:17. Ny olona mamindra fo dia mahazo soa ho an'ny tenany; fa ny lozabe dia todin'ny halozany.

Ohab 11:18. Ny ratsy fanahy dia mahazo valiny tsy mahaso; fa izay mamafy fahamarinana no mahazo izay tena tambiny tokoa.

Ohab 11:19. Ny tena fahamarinana dia mamantana any amin'ny fiainana; fa izay fatra-panaraka ny ratsy dia iharan'ny fahafatesana.

Ohab 11:20. Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny meloka am-po; fa ankasitrahany kosa izay mandeha tsy misy tsiny.

Ohab 11:21. Azo itompoana tokoa fa tsy maintsy hampijalina ny ratsy fanahy; fa ny taranaky ny marina no hovanjena.

Ohab 11:22. Toy ny kavim-bolamena eo amin'ny oron-kisoa ny vehivavy tsara tarehy tsy manam-pahendrena.

Ohab 11:23. Ny soa ihany no irin'ny marina; fa fahatezerana no fanantenan'ny ratsy fanahy.

Ohab 11:24. Misy mahafoy, nefa mitombo fananana ihany; ary misy fatra-pahihitra loatra, nefa tonga malahelo ihany.

Ohab 11:25. Izay manisy soa olona hohatavezina; ary izay mandena dia mba holemana kosa.

Ohab 11:26. Izay tsy mamoaka ny variny dia ozonin'ny olona; fa saotra no ho amin'ny lohan'izay mivarotra.

Ohab 11:27. Izay fatra-pikatsaka ny tsara no mitady ny mahafinaritra; fa izay mitady ny ratsy dia hiharan'izany.

Ohab 11:28. Izay matoky ny haren'ny dia ho lavo; fa ny marina ho tahaka ny ravina maitso.

Ohab 11:29. Izay mampidi-doza amin'ny ankohonany dia mandova ny rivotra; ary ny adala dia tonga mpanompon'ny hendry.

Ohab 11:30. Ny vokatry ny marina dia hazon'aina, ary ny hendry dia mahataona olona.

Ohab 11:31. Indro, ny marina aza dia valiana ety an-tany, koa mainka fa ny ratsy fanahy sy ny mpanota!

OHABOLANA 12

Ohab 12:1. Izay tia fananarana no tia fahalalana; fa izay manda anatra dia biby.

Ohab 12:2. Ny tsara fanahy mahazo sitraka amin'i Jehovah; fa ny mamoron-tsain-dratsy hohelohiny.

Ohab 12:3. Tsy mahatafatoetra ny olona ny haratsiana; fa ny fakan'ny marina tsy mba hihetsika.

Ohab 12:4. Ny vehivavy tsara dia satroboninahitry ny lahy; fa ny vehivavy manao izay mahamenatra kosa dia tahaka ny lo ao anatin'ny taolana.

Ohab 12:5. Rariny ny hevitra ny marina; fa fitaka ny fisainan'ny ratsy fanahy.

Ohab 12:6. Ny tenin'ny ratsy fanahy dia otrika hoenti-mandatsa-dra; fa ny vavan'ny marina hamonjy azy.

Ohab 12:7. Haringana ny ratsy fanahy ka tsy ho ao intsony; fa ny mpianakavin'ny marina haharitra.

Ohab 12:8. Araka ny fahendren'ny olona no hiderana azy; fa izay meloka am-po dia hatao tsinontsinona.

Ohab 12:9. Aleo ambany toetra, nefa manana mpanompo iray, toy izay mihambo ho be voninahitra, nefa tsy manan-kohanina akory.

Ohab 12:10. Ny marina mitsimbina ny ain'ny bibiny; fa fahasiahana kosa no famindrampon'ny ratsy fanahy.

Ohab 12:11. Izay miasa ny taniny dia ho voky hanina; fa izay manaraka ny olom-poana dia tsy ampy saina.

Ohab 12:12. Ny mpanota maniry ny hazan'ny ratsy fanahy; fa ny fakan'ny marina mitrebona.

Ohab 12:13. Amin'ny fahotan'ny molotra dia misy fandrika ahitan-doza; fa ny marina ho afaka amin'ny fahoriana.

Ohab 12:14. Ny vokatry ny vavan'ny olona no mahavoky soa azy, ary ny asan'ny tanany hitsingerina aminy.

Ohab 12:15. Ny lalan'ny adala dia mahitsy eo imasony; fa izay mino anatra no hendry.

Ohab 12:16. Ny fahasoran'ny adala dia fantatra miaraka amin'izay; fa izay mahatsindry fo amin'ny fanalam-baraka no hendry.

Ohab 12:17. Izay olona mahatoky dia manambara ny rariny; fa ny vavolombelona mandainga kosa miteny fitaka.

Ohab 12:18. Misy mandefalefa teny tsy tsaroana ka tonga toy ny fanindron'ny sabatra; fa ny lelan'ny marina dia fanasitranana kosa.

Ohab 12:19. Ny molotra marina ampitoerina ho mandrakizay; fa ny lela mandainga dia indray mipi-maso monja.

Ohab 12:20. Fitaka no ao am-pon'izay mamoron-tsain-dratsy; fa hafaliana no amin'izay misaina fiadanana.

Ohab 12:21. Tsy misy ratsy manjo ny marina; fa heni-doza ny ratsy fanahy.

Ohab 12:22. Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny molotra mandainga; fa izay olona mahatoky no ankasitrahany.

Ohab 12:23. Ny olon-kendry tsy mba mampideradera fahalalana foana; fa ny fon' ny adala mamoa fahadalana.

Ohab 12:24. Ny tanan'ny mazoto no hanapaka; fa izay miraviravy tanana dia hampanompoina.

Ohab 12:25. Ny alahelo ao am-pon'ny olona dia mampitanondrika azy; fa ny teny soa no mahafaly azy.

Ohab 12:26. Ny marina dia mitari-dalana ny namany; fa ny alehan'ny ratsy fanahy kosa no mampivily azy.

Ohab 12:27. Ny kamo tsy mety mihaza; fa fananana soa ho an'ny olona ny zoto.

Ohab 12:28. Amin'ny lalan'ny fahamarinana no misy fiainana, ary ny tsy fahafatesana no lalan-kalehany.

OHABOLANA 13

Ohab 13:1. Ny zanaka hendry mihaino ny fananaran-drainy; fa ny mpaniratsira tsy mety mihaino, na dia anarina mafy aza.

Ohab 13:2. Ny vokatry ny vavan'ny olona no ahazoany soa; fa ny hampidi-doza no mahafaly ny mpivadika.

Ohab 13:3. Izay mahambim-bava no miaro ny ainy; fa izay vavana dia haringana.

Ohab 13:4. Ny fanahin'ny kamo maniry, fa tsy mba mahazo; fa ny fanahin'ny mazoto hohatavezina.

Ohab 13:5. Ny lainga dia halan'ny marina; fa ny ratsy fanahy manao izay maharikoriko sy mahamenatra.

Ohab 13:6. Ny fahamarinana miaro izay mandeha tsy misy tsiny; fa ny haratsiana mamotraka ny mpanota.

Ohab 13:7. Misy mihambo ho manan-karena, nefa tsy manana na inona na inona; misy kosa mody malahelo, nefa manana harena be.

Ohab 13:8. Ny haren'ny olona dia avotry ny ainy; fa ny levilevy tsy mampiraika ny malahelo akory.

Ohab 13:9. Ny fahazavan'ny marina dia tsara firehitra; fa ny jiron'ny ratsy fanahy ho faty.

Ohab 13:10. Fifandirana ihany no vokatry ny fiavonavonana; fa ao amin'ny mino anatra no misy fahendrena.

Ohab 13:11. Ny harena azoazo foana dia mihena lalandava; fa izay mahavatra mitsimpona no mampitombo.

Ohab 13:12. Ny fanantenana tsy azo vetivety dia mankarary am-bavafo; fa hazon'aina ny faniriana tanteraka.

Ohab 13:13. Izay manamavo ny teny ho voasingony; fa izay matahotra ny didy no hahazo valim-pitia.

Ohab 13:14. Ny fampianaran'ny hendry dia loharanon'aina ka mampivily tsy ho ao amin'ny fandriky ny fahafatesana.

Ohab 13:15. Ny fahendrena tsara dia ahazoam-pitia; fa sarotra ny lalan'ny mpivadika.

Ohab 13:16. Ny mahira-tsaina, rehetra miasa amin'ny fahalalana; fa ny adala kosa mampiseho hadalana.

Ohab 13:17. Ny iraka ratsy fanahy idiran-doza; fa ny iraka mahatoky dia famelombelomana.

Ohab 13:18. Fahalahelovana sy henatra no ho an'izay manda famaizana; fa izay manaiky anatra no homem-boninahitra.

Ohab 13:19. Mamin'ny fo ny faniriana tanteraka; fa fahavetavetana eo imason'ny adala ny hiala amin'ny ratsy.

Ohab 13:20. Izay miara-dia amin'ny hendry dia ho hendry; fa izay misakaiza amin'ny adala dia hidiran-doza.

Ohab 13:21. Ny mpanota dia enjehin'ny loza: fa hovalian-tsoa ny marina.

Ohab 13:22. Ny tsara fanahy mahenina lova ny zafiny; fa ny haren'ny mpanota kosa voatahiry ho an'ny marina.

Ohab 13:23. Ny tanin'ny malahelo izay voasa dia ahazoana hanina be; fa maro no ringana noho ny fanaovany izay tsy rariny.

Ohab 13:24. Izay mitsitsy ny tsorakazonny dia tsy tia ny zanany; fa izay tia zanaka dia manafay azy, raha mbola kely.

Ohab 13:25. Ny marina mihinana ka voky tsara; fa noana ny kibon'ny ratsy fanahy.

OHABOLANA 14

Ohab 14:1. Ny vehivavy hendry dia samy manao ny tranony; fa ny adala kosa mandrava ny tranony amin'ny tanany.

Ohab 14:2. Mandeha mahitsy izay matahotra an'i Jehovah; fa mivily lalana kosa izay maniratsira Azy.

Ohab 14:3. Eo am-bavan'ny adala misy tsora-kazon'ny fiavonavonana; fa ny molotry ny hendry miaro ny tenany.

Ohab 14:4. Raha tsy misy omby, dia foana ny fihinanam-bilona; fa be ny fitomboan-karena azo amin'ny herin'ny omby.

Ohab 14:5. Ny vavolombelona mahatoky tsy mba mety mandainga; fa mamoaka lainga kosa ny vavolombelona tsy mahatoky.

Ohab 14:6. Ny mpaniratsira mba mitady fahendrena, fa tsy mahita; fa ny manan-tsaina mora mahazo fahalalana.

Ohab 14:7. Mialà eo anatrehan'ny olona adala, fa tsy ho hitanao aminy ny molotry ny fahalalana.

Ohab 14:8. Ny mitandrina ny alehany no fahendren'ny mahira-tsaina; fa fitaka ny hadalan'ny adala.

Ohab 14:9. Ny adala ihomehezan'ny fanati-panonerana; fa ao amin'ny marina no misy fankasitrahana.

Ohab 14:10. Ny fo no mahalala ny fangidian'ny alahelony; ary tsy raharahan'ny olon-kafa ny hafaliany.

Ohab 14:11. Ravana ny tranon'ny ratsy fanahy; fa ambinina ny lain'ny marina.

Ohab 14:12. Misy lalana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany.

Ohab 14:13. Na dia mihomehy aza, dia ory ihany ny fo, ary ny faran'ny hafaliana dia alahelo.

Ohab 14:14. Ny mihemotra am-po dia ho voky ny alehany; fa ny tsara fanahy kosa ho voky ny azy ihany.

Ohab 14:15. Ny kely saina mino ny teny rehetra; fa ny mahira-tsaina mandinika ny diany.

Ohab 14:16. Ny hendry matahotra ka mivily tsy ho amin'ny ratsy; fa ny adala fatra-pirehareha ka matokitoky foana.

Ohab 14:17. Izay malaky tezitra dia manao adaladala; ary ny olona mamoron-tsain-dratsy dia ankahalaina.

Ohab 14:18. Ny kely saina dia handova fahadalana; fa ny mahira-tsaina mahazo ny fahalalana ho satroboninahiny.

Ohab 14:19. Ny ratsy fanahy miondrika eo anatrehan'ny tsara fanahy, ary ny meloka dia eo am-bavahadin'ny marina.

Ohab 14:20. Ny malahelo dia halan'ny havany aza; fa ny manan-karena no tian'ny maro.

Ohab 14:21. Izay manao tsinontsinona ny namany dia manota; fa endrey ny fahasambaran'izay mamindra fo amin'ny ory!

Ohab 14:22. Tsy mivily va izay manao asa ratsy? Fa famindrampo sy fahamarinana no ho an'izay manao asa tsara.

Ohab 14:23. Ny fiasarana rehetra misy valiny avokoa; fa ny molotra mibedibedy foana tsy mba ahazoana na inona na inona.

Ohab 14:24. Satroboninahitry ny hendry ny haren'y; fa ny fahadalan'ny adala dia fahadalana ihany.

Ohab 14:25. Ny vavolombelona marina mamonjy ain'olona; fa izay mamoka lainga dia tena fitaka.

Ohab 14:26. Ny fahatahorana an'i Jehovah dia fiarovana mahatoky, ary ny zanany hahazo fialofana.

Ohab 14:27. Ny fahatahorana an'i Jehovah no loharanon'aina, hanalavirana ny fandriky ny fahafatesana.

Ohab 14:28. Ny fahabetsahan'ny vahoaka no voninahitry ny mpanjaka; fa ny havitsiany kosa no fietreny.

Ohab 14:29. Be saina izay mahatsindry fo; fa ny malaky tezitra mampiseho ny fahadalany.

Ohab 14:30. Ny fo mionona no fiainan'ny nofo; fa ny fahamaimaizan-tsaina dia mahalo ny taolana.

Ohab 14:31. Izay mampahory ny mahantra dia manala baraka ny Mpanao azy; fa ny mamindra fo aminy kosa dia manome voninahitra Azy.

Ohab 14:32. Ny ratsy fanahy azera noho ny haratsiany; fa ny marina matoky, na dia mby ao amin'ny fahafatesana aza.

Ohab 14:33. Mandry tsara ao am-pon'ny manan-tsaina ny fahendrena; fa ny an'ny adala kosa dia miharihary.

Ohab 14:34. Ny fahamarinana manandratra ny firenena; fa ny ota kosa dia fahafaham-baraka amin'ny olona.

Ohab 14:35. Ny fankasitrahan'ny mpanjaka dia amin'ny mpanompo hendry; fa ny fahatezerany kosa amin'ny manao izay mahamenatra.

OHABOLANA 15

Ohab 15:1. Ny famaliana mora dia mampianina ny fahatezerana mafy; fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana.

Ohab 15:2. Ny lelan'ny hendry mampiseho fahalalana tsara; fa ny vavan'ny adala miboiboika fahadalana.

Ohab 15:3. Ny mason'i Jehovah amin'izao rehetra izao, mijery ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.

Ohab 15:4. Ny teny malemy dia hazon'aina; fa ny vava ratsy mandratra ny fanahy.

Ohab 15:5. Ny adala maniratsira ny famaizan-drainy; fa izay mitandrina ny fananarana no hita ho hendry.

Ohab 15:6. Ao an-tranon'ny marina misy harena be; fa ny fitomboan'ny haren'ny ratsy fanahy dia misy loza.

Ohab 15:7. Ny molotry ny hendry mampiely fahendrena; fa tsy mba toy izany ny fon'ny adala.

Ohab 15:8. Ny fanatitry ny ratsy fanahy dia fahavetavetana eo imason'i Jehovah; fa ny fivavaky ny marina no sitrany.

Ohab 15:9. Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny lalan'ny ratsy fanahy; fa izay fatrapanaraka ny fahamarinana no tiany.

Ohab 15:10. Famaizana mafy no hihatra amin'izay mivily lalana. Eny, izay mankahala anatra dia ho faty.

Ohab 15:11. Ny fiainantsihita sy ny fandranganana aza dia miharihary eo anatrehan'i Jehovah, koa mainka ny fon'ny zanak'olombelona!

Ohab 15:12. Tsy tian'ny mpaniratsira izay mananatra azy, ary tsy mety manatona ny hendry izy.

Ohab 15:13. Ny fo ravoravo mahamiramirana ny tarehy; fa ny alahelon'ny fo mahareraka ny fanahy.

Ohab 15:14. Ny fon'ny manan-tsaina mitady fahendrena; fa ny vavan'ny adala mankamamy ny fahadalana.

Ohab 15:15. Ratsy avokoa ny andron'ny ory; fa ny faharavoravoam-po dia fanasana mandrakariva.

Ohab 15:16. Aleo ny kely misy ny fahatahorana an'i Jehovah toy izay harena be misy ahiahy.

Ohab 15:17. Aleo sakafo anana ampian-tsetsetra toy izay omby mifahy asian-dromoromo.

Ohab 15:18. Izay malaky tezitra manetsika ady; fa izay mahatsindry fo mampitsahatra fifandirana.

Ohab 15:19. Ny lalan'ny malaina dia toy ny fefy tsilo fa ny lalamben'ny marina dia voalamina tsara.

Ohab 15:20. Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy; fa ny adala manao tsinontsinona andreniny.

Ohab 15:21. Ny fahadalana dia fifalian'ny tsy ampy saina; fa ny manan-tsaina kosa mizotra mahitsy.

Ohab 15:22. Ho foana ny fikasana, raha tsy misy mpisaina; fa raha maro ny mpanolo-tsaina, dia tanteraka izany.

Ohab 15:23. Faly ny olona, raha mahavaly tsara ny vavany, ary endrey ny hatsaran'ny teny atao amin'izay andro mahamety azy!

Ohab 15:24. Lalan'aina ho any ambony no alehan'ny hendry, hanalavirany ny fiainantsihita any ambany,

Ohab 15:25. ravan'i Jehovah ny tranon'ny mpiavonavona; fa ny faritanin'ny mpitondratena aoriny mafy.

Ohab 15:26. Fahavetavetana eo imason'i Jehovah ny hevi-dratsy; fa madio ny teny mahafinaritra.

Ohab 15:27. Izay fatra-pila harena dia mampidi-doza amin'ny ankohonany; fa izay mankahala kolikoly no ho velona.

Ohab 15:28. Ny fon'ny marina mihevitra vao mamaly; fa ny vavan'ny ratsy fanahy kosa miboiboika faharatsiana.

Ohab 15:29. Jehovah dia lavitra ny ratsy fanahy; fa ny fivavaky ny marina no henoiny.

Ohab 15:30. Ny tarehy miramirana mahafaly ny fo; ary ny filazan-tsoa mamelombelona ny taolana.

Ohab 15:31. Ny sofina izay mihaino anatra mahavelona dia miara-mitoetra amin'ny hendry.

Ohab 15:32. Izay manda anatra dia manary tena; fa izay mihaino ny fananarana no mahazo fahalalana.

Ohab 15:33. Ny fahatahorana an'i Jehovah dia fananarana mampahahendry; ary ny fanetren-tena mialona ny fisandratana.

OHABOLANA 16

Ohab 16:1. Ny fikasan'ny fo no amin'ny olona; fa ny famalian'ny lela dia avy amin'i Jehovah.

Ohab 16:2. Ataon'ny olona ho madio avokoa ny lalana rehetra alehany; fa Jehovah ihany no mpandanja ny fanahy.

Ohab 16:3. Ankino amin'i Jehovah ny asanao, dia ho lavorary izay kasainao.

Ohab 16:4. Ny zavatra rehetra nataon'i Jehovah dia samy misy antony avokoa; eny, ny ratsy fanahy koa aza dia nataony ho amin'ny andro hahitan-doza.

Ohab 16:5. Fahavetavetana eo imason'i Jehovah izay rehetra miavonavona am-po, azo itompoana tokoa fa tsy maintsy hampijalina izy.

Ohab 16:6. Ny famindrampo sy ny fahamarinana no avotra amin'ny heloka; ary ny fahatahorana an'i Jehovah no analavirana ny ratsy.

Ohab 16:7. Raha sitrak'i Jehovah ny alehan'ny olona, na dia ny fahavalony aza dia hampihavaniny aminy.

Ohab 16:8. Aleo ny kely omban'ny fahamarinana toy izay ny harem-bevava azo amin'ny tsy rariny.

Ohab 16:9. Ny fon'ny olona mihevitra tsara ny halehany; fa Jehovah ihany no mahalavorary ny diany.

Ohab 16:10. Ny teny marina dia eo amin'ny molotry ny mpanjaka, ary tsy diso teny izy, raha mitsara.

Ohab 16:11. An'i Jehovah ny fandanjana sy ny mizana marina, avy aminy avokoa ireo vato rehetra an-kitapo.

Ohab 16:12. Fahavetavetana eo imason'ny mpanjaka ny fanaovan-dratsy; fa fahamarinana no iorenan'ny sezafiandrianana.

Ohab 16:13. Sitraky ny mpanjaka ny molotra marina, ary izay miteny mahitsy no tiany.

Ohab 16:14. Ny fahatezeran'ny mpanjaka dia iraky ny fahafatesana. Fa ny olon-kendry mampionona izany.

Ohab 16:15. Amin'ny fahamiramiranan'ny tarehin'ny mpanjaka dia misy fiainana, ary ny fankasitrahany dia toy ny rahona amin'ny fararano.

Ohab 16:16. Tsara ny mahazo fahendrena noho ny volamena, ary tsara ny mahazo fahalalana noho ny volafotsy.

Ohab 16:17. Ny manalavitra ny ratsy no lalamben'ny marina, ary izay mitandrina ny alehany no miaro ny ainy.

Ohab 16:18. Ny fiavonavonana mialoha ny fahasimbana, ary ny fanahy mirehareha mialoha ny fahalavoana.

Ohab 16:19. Tsara ny malemy fanahy ao amin'izay manetry tena noho ny mizara babo amin'izay miavonavona.

Ohab 16:20. Izay mandinika ny teny no hahita soa; ary izay matoky an'i Jehovah no ho sambatra.

Ohab 16:21. Izay hendry am-po dia lazaina hoe manan-tsaina, ary ny hamamian'ny molotra mampandroso fahendrena.

Ohab 16:22. Loharanon'aina ny fahazavan-tsaina amin'izay manana izany; fa ny famaizana ataon'ny adala dia fahadalana ihany.

Ohab 16:23. Ny fon'ny hendry mahahendry ny vavany sady manampy fahendrena eo amin'ny molony.

Ohab 16:24. Toho-tantely ny teny mahafinaritra, ka sady mamin'ny fanahy no mahatsara ny taolana.

Ohab 16:25. Misy lalana ataon'ny olona ho mahitsy, kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany.

Ohab 16:26. Ny fahanoanan'ny mpiasa dia mampiasa azy, fa ny tendany no manesika azy.

Ohab 16:27. Ny ratsy fanahy mihady lavaka fanimbana, sady misy toy ny afo mahamay eo amin'ny molony.

Ohab 16:28. Ny mpivadibadika mamafy ady; ary ny mpibitsibitsika mampisaraka ny tena mpisakaiza.

Ohab 16:29. Ny lozabe mitaona ny namany ka mitarika azy amin'ny lalana tsy tsara.

Ohab 16:30. Izay manakimpy ny masonry hieritreritra ny ratsy sady manaikitraiki-molotra dia efa mikasa hanao ratsy.

Ohab 16:31. Satroboninahitra tsara tarehy ny volo fotsy, ao amin'ny lalan'ny fahamarinana no ahazoana azy.

Ohab 16:32. Tsara ny mahatsindry fo noho ny mahery, ary izay mahazaka ny fanahiny noho izay mahafa-bohitra.

Ohab 16:33. Ny filokana dia atsipy ao am-pofony; fa avy amin'i Jehovah ihany no isehoan'ny fitsarany.

OHABOLANA 17

Ohab 17:1. Tsara ny sombi-mofa maina misy fiadanana noho ny trano feno hena misy fifandirana.

Ohab 17:2. Ny mpanompo hendry dia hanapaka ny zanaka manao izay mahamenatra sady hizara lova amin'ny mpirahalaky.

Ohab 17:3. Ny memy ho an'ny volafotsy, ary ny fatana fandrendrehana ho an'ny volamena; fa i Jehovah ihany no Mpamantatra ny fo.

Ohab 17:4. Ny mpanao ratsy mampandry sofina amin'ny molotra mandainga; ary ny mpandainga mihaino ny lela mampidi-doza.

Ohab 17:5. Izay mihomehy ny malahelo manala baraka ny Mpanao azy; ary izay faly amin'ny fahorian'ny sasany dia tsy maintsy hampijalina.

Ohab 17:6. Satroboninahitry ny antitra ny zafiny; ary voninahitry ny zanaka ny rainy.

Ohab 17:7. Ny teny jadona tsy tandrifiny halahatry ny adala, koa mainka fa tsy tokony ho an'ny zanak'andriana ny molotra mandainga.

Ohab 17:8. Ny kolikoly dia toy ny vato soa eo imason'izay mahazo azy, ka na aiza na aiza alehany dia ambinina ihany.

Ohab 17:9. Izay te ho be fitiavana dia manaron-keloka; fa izay mamohafoha teny mampisaraka ny tena mpisakaiza.

Ohab 17:10. Ny anatra dia manan-kery kokoa amin'ny hendry noho ny kapoka injato amin'ny adala.

Ohab 17:11. Ny maditra dia fatra-pitady ny ratsy, ka dia iraka lozabe no irahina hamely azy.

Ohab 17:12. Aleo mifanena amin'ny bera very anaka toy izay amin'ny adala feno hadalana.

Ohab 17:13. Izay mamaly ratsy ny soa, ny ratsy tsy hiala ao an-tranony.

Ohab 17:14. Ny fiandohan'ny ady dia toy ny manata-drano, koa ilaozy ny fifandirana, dieny tsy mbola mifandramatra.

Ohab 17:15. Izay manamarina ny meloka, na izay manameloka ny marina, dia samy fahavetavetana eo imason'i Jehovah.

Ohab 17:16. Hatao inona re ity vola an-tanan'ny adala? Hamidy fahendrena va? - Tsy manan-tsaina izy.

Ohab 17:17. Izay tena sakaiza tokoa dia tia amin'ny andro rehetra, sady miseho ho rahalahy hamonjy amin'ny fahoriana.

Ohab 17:18. Olona tsy ampy saina izay mifandray tanana hiantoka eo anatrehan'ny sakaizany.

Ohab 17:19. Izay tia ady dia tia heloka; ary izay manao vavahady avo mitady fahasimbana.

Ohab 17:20. Izay madi-po tsy hahita soa; ary izay manana lela mandainga hivarina any amin'ny loza.

Ohab 17:21. Izay miteraka adala hahazo alahelo; ary ny rain' ny adala tsy ho faly.

Ohab 17:22. Ny fo ravoravo mahasalama tsara; fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana.

Ohab 17:23. Ny ratsy fanahy mandray kolikoly avy any anaty lamba hoentiny mamadika ny rariny.

Ohab 17:24. Eo anoloan'ny manan-tsaina ny fahendrena; fa ny mason'ny adala dia mibirioka any amin'ny faran'ny tany.

Ohab 17:25. Ny zanaka adala mampalahelo ny rainy sady fahoriana mangidy amin'ny reniny niteraka azy.

Ohab 17:26. Tsy mety raha mampijaly ny marina, na mamely ny manan-kaja noho ny fahamarinany.

Ohab 17:27. Izay mahafihim-bava no manam-pahalalana; ary izay mahatsindry fo no manan-tsaina.

Ohab 17:28. Na ny adala aza, raha tsy miteny, dia atao ho hendry, ary izay mahafihim-bava dia toa manan-tsaina.

OHABOLANA 18

Ohab 18:1. Izay mitokana ho azy dia mitady ny mahafinaritra ny tenany ihany, misafoaka manohitra izay hevitra mahasoa rehetra izy.

Ohab 18:2. Ny adala tsy mba finaritra amin'ny fahalalana, fa te haneho izay ao am-pony.

Ohab 18:3. Raha avy ny ratsy fanahy, dia avy ny fanamavoana; ary miaraka amin'ny fahafaham-baraka ny henatra.

Ohab 18:4. Rano lalina ny teny aloaky ny vavan'ny olona, ary rano miboiboika ny loharanon'ny Fahendrena.

Ohab 18:5. Tsy mety raha manohana ny ratsy fanahy handresy ny marina amin'ny fitsarana.

Ohab 18:6. Ny molotry ny adala manatona ny fifandirana, ary ny vavany mihantsy kapoka.

Ohab 18:7. Ny vavan'ny adala no fandringanana azy, ary ny molony ihany no fandriky ny fanahiny.

Ohab 18:8. Ny tenin'ny mpifosafosa dia toy ny hanim-py ka mikorotsaka ao anaty kibo indrindra.

Ohab 18:9. Ary izay malaina amin'ny asany dia rahalahin'ny mpanimba.

Ohab 18:10. Ny anaran'i Jehovah dia tilikambo mafy; ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy.

Ohab 18:11. Ny haren'ny manan-karena no vohiny mafy, ary raha araka ny fiheviny, dia toa manda avo izany.

Ohab 18:12. Ny fireharehan'ny fon'ny olona mialoha ny fahasimbana; fa ny fanetren-tena kosa mialoha ny voninahitra.

Ohab 18:13. Izay mamaly teny mbola tsy re, dia hadalana sy henatra ho azy izany.

Ohab 18:14. Ny faharariany dia zakan'ny fanahin'ny olona ihany; fa ny fanahy kivy, iza no mahazaka izany?

Ohab 18:15. Ny fon'ny manan-tsaina mahazo fahalalana; ary ny sofin'ny hendry mitady izany.

Ohab 18:16. Ny fanomezan'ny olona dia mahalalaka ny alehany, hahatonga azy eo anatrehan' ny lehibe.

Ohab 18:17. Izay mandahatra aloha no toa marina; fa nony avy kosa ny andaniny, dia mamaly ny teniny.

Ohab 18:18. Ny filokana mampitsahatra ady ary mampisaraka ny samy mahery.

Ohab 18:19. Ny mampionona ny rahalahy voaisy ratsy dia sarotra noho ny mahafaka vohitra mafy, ary ny fifandirana aminy dia tahaka ny hidin'ny lapan'ny mpanjaka.

Ohab 18:20. Ny vokatry ny vavan'ny olona no mahavoky soa azy; eny, ny vokatry ny molony no mahavoky azy.

Ohab 18:21. Ny mahafaty sy ny mahavelona samy hain'ny lela, koa izay manarana azy dia hihinana ny vokany.

Ohab 18:22. Izay lehilahy mahazo vady dia mahazo zava-tsoa sady mahita sitraka amin'i Jehovah.

Ohab 18:23. Fitarainana no ataon'ny malahelo; nefa ny manan-karena kosa dia mamaly mahery.

Ohab 18:24. Izay maro sakaiza tsy maintsy tra-pahoriana; fa misy sakaiza tia, izay mifikitra noho ny rahalahy aza.

OHABOLANA 19

Ohab 19:1. Tsara ny malahelo mandeha tsy misy tsiny noho izay mandainga amin'ny molony sady adala.

Ohab 19:2. Tsy tsara raha tsy manam-pahalalana ny fanahy; ary izay miezaka mosalahy dia ho diso lalana.

Ohab 19:3. Ny fahadalan'ny olona no mahasimba ny alehany, ka amin'i Jehovah no sosotra ny fony.

Ohab 19:4. Ny harena mahamaro sakaiza; fa ny malahelo afoin'ny sakaizany.

Ohab 19:5. Ny vavolombelona mandainga tsy ho afa-tsiny, ary izay mamoaka lainga tsy ho afa-miala.

Ohab 19:6. Maro no mandambolambo andriana; ary ny olona rehetra samy misakaiza amin'izay mpanome zavatra.

Ohab 19:7. Ny malahelo dia halan'ny rahalahiny rehetra, koa mainka fa ny sakaizany tsy hanalavitra azy va? Manandrandra amin'ny teny tsy misy izy.

Ohab 19:8. Izay mihary fahendrena no tia ny tenany, ary izay mitandrina fahalalana hahita soa.

Ohab 19:9. Ny vavolombelona mandainga tsy maintsy hampijalina, ary ny miteny lainga ho very.

Ohab 19:10. Ny ho velona amin'ny fahafinaretana dia tsy tandrifiny ho an'ny adala, koa mainka izay hanapahan'ny mpanompo ny zanak'andriana.

Ohab 19:11. Ny fahendren'ny olona manindry ny fahatezerany, ary voninahitra ho azy ny tsy mamaly fahadisoana.

Ohab 19:12. Ny fahatezeran'ny mpanjaka dia toy ny fieron'ny liona tanora: fa ny fitiany kosa toy ny ando amin'ny ahitra.

Ohab 19:13. Ny zanaka adala mahabe fahoriana ny rainy; ary ny ady ataon' ny vehivavy dia toy ny rano mitete mandrakariva.

Ohab 19:14. Trano sy harena no lova avy amin'ny ray; fa ny vady hendry kosa dia avy amin'i Jehovah.

Ohab 19:15. Ny hakamoana mahasondrian-tory, ary ho mosarena ny olona malaina.

Ohab 19:16. Izay mitandrina ny didy mitandrina ny ainy; fa izay tsy mihevitra ny alehany dia ho faty.

Ohab 19:17. Izay miantra ny malahelo dia mampisambotra an'i Jehovah, ary izay nomeny dia honerany kosa.

Ohab 19:18. Faizo ny zanakao, fa mbola misy azo antenaina ihany, nefa aza dia entim-po loatra, fandrao mahafaty azy.

Ohab 19:19. Ny lozabe tsy maintsy hampijalina; ary na dia vonjena aza izy, dia mbola hanahirana anao ihany indray.

Ohab 19:20. Henoy ny saina atolotra, ary raiso ny fananarana, mba ho hendry ianao amin' izay hiafaranao.

Ohab 19:21. Maro ny hevitra ao am-pon'ny olona; fa ny fisainan'i Jehovah no haharitra.

Ohab 19:22. Fifaliana amin'ny olona ny manisany soa; ary aleo ho malahelo toy izay ho mpandainga.

Ohab 19:23. Ny fahatahorana an'i Jehovah no ahazoana fiainana; izay manana izany tsy mba handry fotsy sady tsy hiharan-doza.

Ohab 19:24. Ny malaina dia mangarona ny eo an-dovia amin'ny tanany, nefa ny mampakatra azy ho amin'ny vavany dia tsy zakany.

Ohab 19:25. Kapohy ny mpaniratsira, dia ho hendry ny kely saina; ary anaro ny manantsaina, dia hahalala fahendrena izy.

Ohab 19:26. Izay mitohatoha amin-drainy sy mandroaka ny reniny dia zanaka mahamenatra sy mahafa-baraka.

Ohab 19:27. Anaka, mitsahara tsy hihaino anatra Izay mampanalavitra anao ny tenin'ny fahalalana.

Ohab 19:28. Ny vavolombelona ratsy maniratsira ny fitsarana; ary ny vavan'ny ratsy fanahy mitelina ny ratsy.

Ohab 19:29. Vonona ho amin'ny mpaniratsira ny fanamelohana, ary ny kapoka ho amin'ny lamosin'ny adala.

OHABOLANA 20

Ohab 20:1. Mpaniratsira ny divay, ary mpitabataba ny toaka, koa izay miraikiraiky azon'izany dia tsy hendry.

Ohab 20:2. Ny fampitahoran'ny mpanjaka dia toy ny fieron'ny liona tanora; izay mampahatezitra azy dia mankaha-doza hihatra amin'ny ainy.

Ohab 20:3. Voninahitry ny olona ny hanalavitra ny ady; fa ny adala rehetra kosa misafoaka.

Ohab 20:4. Ny malaina tsy mety miasa amin'ny ririnina, ka dia hangataka izy raha fararano, fa tsy hahazo.

Ohab 20:5. Rano lalina ny hevitra ao am-pon'ny olona; fa izay manan-tsaina dia mahay manovo azy ihany.

Ohab 20:6. Maro ny olona samy midera ny soa ataon'ny tenany avy; fa izay olo-mahatoky, iza moa no mahita azy?

Ohab 20:7. Izay olona marina mandeha amin'ny fahitsiany - Sambatra ny zanany mandimby azy.

Ohab 20:8. Mipetraka eo amin'ny seza fitsarana ny mpanjaka, ka mikororoka manaisotra ny ratsy rehetra ny masony.

Ohab 20:9. Iza no mahazo manao hoe: "Efa nahadio ny foko aho ka madio tsy manana ota"?

Ohab 20:10. Ny vato mizana samy hafa sy ny vata famarana samy hafa dia samy fahavetavetana eo imason'ny Jehovah.

Ohab 20:11. Na dia ny zaza aza dia mampiseho amin'ny fanaony. Na madio sy mahitsy ny fitondra-ntenany

Ohab 20:12. Ny sofina mandre sy ny maso mahita dia samy nataon'i Jehovah avokoa.

Ohab 20:13. Aza tia torimaso ianao fandrao tonga malahelo; ahirato ny masona dia ho voky hanina hianao.

Ohab 20:14. Ratsy! Ratsy! Hoy ny mpividy; Kanjo nony lasa izy, dia mandoka tena.

Ohab 20:15. Ao ihany ny volamena sy ny voahangy betsaka; fa ny molotra misy fahalalana no ravaka soa.

Ohab 20:16. Alao ny lambany fa efa niantila olon-kafa izy, ary tano ho solon'ny vahiny niantohany.

Ohab 20:17. Mamin'ny olona ny hanina azo amin'ny fitaka; kanjo ho feno fasika ny vavany any am-parany.

Ohab 20:18. Ny hevitra rehetra dia aorin'ny fisainana, ary ny fahaizana mandamina tsara no entona miady.

Ohab 20:19. Izay mandehandeha manaratsy dia manambara ny hevitra afenina, koa aza miraharaha izay mibedibedy foana.

Ohab 20:20. Izay manozona ny rainy na ny reniny, dia ho faty ao amin'ny alim-pito ny jirony.

Ohab 20:21. Ny harena malaky azo foana eo am-boalohany dia tsy hotahina any am-parany.

Ohab 20:22. Aza manao hoe; hamaly ny ratsy nataony aho; fa andraso Jehovah fa izy no hamonjy anao.

Ohab 20:23. Fahavetavetana eo imasion'ny Jehovah ny vato samy hafa, ary ny mizana mandainga dia tsy tsara.

Ohab 20:24. Avy amin'ny Jehovah ny dian'ny olona ary hataon'ny izay olombelona ahoana no hahafantatra ny lalany?

Ohab 20:25. Fandrika amin'ny olona ny malaky manao hoe: zavatra masina ity; ka nony vita ny voady, vao mamototra.

Ohab 20:26. Ny mpanjaka hendry mikororoka manaisotra ny ratsy fanahy sady mitarika ny kodia fivelezana eo amboniny.

Ohab 20:27. Jiron'ny Jehovah ny fanahin'ny olona, itsilovana ny efitrefitra rehetra ao am-po.

Ohab 20:28. Famindra-po sy fahamarinana no miaro ny mpanjaka, ary ampitoeriny amin'ny famindrampo ny seza fiandrianany.

Ohab 20:29. Voninahitry ny zatovo ny fahatanjahany, ary ravaky ny antim-panahy ny volo fotsy.

Ohab 20:30. Ny fampangirifiriana dia mahafaka ny faharatsiana, ary ny kapoka mahadio ny efitrefitra ao an-kibo.

OHABOLANA 21

- Ohab 21:1.** Rano velona eo an-tanan'i Jehovah ny fon'ny mpanjaka, ka tarihiny amin'izay tiany.
- Ohab 21:2.** Ataon'ny olona ho marina avokoa ny lalana rehetra alehany; fa Jehovah ihany no Mpandanja ny fo.
- Ohab 21:3.** Ny hanao izay marina sy mahitsy no sitrak'i Jehovah mihoatra noho ny fanatitra alatsa-dra.
- Ohab 21:4.** Ny fiandranandran'ny maso sy ny fiavonavon'ny fo - izay jiron'ny ratsy fanahy - dia ota.
- Ohab 21:5.** Ny hevitra ny mazoto dia mampanan-karena; fa ny maimaika rehetra dia halahelo ihany.
- Ohab 21:6.** Ny fahazoan-karena amin'ny lela mandainga dia fofonaina mihelina ho an'izay mitady fahafatesana.
- Ohab 21:7.** Ny fitohatohan'ny ratsy fanahy hamongotra azy, satria manda tsy hanao izay marina izy.
- Ohab 21:8.** Miolikolika ny lalan'ny mavesa-keloka; fa mahitsy ny ataon'ny madio.
- Ohab 21:9.** Aleo mitoetra eo an-joron'ny tampon-trano toy izay hiray trano amin'ny vehivavy tia ady.
- Ohab 21:10.** Ny fanahin'ny ratsy fanahy maniry ny ratsy, ka na dia ny havany aza tsy mahita fitia eo imasony.
- Ohab 21:11.** Raha ampijaliana ny mpaniratsira, dia ho hendry ny kely saina; ary raha toroan-kevitra ny hendry, dia hahazo fahalalana izy.
- Ohab 21:12.** Ny Iray Marina no mandinika ny tranon'ny ratsy fanahy ka mamarina azy ho amin'ny loza.
- Ohab 21:13.** Izay manentsin-tadiny amin'ny fitarainan'ny malahelo, dia mba hitaraina kosa izy, fa tsy hohenoina.
- Ohab 21:14.** Ny fanomezana mangingina mampionona ny fahatezerana, ary ny kolikoly amin'ny takona mampitsahatra ny fahavinirana mafy.
- Ohab 21:15.** Fifalian'ny marina ny hanao araka ny rariny; fa zava-mahatahotra ny mpanao ratsy kosa izany.
- Ohab 21:16.** Ny olona izay mivily miala amin'ny lalan'ny fahendrena dia hitoetra ao amin'ny fivorian'ny fanahin'ny maty.
- Ohab 21:17.** Izay tia fanaranam-po dia olona halahelo, eny, izay tia divay sy diloilo tsy mba hanan-karena.
- Ohab 21:18.** Ny ratsy fanahy dia ho avotry ny marina, ary ny mpivadika ho solon'ny mahitsy.
- Ohab 21:19.** Aleo mitoetra any an'efitra toy izay amin'ny vehivavy tia ady sady foizina.
- Ohab 21:20.** Harena mahafinaritra sy diloilo no ao amin'ny tranon'ny hendry; fa ny adala mandany azy.
- Ohab 21:21.** Izay fatra-panaraka fahamarinana sy famindrampo dia hahazo fiainana sy fahamarinana ary voninahitra.
- Ohab 21:22.** Ny hendry mananika ny vohitra ny mahery ka mandrodana ny fiarovana mafy izay itokiany.
- Ohab 21:23.** Izay miambina ny vavany sy ny lelany dia miaro ny fanahiny tsy ho azom-pahoriana.

Ohab 21:24. Izay mirehareha sy miavonavona no atao hoe mpaniratsira, dia izay olona fatra-piavonavona.

Ohab 21:25. Ny fanirian'ny malaina hahafaty azy, satria ny tanany tsy mety miasa tsinona;

Ohab 21:26. Maniry fatratra mandritra ny andro izy; fa ny marina kosa manome ka tsy mba mahihitra.

Ohab 21:27. Ny fanatitry ny ratsy fanahy dia fahavetavetana, ka indrindra raha amin'ny sain-dratsy no itondrany azy.

Ohab 21:28. Ho faty ny vavolombelona mandainga; fa izay mihaino dia hiteny mandrakariva.

Ohab 21:29. Ny ratsy fanahy mampiseho ny fahasahisahiany amin'ny tarehiny; fa ny marina kosa dia mihevitra izay halehany.

Ohab 21:30. Tsy misy fahendrena, na fahalalana, na fisainana mahaleo an'i Jehovah.

Ohab 21:31. Voaomana ny soavaly ho amin'ny andro iadiana; fa an'i Jehovah ihany ny fandresena.

OHABOLANA 22

Ohab 22:1. Aleo ho tsara laza toy izay ho be harena, ary tsara ny fitia noho ny volafotsy sy ny volamena.

Ohab 22:2. Mihaona ny manan-karena sy ny malahelo; fa Jehovah no Mpanao azy roa tonta.

Ohab 22:3. Ny mahira-tsaina mahatsinjo ny loza ka miery; fa ny kely saina kosa mandroso ka voa.

Ohab 22:4. Ny valin'ny fanetren-tena sy ny fahatahorana an'i Jehovah dia harena sy voninahitra ary fiainana.

Ohab 22:5. Tsilo sy fandrika no amin'ny alehan' ny maditra; fa izay te hiaro ny ainy dia manalavitra izany.

Ohab 22:6. Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany.

Ohab 22:7. Ny manan-karena dia manapaka ny malahelo, ary izay misambotra dia mpanompon'ny mampisambotra.

Ohab 22:8. Izay mamafy heloka dia hijinja fahoriana, ary ho levona ny tsorakazon'ny fahatezerany.

Ohab 22:9. Izay manana maso miantra hotahina, satria anomezany ho an'ny malahelo ny haniny.

Ohab 22:10. Roahy ny mpaniratsira, dia ho afaka ny fifandirana, eny, hitsahatra ny ady sy ny fahafaham-baraka.

Ohab 22:11. Izay tia fahadiovam-po, dia milaza soa ny molony. Sady sakaizan'ny mpanjaka izy.

Ohab 22:12. Ny mason'i Jehovah miaro ny manam-pahalalana; fa ny tenin'ny mpivadika dia foanany.

Ohab 22:13. Hoy ny malaina: Misy liona any ivelany; ho fatin'ny sasany any an-dalambe aho.

Ohab 22:14. Ny vavan'ny vehivavy jejo dia lavaka lalina; izay voaozon'i Jehovah no ho latsaka ao.

Ohab 22:15. Miraikitra amin'ny fon'ny zaza ny hadalana; fa ny tsorakazo famaizana no hampanalavitra izany aminy.

Ohab 22:16. Izay mampahory ny malahelo dia mampitombo ny haren'ny; fa izay manome ho an'ny manana kosa dia mampihena ny haren'ny.

{Ohabolana ny amin'ny fahamarinana sy ny fitondrantenan'ny hendry}

Ohab 22:17. Atongilano ny sofinao, ka henoy ny tenin'ny hendry, ary ampitandremo ny fahalalako ny fonao;

Ohab 22:18. fa mahafinaritra raha voatahirinao ao an-kibonao izany, koa aoka samy ho eo amin'ny molotrao.

Ohab 22:19. Ianao dia ianao no nampahafantariko izany, mba hitokiana amin'i Jehovah.

Ohab 22:20. Tsy efa nanoratra zava-tsoa ho anao va aho, izay misy hevitra tsara sy fahalalana.

Ohab 22:21. Mba hampahafantariko ny fahamarinan'ny teny mahatoky ianao, sy hahazoanao teny holazaina amin'izay naniraka anao?

Ohab 22:22. Aza manasihosy ny malahelo, saingy malahelo izy; ary aza dia manifikifa ny ory eo am-bavahady;

Ohab 22:23. Fa Jehovah anie ka hisolo vava azy amin'ny adiny. Ary hanimba ny ain'izay manimba azy.

Ohab 22:24. Aza misakaiza amin'ny olona mora tezitra, ary aza miara-dia amin'ny olona foizina,

Ohab 22:25. Fandrao ianao mianatra ny fanaony ka mahazo fandrika ho an'ny ainao.

Ohab 22:26. Aza mety ho isan'ny mifandray tanana, na izay mianto-trosa;

Ohab 22:27. Raha tsy manan-kalao ianao, nahoana no dia halainy ny lafika andrianao?

Ohab 22:28. Aza manakisaka ny faritany ela, izay naorin'ny razanao.

Ohab 22:29. Mahita olona mailaka amin'ny raharahany va ianao? Eo anatrehan'ny mpanjaka no hitsanganany, fa tsy hitsangana eo anatrehan'ny olona ambany izy.

OHABOLANA 23

Ohab 23:1. Raha mipetraka hiara-komana amin'ny mpanapaka ianao, dia hevero tsara izay eo anatrehanao,

Ohab 23:2. Ka andraso antsy ny tendanao, raha dia liana loatra ianao.

Ohab 23:3. Aza mitsiriritra ny hanim-piny, fa hani-mamitaka izany.

Ohab 23:4. Aza manasa-tena hanan-karena, aza entina amin'izany ny fahendrenao.

Ohab 23:5. Moa hampanarahinao azy va ny masonao, nefa tsy ao intsony izy? Fa maniry elatra tokoa izy ka manidina toy ny voromahery ho eny amin'ny lanitra.

Ohab 23:6. Aza homana ny mofon'izay ratsy fijery, ary aza mitsiriritra ny hanim-piny;

Ohab 23:7. Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany: hoy izy aminao: Mihinàna, misotroa; kanjo tsy sitrany ianao.

Ohab 23:8. Izay sombiny kely voatelinao aza dia mbola haloanao, ka ho very foana ny teny mahafinaritra nataonao.

Ohab 23:9. Aza miteny amin'ny adala; fa hohamavoiny foana ny fahendren'ny teninao.

Ohab 23:10. Aza manakisaka ny faritany ela, ary aza manitatra mankamin'ny sahan'ny kamboty;

Ohab 23:11. Fa mahery ny Mpanavotra azy, Izy no hisolo vava azy amin'ny adiny aminao.

Ohab 23:12. Ampieko famaizana ny fonao, sy tenim-pahalalana ny sofinao.

Ohab 23:13. Aza tsy manafay zanaka, fa tsy dia ho faty izy tsy akory na dia asiana ny hazo aza;

Ohab 23:14. Raha mamely azy amin'ny hazo ianao, dia ho voavonjinao tsy ho any amin'ny fiainantsihita ny fanahiny.

Ohab 23:15. Anaka, raha hendry ny fonao, dia ho faly koa ny foko, dia ny foko;

Ohab 23:16. Eny, ho ravoravo ny fanahiko, raha miteny marina ny molotrao.

Ohab 23:17. Aoka tsy hialona ny mpanota ny fonao; fa matahora an'i Jehovah mandritra ny andro;

Ohab 23:18. Fa raha mbola hisy koa ny farany, dia tsy ho foana ny fanantenanao.

Ohab 23:19. Mihainoa ianao, anaka, ka hendre, ary ampizory amin'ny lalana ny fonao.

Ohab 23:20. Aza misakaiza amin'izay mpiboboka divay sy izay fatra-pitia hena;

Ohab 23:21. Fa halahelo izay mpiboboka sy izay fatra-pitia hena; ary ny fitiavan-torimaso mampitafy voro-damba.

Ohab 23:22. Maneke ny rainao izay niteraka anao. Ary aza manamavo ny reninao, saingy efa antitra izy.

Ohab 23:23. Vidio ny marina, ka aza amidy, dia ny fahendrena sy ny fananarana ary ny fahazavan-tsaina.

Ohab 23:24. Hifaly dia hifaly ny rain'ny marina, ary izay miteraka zaza hendry hanampifaliana aminy.

Ohab 23:25. Aoka ho faly ny rainao sy ny reninao, eny, aoka ho ravoravo ny reninao izay niteraka anao.

Ohab 23:26. Anaka, atolory ahy ny fonao, ary aoka ny masonao ho faly mijery ny lalako;

Ohab 23:27. Fa ny vehivavy jejo dia hady lalina, ary ny vahiny janga lavaka ety;

Ohab 23:28. Eny, manotrika toy ny jiolahy ireny ary mahamaro ny olona mpivadika.

Ohab 23:29. An'iza ny Indrisy? An'iza ny Endrey? An'iza ny fifandirana? An'iza ny fitolokoana? An'iza ny ratra tsy ahoan-tsy ahoana? An'iza ny maso mivoara-mena?

Ohab 23:30. An'izay mikikitra amin'ny divay, eny, an'izay mandeha hanandrana divay voaharoharo zavatra.

Ohab 23:31. Aza mijery ny divay noho ny hamenany sy ny fanganohanony eo anaty gilasy ary ny fikoriany mahafinaritra;

Ohab 23:32. Fa amin'ny farany dia hanaikitra toy ny bibilava izy ary hanindrona toy ny menarana.

Ohab 23:33. Koa ny masonao dia hijery vehivavy jejo, ary ny fonao hieritreri-dratsy.

Ohab 23:34. Eny, ho sahala amin'izay mandry ao amin'ny ranomasina ianao sady ho tahaka izay mandry eo an-tendron'ny andrin-tsambo.

Ohab 23:35. "Nokapohiny aho, hoy ianao, fa tsy reko naharary ahy, nandalasiny aho, fa tsy tsaroako; rahoviana ange aho no hifoha mba hitadiavako azy indray?"

OHABOLANA 24

Ohab 24:1. Aza mialona ny olona ratsy fanahy, na maniry ho namany;

Ohab 24:2. Fa fandravana no saintsainin'ny fony, ary fampahoriana no tenenin'ny molony.

Ohab 24:3. Fahendrena no anaovana trano; ary fahalalanan-tsaina no mampaharitra azy;

Ohab 24:4. Sady fahalalana no hamenoana ny efitrano amin'izay harena soa sy mahafinaritra rehetra.

Ohab 24:5. Be hery ny lehilahy hendry, eny, mitombo hery ny olona manam-pahalalana;

Ohab 24:6. fa ny fahaizana mandamina tsara no entona miady, ary raha maro ny mpanolo-tsaina, dia misy famonjena.

Ohab 24:7. Avo tsy takatry ny adala ny fahendrena, tsy mba mahaloa-bava eo am-bavahady izy.

Ohab 24:8. Izay misaintsaina hanao ratsy dia atao hoe mpamoron-tsain-dratsy.

Ohab 24:9. Ota ny fikasan'ny hadalana; ary fahavetavetana eo imason'ny olona ny mpaniratsira.

Ohab 24:10. Raha reraka amin'ny andro fahoriana ianao, dia kely ny herinao.

Ohab 24:11. Vonjeo izay entina hovanoina, ary enga anie ka mba harovanao izay mangozohozo efa ho mby eo am-pamonoana!

Ohab 24:12. Raha hoy ianao: "Tsia, tsy mahalala izany izahay", moa Izay mandanja ny fo tsy hihevitra izany va? Ary Izay mandinika ny fanahinao tsy mahalala izany va? Eny, hovaliany araka ny ataony avy ny olona rehetra.

Ohab 24:13. Anaka, homàna tantely, fa tsara izany, ary ny toho-tantely, fa ho mamy eo ambavanao;

Ohab 24:14. Ary aoka ho toy izany no hianaranao fahendrena ho an'ny fanahinao; fa raha azonao izany, dia hisy hiafarana, ka tsy ho foana ny fanantenanao.

Ohab 24:15. Aza manotrika ao akaikin'ny tranon'ny marina ianao, ry ilay ratsy, aza ravanao ny fonenany;

Ohab 24:16. Fa potraka impito ny marina, nefa tafarina ihany; ary ny ratsy fanahy kosa solafaka, raha azom-pahoriana.

Ohab 24:17. Aza faly, raha lavo ny fahavalonao, ary aza ravoravo ny fonao, raha tafintohina izy;

Ohab 24:18. Fandrao hitan'i Jehovah izany ka ataony ho ratsy, ary ampialainy aminy ny fahatezerany.

Ohab 24:19. Aoka tsy hirehitra ny fahatezeranao noho ny amin'ny mpanao ratsy, ary aza mialona ny ratsy fanahy;

Ohab 24:20. Fa tsy hisy fanantenana ho an'ny ratsy; eny, ho faty ny jiron'ny ratsy fanahy.

Ohab 24:21. Anaka, matahora an'i Jehovah sy ny mpanjaka; ary aza mikambana amin'izay miovaova;

Ohab 24:22. Fa ho tampoka no hitrangan'izay hanjo ireny; ary iza no mahalala izay loza hiseho amin'ny androny?

Ohab 24:23. Iza koa no tenin'ny hendry: Tsy mety raha mizaha tavan'olona amin'ny fitsarana.

Ohab 24:24. Izay manao amin'ny meloka hoe: "Marina ianao", dia hozonin'ny olona sady ho halan'ny firenena;

Ohab 24:25. Fa izay mitsara marina kosa no hahita soa sy hahazo fitahiana tsara.

Ohab 24:26. Izay mahavao tsara amin'ny famaliana dia manoroka ny molotra.

Ohab 24:27. Amboary ny asanao any ivelany, ary ataovy lavorary ny any an-tsaha; ka rehefa vita izany, dia mahazo manao ny tranonao ianao.

Ohab 24:28. Aza mety ho vavolombelona foana hanameloka ny namanao; moa hamitaka amin'ny molotrao va ianao?

Ohab 24:29. Aza manao hoe: "Araka izay nataony tamiko no mba hataoko aminy kosa, hovaliako ny olona araka izay nataony."

Ohab 24:30. Nandalo ny sahan'ny kamo sy ny tanimboaloboky ny tsy ampy saina aho;

Ohab 24:31. Ary, indro, feno sampivato izy sady voasaron'ny amiana, ary nirodana ny ampiantany vatony.

Ohab 24:32. Dia nojereko ka noheveriko tsara, eny, hitako ka nahazoako anatra.

Ohab 24:33. Mbola hatory kely ihany, mbola ho renoka kely ihany. Mbola hanohon-tanana kely hatory;

Ohab 24:34. Dia ho tonga toy ny mimaona hamely ny alahelonao, ary ny fahantranao ho toy ny jiolahy.

OHABOLANA 25

{Ohabolana samy hafa ny amin'ny fitondrantena sy ny toetry ny olona marina}

Ohab 25:1. Iza koa no ohabolan'i Solomona, izay nangonin'ny olon'i Hezekia, mpanjakan'i Joda:

Ohab 25:2. Voninahitr'Andriamanitra ny manafin-javatra; fa voninahitry ny mpanjaka kosa ny mamanta-javatra.

Ohab 25:3. Ny hahavon'ny lanitra sy ny halalin'ny tany ary ny fon'ny mpanjaka dia samy tsy azo fantarina avokoa.

Ohab 25:4. Esory ny taim-bolafotsy, dia hisy fanaka ho an'ny mpanao anidina.

Ohab 25:5. Esory ny ratsy fanahy tsy ho eo anatrehan'ny mpanjaka, dia hampitoerina amin'ny fahamarinana ny sezafiandrianany.

Ohab 25:6. Aza manandra-tena eo anatrehan'ny mpanjaka, ary aza mitoetra eo amin'ny fitoeran'ny lehibe;

Ohab 25:7. Fa aleo ianao hantsoina hoe: "Miakara aty, toy izay hatambotsotra eo imason'ny manan-kaja izay hitan'ny masonao."

Ohab 25:8. Aza maika handeha hiady, fandrao tsy ho fantatrao izay hataonao amin'ny farany, rehefa omen'ny namanao henatra ianao.

Ohab 25:9. Miadia ihany ny adinao amin'ny namanao, kanefa aza aseho izay tsy tian'ny sasany holazaina,

Ohab 25:10. Fandrao izay mandre hanondro maso anao, ka tsy ho afaka aminao ny laza ratsy.

Ohab 25:11. Ny teny atao amin'ny antony dia paoma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra.

Ohab 25:12. Kavim-bolamena sy firavaka volamena tsara ny mpananatra hendry, raha amin'ny sofina mihaino.

Ohab 25:13. Toy ny hatsiaky ny orampanala amin'ny taom-pijinjana, dia toy izany ny iraka mahatoky amin'izay naniraka azy, fa mamelombelona ny fon'ny tompony izy.

Ohab 25:14. Toy ny rahona sy ny rivotra tsy misy orana ny olona izay mirehaka amin'ny fizaram-bava.

Ohab 25:15. Ny fahari-po no ahazoana mampanaiky ny mpitsara, ary ny vava malefaka mahatapa-taolana.

Ohab 25:16. Mahita tantely va ianao? Hano izay antonona anao, fandrao voky loatra ianao ka handoa azy.

Ohab 25:17. Aza miditra matetika ao an-tranon'ny namanao, fandrao tofoka anao izy, ka ho halany ianao.

Ohab 25:18. Langilangy sy sabatra ary zana-tsipika maranitra ny olona izay mitsangana ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namany.

Ohab 25:19. Toy ny nify nahasimatsimahana sy ny tongotra mangozohozo ny fahatokiana ny mpamitaka amin'ny andro fahoriana.

Ohab 25:20. Toy ny miala lamba amin'ny hatsiaka, ary toy ny vinaingitra amin'ny sirahazo, dia toy izany ny mikalo amin'ny malahelo am-po.

Ohab 25:21. Raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; ary raha mangetaheta izy, omeo rano hosotroiny;

Ohab 25:22. Fa raha manao izany ianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany, ary Jehovah no hamaly soa anao.

Ohab 25:23. Ny rivotra avy any avaratra mahatonga ranonorana, dia toy izany, ny lelan'ny mpifosa mampahavinitra endrika.

Ohab 25:24. Aleo mitoetra eo an-joron'ny tampon-trano toy izay miray trano amin'ny vehivavy tia ady.

Ohab 25:25. Rano mangatsiaka amin'ny fanahy reraka ny filazana soa avy any an-tany lavitra.

Ohab 25:26. Loharano voahosihosy sy fantsakana simba ny marina izay mikoy ny ratsy fanahy.

Ohab 25:27. Tsy tsara raha mahery homana tantely; fa ny fitadiavan'ny olona ny voninahiny dia tsy voninahitra.

Ohab 25:28. Tanàna rava tsy misy manda ny lehilahy izay tsy mahatsindry ny fanahiny.

OHABOLANA 26

- Ohab 26:1.** Toy ny orampanala amin'ny lohataona, ary toy ny ranonorana amin'ny taom-pijinjana, dia toy izany ny voninahitra tsy tandrifiny ho an'ny adala.
- Ohab 26:2.** Toy ny vorona mivezivezy sy ny sidintsidina manidina, dia toy izany ny fanozonam-poana: tsy mba hihatra izany.
- Ohab 26:3.** Ny karavasy ho amin'ny soavaly, ny lamboridy ho amin'ny boriky, ary ny tsorakazo kosa ho amin'ny lamosin'ny adala.
- Ohab 26:4.** Aza mamaly ny adala araka ny hadalàny, fandrao mba adala tahaka azy koa ianao.
- Ohab 26:5.** Valio ny adala araka ny hadalàny, fandrao dia manao azy ho hendry izy.
- Ohab 26:6.** Manapaka ny tongony sady misotro loza izay mampitondra teny ny adala.
- Ohab 26:7.** Mikepiképika ny tongotry ny malemy tongotra, dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan'ny adala.
- Ohab 26:8.** Toy ny manisy vato eo amin'ny antsamotady, dia toy izany ny manome voninahitra ny adala.
- Ohab 26:9.** Toy ny tsilo eny an-tanan'ny olona mamomamo, dia toy izany ny ohabolana eo am-bavan'ny adala.
- Ohab 26:10.** Ny mpiasa mahay dia mahavita ny zavatra isan-karazany; fa izay manakarama ny adala dia toy ny manakarama izay sendra mandalo.
- Ohab 26:11.** Toy ny amboa miverina amin'ny loany, dia toy izany ny adala miverina amin'ny hadalany.
- Ohab 26:12.** Hitanao va ny olona manao azy ho hendry? Ny adala misy hantenaina kokoa noho izy.
- Ohab 26:13.** Hoy ny malaina: "Misy liona any an-dalana, misy liona atsy an-dalambe."
- Ohab 26:14.** Toy ny varavarana mihodina amin'ny saviliny, dia toy izany ny kamo eo amin'ny fandriany,
- Ohab 26:15.** ny malaina mangarona ny eo an-doviany, nefa ny hampakatra azy ho amin'ny vavany dia mahasasatra azy.
- Ohab 26:16.** Ny kamo manao ny tenany ho hendry mihoatra noho ny olona fito izay mahavaly tsara.
- Ohab 26:17.** Izay mandalo ka mitsaraingona amin'ny ady tsy azy dia mandroritra amboa amin'ny sofiny.
- Ohab 26:18.** Toy ny adala izay manely afo sy zana-tsipika ary fahafatesana,
- Ohab 26:19.** Dia toy izany ny olona mamitaka ny namany ka manao hoe: "Tsy vosobosotra ihany va no ataoko?"
- Ohab 26:20.** Raha tsy misy kitay intsony, dia maty ny afo; ary raha tsy misy mpifosafosa intsony, dia mitsahatra ny fifandirana.
- Ohab 26:21.** Toy ny arina atao amin'ny vainafo sy ny kitay hazo atao amin'ny afo, dia toy izany ny olona tia ady mandrehitra fifandirana.
- Ohab 26:22.** Toy ny hanim-py ny tenin'ny mpitanti-bolana, ka mikorotsaka hatranyanatin'ny tsinay.
- Ohab 26:23.** Tavim-bilany misy ankosotra taim-bolafotsy, ny molotra mihatsaravelatsihy sy ny fo ratsy.
- Ohab 26:24.** Ny mpandrafy dia mody ho hafa amin'ny molony sady manafim-pitaka ao am-pony;
- Ohab 26:25.** Koa na dia miteny soa aza izy, aza mino azy; fa fahavetavetana fito no ao am-pony.
- Ohab 26:26.** Ny lolompo dia miafina ao amin'ny fitaka; nefa ny haratsiany dia haharihary eo am-pahibemaso.

Ohab 26:27. Izay mihady lavaka no ho latsaka ao, ary izay manakodiadia vato no hikodiavany kosa.

Ohab 26:28. Halan'ny lela mandainga izay efa nampahoriny, ary ny vava mandrobo dia mampidi-doza.

OHABOLANA 27

Ohab 27:1. Aza mirehareha ny amin'ny ho ampitso ianao; fa na dia ny havoaky ny anio aza tsy fantatrao.

Ohab 27:2. Aoka ny olon-kafa no hidera anao, fa tsy ny vavanao, eny, ny vahiny, fa tsy ny molotrao.

Ohab 27:3. Mavesatra ny vato, ary mavesa-danja ny fasika; fa ny fahasosoran'ny adala dia manoatra noho izy roa tonta.

Ohab 27:4. Masiaka ny fahavinirana, ary misafoaka ny fahatezerana; fa iza no mahajanona eo anatrehan'ny fahasaro-piaro?

Ohab 27:5. Aleo anatra imaso toy izay fitia afenina.

Ohab 27:6. Azo itokiana hahasoa ny fery ataon'ny sakaiza; fa tena fitaka ny fanorohan'ny fahavalo.

Ohab 27:7. Hitsakitsahin'ny voky na dia ny toho-tantely aza; fa mamin'ny noana na dia ny zava-mangidy rehetra aza.

Ohab 27:8. Toy ny voronkely miala amin'ny akaniny ka mirenireny, dia toy izany ny olona izay mirenireny miala amin'ny fonenany.

Ohab 27:9. Ny diloilo sy ny zava-manitra mahafaly ny fo, ary ny hamamin'ny sakaiza dia avy amin'ny ana-panahy ataony.

Ohab 27:10. Aza mahafoy ny sakaizanao, na ny sakaizan-drainao, ary aza mankany amin'ny tranon'ny rahalahinao amin'ny andro fahorianao; fa tsara ny namana akaiky noho ny rahalahy lavitra.

Ohab 27:11. Anaka, hendre, ary ampifalio ny foko, mba hamaliako izay miteny ratsy ahy.

Ohab 27:12. Ny mahira-tsaina mahatazana ny loza ka miery; fa ny kely saina kosa mandroso ka voa.

Ohab 27:13. Alao ny lambany, fa efa niantoka olon-kafa izy, ary tano ho solon'ny vahiny janga niantohany izy.

Ohab 27:14. Izay mifoha maraina koa ka misaotra ny sakaizany amin'ny feo mahery, dia isaina ho fanozonana izany.

Ohab 27:15. Tahaka ny fijononoky ny ranonorana be ny vehivavy tia ady.

Ohab 27:16. Izay misakana azy dia toy ny misakana ny rivotra, sady toy ny mamihina diloilo ny tanany ankavanana.

Ohab 27:17. Ny vy maharanitra ny vy, toy izany, ny olona maharanitra ny tarehin'ny sakaizany.

Ohab 27:18. Izay miaro aviavy dia hihinana ny voany; ary izay miambin-tompo dia homem-boninahitra.

Ohab 27:19. Toy ny tandindona eny anaty rano mifanahaka amin'ny tarehy, dia toy izany no ifanahafan'ny fon'ny olona amin'ny an'olona.

Ohab 27:20. Ny fiainantsihita sy ny fandranganana tsy mety voky, dia toy izany no tsy ahamamoan'ny mason'ny olona.

Ohab 27:21. Ny memy ho an'ny volafotsy, ny fandrendrehana ho an'ny volamena, ary ny toetry ny olona dia tsy maintsy ho araka izay zavatra derainy.

Ohab 27:22. Na dia miara-totoinao ny fanoto amin'ny vary eo an-daona aza ny adala, dia tsy mba hiala aminy tsy akory ny fahadalany.

Ohab 27:23. Fantaro tsara ny tarehin'ny ondry aman'osinao, ary miahia tsara ny andian'ny bibinao;

Ohab 27:24. Fa ny harena tsy ho mandrakizay; ary moa haharitra ho amin'ny taranaka rehetra va ny satroboninahitra?

Ohab 27:25. Na dia lany aza ny ahitra, ka mitsiry ny solofony, ary voataona ny zava-maniry any an-tendrombohitra,

Ohab 27:26. Ny zanak'ondry dia hahazoanao fitafiana, ary ny osy hamidinao tany;

Ohab 27:27. Ary ho ampy hosotroinao ny rononon'osy sy ho an'ny ankohonanao, ary hisy hiveloman'ny ankizivavinao.

OHABOLANA 28

Ohab 28:1. Ny ratsy fanahy mandositra, na dia tsy misy manenjika aza; fa ny marina kosa dia matoky toy ny liona tanora.

Ohab 28:2. Ny fahotan'ny tany mahamaro mpanapaka; fa ny fisian'ny olona manan-tsaina kosa no mampahateza ny fanjakana.

Ohab 28:3. Ny malahelo izay mampahory ny mahantra dia toy ny ranonorana izay manindao ka tsy maha misy hanina.

Ohab 28:4. Izay mahafoy ny lalàna dia mandoka ny ratsy fanahy; fa izay mitandrina ny lalàna dia mirehitra amin'ny fanoherana azy.

Ohab 28:5. Ny ratsy fanahy dia tsy mahalala rariny; fa izay mitady an'i Jehovah no mahalala ny zavatra rehetra.

Ohab 28:6. Ny malahelo izay mandeha amin'ny fahitsiany dia tsara noho ny manan-karena izay mivadika ka mandeha amin'ny lalana miolikolika.

Ohab 28:7. Izay mitandrina ny lalàna no zanaka hendry; fa izay misakaiza amin'ny mpandany harena dia manome henatra ny rainy.

Ohab 28:8. Izay mampitombo ny fananany amin'ny zana-bola sy ny tombony dia mamory ho an'izay miantra ny malahelo.

Ohab 28:9. Izay manentsin-tadiny tsy hihaino ny lalàna, na ny fivavahany aza dia fahavetavetana.

Ohab 28:10. Izay mampivily ny mahitsy ho amin'ny lalan-dratsy dia ho lavo amin'ny lavaka nataony; fa ny tsy misy tsiny no handova ny soa.

Ohab 28:11. Ny manan-karena manao azy ho hendry; fa ny malahelo izay manan-tsaina dia hizaha toetra azy.

Ohab 28:12. Raha ravoravo ny marina, dia be ny famirapiratana; fa raha misandratra kosa ny ratsy fanahy, dia miery ny vahoaka.

Ohab 28:13. Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo.

Ohab 28:14. Sambatra izay olona matahotra mandrakariva; fa izay manamafy ny fony no hidiran-doza.

Ohab 28:15. Liona mieronana sy bera miremby ny mpanapaka ratsy fanahy amin'ny olona reraka.

Ohab 28:16. Ny mpanapaka tsy ampy saina dia mahery mampahory; izay mankahala ny fieremana no ho ela velona.

Ohab 28:17. Izay itambesaran-keloka noho ny fandatsahan-dra dia handositra hatrany andavaka; aoka tsy hisy hihazona azy.

Ohab 28:18. Izay mandeha tsy misy tsiny no ho voavonjy; fa izay mivadika ka mandeha amin'ny lalana miolikolika no ho lavo tampoka.

Ohab 28:19. Izay miasa ny taniny dia ho voky hanina; fa izay manaraka ny olom-poana ho voky alahelo kosa.

Ohab 28:20. Izay olona mahatoky tokoa dia ho be fitahiana; fa izay maimay te hanan-karena dia tsy maintsy hohelohina.

Ohab 28:21. Tsy mety raha mizaha tavan'olona; kanefa na dia amin'ny sombin-kanina ihany aza dia sahin'ny olona hanotana.

Ohab 28:22. Ny mpialona dia maimay te hanan-karena; tsy fantany fa hanjo azy ny alahelo.

Ohab 28:23. Izay mananatra olona no hahazo fitia be rahatrizay noho izay mandrobo amin'ny lelany.

Ohab 28:24. Izay mandroba ray sy reny ka manao hoe: "Tsy heloka izany, dia naman'ny mpanimba."

Ohab 28:25. Izay mierina manetsika ady; fa izay matoky an'i Jehovah dia hohatavezina.

Ohab 28:26. Izay matoky ny fony dia adala; fa izay mandeha amin'ny fahendrena no ho afamiala.

Ohab 28:27. Izay manome ny malahelo tsy hanan-java-mahory; fa izay mitampi-maso hahazo ozona be.

Ohab 28:28. Raha misandratra ny ratsy fanahy, dia miery ny vahoaka; fa raha ringana kosa izy, dia mihamaro ny marina.

OHABOLANA 29

Ohab 29:1. Izay olona anarina matetika ka mihamafy hatoka dia ho torotoro tampoka, ka tsy hisy fahasitranana.

Ohab 29:2. Raha mihamaro ny marina, dia faly ny vahoaka; fa raha ny ratsy fanahy no manapaka, dia misento kosa izy.

Ohab 29:3. Izay tia fahendrena no mahafaly ny rainy; fa izay misakaiza amin'ny vehivavy janga dia mandany harena.

Ohab 29:4. Ny rariny no ampandrian'ny mpanjaka ny tany; fa izay mandray tambitamby no mandrava azy kosa.

Ohab 29:5. Izay olona mandrobo ny namany dia mamela-pandrika ny tongony.

Ohab 29:6. Misy fandrika amin'ny heloky ny olon-dratsy; fa ny marina mihoby sy mifaly.

Ohab 29:7. Ny marina mihevitra ny adin'ny malahelo; fa ny ratsy fanahy tsy hahalala fahendrena.

Ohab 29:8. Ny mpaniratsira mampihotakotaka ny tanàna; fa ny hendry mampionona fahatezerana.

Ohab 29:9. Raha iadian'ny hendry ny adala, dia tezitra sy mihomehy izy, ka tsy hisy fitsaharana.

Ohab 29:10. Ny olona mpandatsa-dra mankahala ny tsy misy tsiny; fa ny mahitsy kosa miahy ny ainy.

Ohab 29:11. Ny fahatezeran'ny adala dia avoakany avokoa; fa ny hendry kosa manindry fo.

Ohab 29:12. Raha mihaino lainga ny mpanapaka, dia ho ratsy fanahy ny mpanompony rehetra.

Ohab 29:13. Mihaona ny malahelo sy ny mpampahory; Jehovah no manazava ny mason' izy roa tonta.

Ohab 29:14. Izay mpanjaka mitsara marina ny malahelo, dia haharitra mandrakizay ny seza fiandrianany.

Ohab 29:15. Ny tsorakazo sy ny anatra no manome fahendrena; fa ny zaza aranana mampahamenatra ny reniny.

Ohab 29:16. Raha maro ny ratsy fanahy, dia mitombo ny ota; fa ny marina ho faly mahita ny fahalavoany.

Ohab 29:17. Faizo ny zanakao, dia ho famelombelomana ny fonao izy sy ho fifalian'ny fanahinao.

Ohab 29:18. Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin'izay tsy mety ny olona; fa raha mitandrina ny lalàna kosa izy, dia sambatra.

Ohab 29:19. Raha teny fotsiny ihany, dia tsy ampy hananarana ny mpanompo; fa na dia fantany aza, tsy hankatoaviny.

Ohab 29:20. Hitanao va ny olona faingam-bava? Ny adala aza misy hantenaina kokoa noho izy.

Ohab 29:21. Ny mpanompo izay nampihantaina hatry ny fony mbola kely dia hihambo ho zanaka any am-parany.

Ohab 29:22. Ny olona mora tezitra manetsika ady; ary ny olona masiaka dia be fahadisoana.

Ohab 29:23. Ny fiavonavonan'ny olona no hampietry azy; fa hahazo voninahitra kosa ny manetry tena.

Ohab 29:24. Izay miray tetika amin'ny mpangalatra dia manary tena; mandre ny fampianianana izy, nefa tsy mety milaza.

Ohab 29:25. Mamandrika ny tahotra olona; fa izay matoky an'i Jehovah no hovonjena.

Ohab 29:26. Maro no mila sitraka amin'ny mpanapaka; fa avy amin'i Jehovah ny fitsarana ny olona.

Ohab 29:27. Ny meloka dia fahavetavetana eo imason'ny marina; ary ny mahitsy lalana dia mba fahavetavetana eo imason'ny ratsy fanahy kosa.

DIKAN-TENY MANOKANA

Approche descriptive: Haitsikera manoritsoritra

Comparaison: Fanoarana

Métaphore: Fanovana endri-javatra

Metonymie: Fanovana anarana

Parallélisme: Fehezan-teny mifamaly rafitra na fifamalian-drafi-pehezan-teny

LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

RAKIBOLANA NANOVOZAN-KEVITRA

- DUBOIS (J.). *Dictionnaire de linguistique*. Librairie Larousse. 17 rue Paris Ivè. 1970.
- *Encyclopedia Universsalis*. TomeII
- RAJEMISA-RAOLISON (R.). *Rakibolana malagasy*. Ambozontany-Analamahitsy-Antananarivo Madagascar. 2003.
- ROBERT (P.). *Dictionnaire le Robert* 107 Avenue. Paris X^{ème}. 1986.

« LOGICIEL » NANOVOZAN-KEVITRA

- Logiciel encyclopédie Microsoft Encarta 2005
- Logiciel i Baiboly.
- Logiciel master Christian library
- Logiciel Power bible*

BOKIM-PIVAVAHANA NANOVOZAN-KEVITRA

- *A L'ECOUTE DE LA BIBLE.** Guide de l'étude de la bible par sujet, achevé d'imprimer en Mars 1982 sur les presses de l'imprimerie S.D.T. 77190 DAMMARIE LES LYS-France. Dépôt légal mars 1982. N°694.
- *Fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana*. Tari-dalana fianarana Baiboly ho an'ny Lehibe. Telovolana voalohany. 2009.
- *NY BAIBOLY DIEM*. Testaments taloha sy vaovao. Tsy misy deoterona na apokrifa. Nadika avy tamin'ny teny hebreo sy grika ho amin'ny teny malagasy ofisialy ankehitriny. Fikambanana mampiely baiboly malagasy. Antananarivo. Madagasikara. La Société Biblique Malgache. Imprimé à l'île Maurice par Book Printing Services. 1662p. 2004.
- *NY BAIBOLY**. La Société Biblique Malgache. U.B.S.E.P.F. Antananarivo.1965. 1145p.

- PARENT (R.). docteur en théologie UAZ. *Syllabus de livres poétiques de l'ancien testament*. 2002-2003. 55p.
- RAJAONA (S.). *La Bible: Style et traduction. Colloque sur l'impact culturel de la bible en malgache à Madagascar du 4 au 9 novembre 1985*.
- SEGOND (L.). *La sainte Bible*. Traduite des textes originaux hébreu et Grec. Nouvelle édition de Genève. 1979. Avec parallèles guide d'étude biblique et introductions aux livres de la bible. Société Biblique de Genève. Genève-Paris. Cinquième 2dition avec guide d'étude. 1402p.
- WHITE (E.G.). *Mpaminany sy mpanjaka*. Edition A.D. ANTANANARIVO MADAGASIKARA.1986. Imprimerie adventiste. 602p.

NY BOKY MOMBA NY « STYLISTIQUE » NANOVOZAN-KEVITRA

- ANDRIANANTENAINA (J.D.). Ny fomba filazan-javatra amin'ny sombin-tantara araka ny ahitana azy ao amin'ny Erika. Mémoire de CAPEN. 1994
- BALLY (Ch.)* -*Le langage et la vie*. Paris. Payot. 1951. 264p.
-*Traité de stylistique française*. Klincksieck. Paris.1926.
- BUSSE (W.). *Bulletin des jeunes Romanistes*. 1964.
- DUCROT (O.). *Analyses pragmatique*.
- DUMARSAIS: *traité de Tropes*. Paris. 1930.
- GENETTE (G.). *Figures I et II*. Etude et notes critiques entre 1959-1965. Edition du Seuil. Paris. 1966. 272p.
- GUIRAUD (P.) et KUENTZE (P.). *La stylistique lecture*. Paris. 1970.
- JURANVILLE (C.). *Le style enseigné par la pratique*. Paris. LAROUSSE.
- RAJAONA (S.)*. - *Takelaka voavaofy*. . Ed. Ambozontany. Fianarantsoa. Antananarivo. 1994. 149p.
- *Ny zava-kanto vita amin'ny teny na ny sari-teny eo amin'ny fomba filazan-javatra*. Edition Ambozontany. Fianarantsoa. Antananarivo. 1993. 124p.
- RAMUZ (F.). *Taille de l'homme*. Edition Bernard Grasset. 1993.
- STANKIEWICZ (E.). *Problème du langage émotif*. Mouton. 1964.
- VOLOLONANAHARY (R.J.). *Ny fomba fampianarana ny ohabolana eo anivon'ny taranja malagasy*. Mémoire du CAPEN.1991.

BOKY MOMBA NY LITERATIORA NANOVOZAN-KEVITRA

- BIET, BRIGHELLI, RISPAIL. *Littérature 2*. Collection littérature. Edition Magnard. Paris. 1989.
- ROUSSEAU (J.J.). *La nouvelle Héloïse*. 11^{ème} partie. Edition Flammarion. Tome II
- RAHAJARIZAFY (S.J.). SY ANTOINE (P.). *Ohabolana malagasy*. Edition Ambozontany. Analamahitsy Antananarivo. 1998. 160p.
- RAZAFINTSALAMA (A.). *Ny finoana sy ny fombany*

BOKY MOMBA NY FANABEAZANA

- DOTRENS. Eduquer et instruire
- RAJEMISA-RAOLISON (R.). *Mba olom-banona*. 1951.
- RANDRIAMASINOROARIMANANA (J.). *Ny olana mety ho tojo ny zanakareo*. Achevé d'imprimer sur les presses de BPS. pour le compte de l'imprimerie Pierron. 1996. 284p
- RANDRIANJOANIMANANA (O.). *Singan-kevitra ny mpandinika*.
- RASAMUEL (M.). *Loharano T8*
- RANAIVOARISOA (G. T.) sy RABENOELY (C.). *Lovako T. 11*. 224p

Ireo Olona Nanovozan-Kevitra

- Pasitora RAKOTOARIVELO Tsiriniaina. Mpitandrina ao amin'ny fianonana Advantista Mitandrina ny andro fahafito ao amin'ny distrika Brieville
- Pasitora RASOANAIVO Janvier. Filoha lefitra nitantana ny sampana "fiduciaire" sy fanabeazana eo anivon'ny fianonana Advantista eto amin'ny Federasiona Madagasikara Afovoany.

Nom: RANDRIANANDRASANA

Prénoms: Narisoa Mihaja

Nombre des pages: 155

Titre de la recherche

**LA STYLISTIQUE ET L'EDUCATION DU LIVRE DE
SALOMON DANS PROVERBE 10-29 DE LA BIBLE
PROTESTANTE**

Resumé

Le livre de proverbe dans la Bible est un CORPUS dont il n'y a personne qui travaille là-dessus dans la matière de stylistique. Nous pouvons dire que cette recherche est le premier travail dans ce domaine et qui montre que proverbe existe vive et artistique.

Nous choisissons spécialement, proverbe 10 à 29 parce que le thème principale du proverbe donnant des conseils concernant l'éducation se trouve dans ces chapitres. Justifié par la recherche qu'il est un art.

L'écrivain joue toujours avec du parallélisme. Il y a aussi des comparaisons, des métonymies, des synecdoques, des métaphores.

Mot clef:

Proverbe, éducation, sagesse, connaissance, langue, parallélisme, métaphore, métonymie, style.

Adresse: Lot IC 97 Bis Andrefan'Ilafy. ANTANANARIVO
AVARADRANO.

Tel: 0340853144

Directeur : RAKOTOARISON Angelot
Maître de conférences

Name: RANDRIANANDRASANA

First names: Narisoa Mihaja

Number of the pages: 155

Title of research

THE STYLISTICS AND THE EDUCATION OF SALOMON'S
BOOK IN PROVERB 10-29 OF THE PROTESTANT BIBLE

Summarized

The book of proverb in the Bible is a CORPUS of which there is not anyone that works thereon in the matter of stylistics. We can say that this research is the first work in this domain and that to show that proverb exists quick and artistic.

We especially choose, proverb 10 to 29 because the main theme of the giving proverb of counsel them concerning the education is in these chapters. Justified by the searches for that he/it is an art.

The writer always plays with the parallelism. There are also the comparisons, metonymies, the synecdoche, and the metaphors.

Word key:

Proverb, education, wisdom, knowledge, language, parallelism, metaphor, metonymy, style.

Address: Lot IC 97 Encore Andrefan'Ilafy. ANTANANARIVO
AVARADRANO.

Telephone: 0340853144

Director: RAKOTOARISON Angelot

Master of conferences

Anarana : RANDRIANANDRASANA

Fanampiny : Narisoa Mihaja

Ny isan'ny takila : 155

Lohatenin'ny asa fikarohana :

**NY FOMBA FILAZAN-JAVATRA SY NY FANABEAZANA
AO AMIN'NY OHABOLANA 10-29 NOSORATAN'I
SOLOMONA AO AMIN'NY BAIBOLY PROTESTANTA**

Famintinana :

Akora tsy mbola nisy nandinika teo amin'ny sehatry ny haiteny ny ohabolana ao amin'ny Baiboly. Ka azo lazaina ho santatra ihany ity asa ity ho fanehoana fa misy sy miaina ary kanto nyohabolana ao amin'ny Baiboly.

Nofidina manokana ny ohabolana 10-29 satria ao no tena votoatin'ny ohabolana izay manome toro-hevitra maro mifandraika indrindra amin'ny fanabeazana. Voaporofa tamin'ny fandalinana natao fa zava-kanto vita amin'ny teny tokoa ny ohabolana.

Ny filalaovan'ny mpanoratra amin'ny fehezanteny mifamaly rafitra no tena mibahan-toerana ao; manaraka azy ny fanovan-javatra toy ny fanovana endri-javatra, ny fanoharana, ny fanovana anarana ary ny "synecdoque".

Teny manan-danja:

Ohabolana, fanabeazana, fahendrena, fahalalana, fiteny, fehezanteny mifamaly rafitra, fanovan-javatra, fanoharana, fanovana anarana, sarin-teny. fanovana endri-javatra.

Fonenana: Lot IC 97 Bis Andrefan'Ilafy. ANTANANARIVO
AVARADRANO. Tel: 0340853144

Mpitarika ny fikarohana: RAKOTOARISON Angelot
Maître de conférences